Nahoana Isika No Tsy Anaram-piangonana?

Nanana tombontsoa aho ny tafaverina eto amin'ny polipitra indray, taorian'ny teo amin'ny, heveriko, saiky telo volana tsy nahatongavana. Nanana fotoana sarotra ireo vontsira, toy izany koa aho. Oh, nampiala sasatra ilay izy, na izany aza, ankehitriny, ary mahatsapa betsaka ianareo toy ny hoe hiditra ao amin'ny asa indray. Fa manantena aho ankehitriny ny hanomboka amin'io herinandro ho avy io, amin'io Alarobia hariva ho avy io, ho an'ny—ny fifohazana iray eto amin'ny tabernakla eto mihitsy. Ary raha sitrak'Andriamanitra, dia manana aho karazan'ny . . . Nampanantena ahy karazana asampanompoana hafa sy vaovao iray ny Tompo. Ary raha Sitrany ny hanao an'izany, dia manantena aho ny hanomboka an'io—io karazana asa vaovao io amin'ny herinandro ho avy, eto amin'ny tabernakla, ho an'ny toerana voalohany.

2 Ary avy eo, tsy manana fivoriana voalahatra aho, fa Australie sy New Zealand fotsiny, ho an'io volana Janoary ho avy io. Ary avy eo dia Rahalahy Osborn no miantso fivoriana miaraka iray izay somary nampanantenaiko azy teto fotoana maro lasa izay, any Tulsa, saingy aoriana kely, fa tsy mbola azontsika antoka ny amin'izany.

3 Tena tsara tokoa, Rahalahy Jeffreys, ny mandray ny tànanao eto aoriana eto, sy ny mandre ihany koa ny zanakao lahy mihira an'ilay hira, ary ianao no mitendry. Karazan'ny tiako izany, ray sy zanaka. Tsy tianareo ve izany? "Ento eo amin'ny làlana tokony halehany ny ankizy." Marina izany, Atoa. Guenther, ianao—fantatrao fa marina izany, ianareo roa. "Ento eo amin'ny làlana tokony halehany ny ankizy, fa rehefa antitra izy dia tsy hiala izany." Ary marina izany. Mety misy matetika hialany amin'izany, saingy tsy hiala aminy izy. Hitanareo? Izany dia—hijanona miaraka aminy foana izany. Ilay fanofanana voalohany sy na inona na inona nanabeazana azy mba hataony, izany dia—hijanona miaraka aminy tokoa izany. Ankehitriny, ity dia . . .

4 Nihaona tamin-dRahalahy Jeffreys aho tao ivelany tao, ka hoy aho hoe, "Rahalahy Jeffreys . . ." Nieritreritra aho, fantatrareo, faly foana aho mahita ny iray amin'ireo rahalahiko tonga mitsidika, saingy hariva iray toy ny inona ny fitsidihan'ny rahalahy iray tonga! Ity dia hariva ho an'ireo havana fotsiny izay tonga eto amin'ny tabernakla, mialoha an'io fifohazana io. Ity no hariva . . . Tiantsika ny haka izao hariva izao, sy rahampitso maraina, ary rahampitso hariva, eo amin'izay inoantsika fotsiny

eto amin'ny tabernakla, mba—mba hamerenana an'izany indray. Manana finoana tena mahatsikaiky isika, tena hafahafa, saingy na manao ahoana na manao ahoana dia hitantsika ao amin'ity Baiboly ity izy ireny. Toy ny tena ao tsara mihitsy izy ireo.

5 Ary ankehitriny, raha hisy rahalahy na anabavy vahiny iray ato, izay mikambana amin'ny anaram-piangonana iray, na—na tsy mifanaraka, mipetraka fotsiny ho an'ity izao hariva izao, dia tianay ny hahafantaranareo fa tongasoa tanteraka tokoa ianareo. Hitanareo, tongasoa fotsiny arak'izay maha-izy anareo ianareo. Fa ankehitriny dia manantena aho . . . Ary manao an'izao ho tena henjana izahay. Noho izany raha toy ny hoe tsy hifanaraka amin'izany ianareo, eny, ankehitriny, dia ataovy tahaka ny ataoko izany rehefa mihinana tarta misy serizy aho. Fa rehefa mihinana tarta misy serizy aho, izay tiako indrindra, izaho isan'andro, rehefa izaho . . . Rehefa mihinana an'ilay tarta aho, raha tonga eo amin'ny voany iray aho, dia tsy atsipiko ilay tarta. Izaho—atsipiko fotsiny ilay voany dia manohy mihinana tarta fotsiny. Noho izany, na tahaka ny mihinana akoho. Ankehitriny, tia akoho avokoa ianareo rehetra, hitanareo. Ary rehefa midona amin'ilay taolana ianareo, dia tsy mijanona, mihodina amin'ilay taolana fotsiny ianareo dia manohy mihinana akoho. Eny, tahaka an'izany no ataonareo izao hariva izao, izay ho lazaiko eto, ianareo fotsiny . . . rehefa midona amin'ny zavatra iray ianareo, hoy ianareo hoe, "Ankehitriny, izaho—izaho fotsiny tsy . . . Mipetraka ato amin'ity fotsiny aho, toy ny Foto-pampianaram-piangonana kely iray, ato amin'ireto fivoriana telo manaraka ireto. Izy ireo dia karazan'ny mamerina fotsiny an'izay—an'izay inoan'izy ireo, ary miverina eo amin'izany."

6 Ary ny fomba tokana izay saiky ahafahanareo manao olona iray hino an'Izany, dia ny mandentika mafy hany izy ireo ka tsy maintsy hahafantatra fa Izany ilay zavatra izay marina. Izany ihany no fomba tokana izay ahafahanareo manao azy hiraikitra. Tahaka ny sakaizako iray fotsiny, Atoa. Wood izay efa niarahako; raha mandentika fantsika iray eo amin'ny antsasany fotsiny ianareo, ka malemy ilay hazo fisaka, dia hitsoka azy tsy ho ela mihitsy ny rivotra. Fa tsy maintsy mandentika azy ianareo, manao azy hiraikitra mafy. Noho izany ankehitriny raha manao an'izao ho henjana tanteraka aho eo amin'ireo toerana sasany ireo, ary ho anareo mpitsidika izay mipetraka eo izao hariva izao, izaho tsy—tsy miezaka ny manosika anareo hiala aho. Miezaka fotsiny ny mampahafantatra tsara mihitsy an'ity fiangonana ity an'izay inoanay aho. Ny rehetra izay tena mahazo tsara an'izany mihitsy ankehitriny, dia manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry. Izany dia—mety izany. Fa ankehitriny dia hanala an'ity eto an-tànako aho. Ary avy eo—avy eo ny . . . Raisin'izy ireo feo izany, sy ny sisa, ka afaka kelikely, raha tian'izy ireo ny

hahita an'izay tena tohanantsika avy eo, sy hoe inona ireo toerana ijoroantsika, dia ireo fandraisam-peo no hiteny an'izany. Ary avy eo dia manao an'izao tena matetika isika, satria misy olona vaovao tonga dia—dia mandroso isika. Ary ankehitriny dia tsy afaka mahavita an'ireo Foto-pampianaran'ny fiangonana rehetra isika, fa ny sasany amin'ireo fotsiny izay tiantsika ho—ho tenenina. Ary ankehitriny, ny Alarobia hariva, na izany aza, no manomboka . . .

7 Ankehitriny, ny Alatsinainy sy Talata, dia handeha aho, hivavaka, ho vonona ho an'ny asam-panasitranana. Ary afaka mandray ny telefona ianareo, na n'aiza n'aiza irianareo, ka mitondra ny olona rehetra izay tianareo entina, ho an'io fifohazana ho avy io. Ary teneno izy ireo mba tsy ho tonga am-pahamaikana ankehitriny, tsy ho tonga, hanao hoe, "Eny, ankehitriny dia handeha hihazakazaka aho ary hivavahana, izao hariva izao. Ary rahampitso hariva, dia izay ihany . . ." Aza manao an'izany ianareo. Tongava ianareo ary mihainoa vetivety, satria tiantsika ny haka ny fotoantsika ka hametraka an'ity Teny ity ho tena tsara mba tsy hananan'ny devoly pentin'efitra kely iray hihetsehana akory aza. Ary avy eo rehefa mamela ny finoanareo handeha hatrany amin'ny fiafarany ianareo, hany ka manomboka mino ianareo, amin'izay fotoana izay dia avelao hihetsika ny amparahatokareo, avy eo dia ilay finoan'Andriamanitra no hanohana an'izany. Amin'izay fotoana izay dia hivoaka avy hatrany ianareo. Hitanareo?

Satria, tsy hahavita betsaka ny finoanareo. Ny amparahatokareo no tsy maintsy mihetsika mankany amin'ny làlana izay hihetsehan'ny finoanareo, ary amin'izay fotoana izay dia mihetsika avy aoriana ny finoan'Andriamanitra ka manamarina azy rehetra. Hitanareo? Fa, raha ny finoanareo ilay izy hoe, "Oh, eny, azoko ilay izy izao ankehitriny izao!" Nefa na dia ilay amparahatokareo aza, dia miady hevitra eto aoriana eto, manao hoe, "Manontany aho raha hety amiko ilay izy?" Ilay izy dia tsy hanao an'izany, eo no ho eo. Hitanareo? Noho izany dia tiantsika io ho tena asam-panasitranana iray. Ary alohan'ny handraisako olona iray ao anatin'ireo efitra, sy ny sisa, ho an'ny fanasitranana, na ireto asa vaovao ireto, dia tiako izy ireo hahazo marina tokoa an'izay ahatongavan'izy ireo eo. Koa tsarovy fotsiny, ary tongava ka vangio izahay, fa ho faly izahay ny hanana anareo.

8 Tsarovy ankehitriny, ankehitriny, amin'ny maraina, dia hanohy amin'ny Foto-pampianaran'ny fiangonana isika. Ary tahaka an'izay ihany rahampitso hariva. Ankehitriny dia tongasoa ianareo mba ho tonga, ary ny olona rehetra dia afaka ho tonga. Faly foana izahay ny mahita ny olona rehetra. Saingy ity ankehitriny, izao hariva izao, dia mivantana fotsiny amin'ireo olona izay an'ny tabernakla eto, izay—izay notezaina tao amin'ity Foto-pampianarana ity. Satria, any amin'ny

saha ivelany, saha evanjelistika, dia mandray fotsiny an'ilay tena ara-pototra isika, ireo Foto-pampianarana evanjelikan'ny Soratra. Fa eto amin'ny tabernakla, dia manana ny eritreritray manokana sy ny finoanay manokana izahay, amin'ny—amin'ny—amin'ny maha-fiangonana iray, ary izany no horesahanay, izao hariva izao.

9 Ary alohan'ny hanokafantsika Ny Teniny voatahy, dia afaka manondrika ny lohantsika ve isika ho an'ny fotoana iray an'ny vavaka?

10 Andriamanitra Tsitoha sy mahery, Izay, talohan'ny nanombohan'izao tontolo izao nihodinkodina teo amin'ny atoma voalohany mihitsy aza, dia efa Andriamanitra Ianao. Tsy niova Ianao na dia kely aza. Ary rehefa tsy hisy atoma intsony hihazona azy, ka tsy hisy izao tontolo izao ho hazonina intsony, dia mbola ho Andriamanitra foana Ianao. Ho mandrakizay Ianao, ary avy amin'ny mandrakizay. Andriamanitra Ianao. Tsy nanana fiandohan'andro iray mihitsy Ianao, na fiafaran'ny fiainana. Ho izany foana Ianao. Ary, Ray, satria tsi-manam-petra Ianao, fa izahay no manam-petra, noho izany dia mangataka ny Famindramponao Masina izahay, Andriamanitra, mahafantatra fa tsy maintsy hiafara ao amin'ny Mandrakizay ny fanahinay, hivoaka avy ao amin'ireto singan'ny fotoana ireto, ho ao amin'ny Mandrakizay. Noho izany, Tompo, dia eto izahay mba hanamarina ny famonjenay, mba hahita hoe ahoana no hitsangananay eo imason'Ny Teninao, sy hahita hoe toy ny ahoana no ipetrahanay ao amin'ireo fahatsapanay. Miaina amin'izay mahafaly Anao ve izahay? Manambara araka Ny Fanahinao ve ny fanahinay? Ary manambara arak'ity Baiboly ity ve ny fampianaranay? Ary, Ray, enga anie izahay handinika azy roa, tsara mihitsy, ao amin'ireto fotoana telo ho avy manaraka ireto. Ekeo izany, Tompo.

11 Tahio ny pasitera eto, ireo diakona, ireo mpitantandraharaha, ary ireo mpivavaka rehetra, ireo olona izay tonga eto amin'ity fiangonana ity. Hatramin'ny andro naha-teto ahy, Tompo, dia misy maro, maro tsy fantatro akory aza ny anarany, na avy aiza izy ireo, saingy azoko antoka fa Ianao dia mahafantatra ny rehetra mikasika azy ireo. Ary eto izahay ho an'io tanjona anankiray io, izao hariva izao, Tompo, mba hiombona manodidina ny Teny voasoratra. Ary omeo anay ny Fanahy Masina ao amin'ny fiainanay, mba ahafahanay mipetraka am-pilaminana, sy am-pitoniana, ary ao amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra, ka mandinika ny fiainanay amin'ny alàlan'Ny Teniny. Ekeo izany, Tompo.

12 Ary ao amin'ity tranobe ity, izao hariva izao, Tompo, dia misy an'ireo rahalahiko avy amin'ny firehana samihafa an'ny—an'ny fiangonana. Ary, Tompo, tena mankasitraka aho fa eto izy ireo mba hiombona. Mety tsy hifankahazo angamba izahay eo amin'ireo fitsipika kelin'ny Foto-pampianarana.

Saingy ao amin'io fitsipika fototra anankiray lehibe io, dia mitsangana ho mpirahalahy miray izahay eo amin'ny vava ady iray. Ka, O Andriamanitra, enga anie izany hampahatanjaka ny—ny fiombonanay, ary ny . . . ary ireo fatotry ny fahasoavana sy fitiavan'Andriamanitra anie hitoetra betsaka eo aminay. Ankehitriny, mahafantatra, Tompo, fa asa betsaka iray hataon'ny olona anankiray izao, satria izahay eto dia manana eo ambanin'ny fiheverana, izao hariva izao, ny fitodian'ireo fanahy izay handeha ho an'ny amin'ny Mandrakizay. Noho izany dia mivavaka izahay mba hidiran'ny Fanahy Masina avy hatrany ao amin'ny Teny, ka hamelatra an'Izany sy hanazava an'Izany ao amin'ny Fombany Manokana, aminay, ireo zavatra izay Tiany ho fantatray. Ekeo izany, Tompo. Ary rehefa ireo telo . . . mifarana ireo fotoam-pivoriana, dia enga anie izahay handeha toy ny fiangonana iray nampahatanjahana, satria miaraka miray, mba hametraka ny fonay sy ny fikasanay rehetra miaraka, miaraka amin'ireo sakaizanay teratanin'ny Fanjakan'Andriamanitra, ka handroso tsy tahaka ny tany aloha mihitsy.

13 Te-hisaotra Anao aho, Tompo, eto amin'ny fanatrehan'ny fiangonana sy—sy ireo olona izay eto, fa Ianao no nanome ahy herinandro maro ho an'ny fialan-tsasatra tsara ankehitriny. Mahatsapa ho tsara aho izao hariva izao nohon'Ny Fanatrehanao sy ny Fitahianao. O Andriamanitra, mivavaka izahay ho an'ny rahalahy eto, ny rahalahinay izay handeha any am-pitandranomasina, any amin'ireo firenena maizina, mahantra, izay itoeran'ny ainy mihitsy ho toy ny fikendry iray. O Tompo, tahio ny Rahalahinay Jeffreys raha mandeha izy, sy ny zananilahy, ary ny vadiny, ka omeo fitomboana lehibe izy. Enga anie izy handavaka lavaka ao amin'ireo aizina mandra-pahatongan'ny Hazavan'ny Filazantsara hamiratra antsakany sy andavany. Henoy izahay, Ray, fa mangataka an'izao fitakiana izao amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy izahay, Ny Zanakao. Amena.

14 Ankehitriny, izao hariva izao, namaky tao amin'ny Baiboly Scofield keliko aho. Vao avy nihoatra ny dimy amby roapolo taona aho, vao haingana. Ary mbola afaka mamaky azy foana aho, saingy lasa manjavonjavona kely ilay izy. Noho izany dia maka solomaso famakiana iray ho ahy aho rehefa mianatra, ary ho hitako hoe ahoana no iasany izao hariva izao, ho an'ny fotoako voalohany.

Ankehitriny dia manana an'ireo lohahevitra aho, tahaka an'izao, hoe, "Ny Fiangonana ve tsy maintsy . . ." Oh, zavatra maro, raha ho tonga eo amin'izy ireo isika. Ny iray amin'izy ireo dia, "Nahoana isika no antsoina hoe ny Fiangonana? Nahoana isika no tsy anaram-piangonana? Nahoana—nahoana isika no mino ny fiarovana Mandrakizay an'ny fanahin'ny mpino? Nahoana isika no manameloka an'ireo vehivavy mpitory teny? Nahoana isika no manao batisa amin'ny alàlan'ny fanitrihana? Ary handalo amin'ny Fahoriambe ve ny Fiangonana?" Ary maro

amin'ireo lohahevitra eto ireo, ataoko fa manana dimy ambin'ny folo na valo ambin'ny folo amin'izy ireo aho, ho an'ireo hariva vitsy manaraka.

15 Noho izany dia mihevitra aho, izao hariva izao, ny hanomboka amin'ny, hanomboka amin'ny, ilay izy dia toy ny hoe ny Tompo no mametraka fotsiny an'ity lohahevitra ity ao am-poko, ny . . . *Nahoana Isika No Tsy Anaram-piangonana?* Ny antony izay . . . Ankehitriny, tsy manana na inona na inona manohitra an'ireo olona sasany izay anaram-piangonana isika. Tsy manana na inona na inona manohitra azy ireo isika, fa tiako ny hanazava hoe nahoana isika no tsy nandeha niaraka tamin'ny anaram-piangonana iray mihitsy. Voatendry tao amin'ny fiangonana Batista kely iray aho, araka ny fantatrareo. Ary ny Batista dia tsy anaram-piangonana iray, tsy efa izany, raha tsy vao haingana mihitsy, ary ankehitriny dia lasa anaram-piangonana betsaka mihitsy tahaka ny sisa amin'izy ireo izy. Fa, ny antony tsy maha-lasa antsika anaram-piangonana mihitsy . . .

16 Ankehitriny, dia rafi-pandaminana iray isika. Rafi-pandaminana iray isika, voasoratra eto ao amin'ny—ao amin'ny fitsarana, vondron'olona iray izay voarafitra miaraka mba hanompo an'i Kristy, saingy tsy ao anatin'ny anaram-piangonana iray isika. Tsy misy olona iray hanapaka antsika, hitanareo. Tsy anaram-piangonana iray izany. Izany dia—rafi-pandaminana iray fotsiny izany, fiombonana iray eo anivon'ireo mpino Kristiana. Tonga eto amin'ny fiangonana ny olona. Ary lasa trano fiangonan'izy ireo ity raha maniry ny ho tonga izy ireo, raha mbola velona foana izy ireo.

17 Koa afaka tonga eto izy ireo ary tsy mifanaraka amin'ny zavatra rehetra izay toriantsika. Mety tsara tanteraka daholo izany. Ianareo dia mbola izany foana, raha mbola Kristiana iray foana ianareo, manana fiombonana ianareo, sy tànana iray mitsotra tahaka ny sisa amin'izy ireo mihitsy. Hitanareo? Raha nilaza aho fa mino ny batisa amin'ny alàlan'ny fanitrihana amin'ny rano aho, ka ianareo nino ny famafazana, ary nijanona teo amin'izany mihitsy, dia mbola hitovy tamin'izay naha-izy antsika foana isika raha nifanaraka. Mety tsy afaka hahita amin'ny maso sy ny maso isika, mitovy. Saingy raha mbola rahalahy na anabavy Kristiana iray foana ianareo, dia tongasoa tanteraka, hitanareo, ny olona rehetra.

18 Noho izany dia tsy manana anaram-piangonana iray isika, satria heveriko fa ny anaram-piangonana no mampisaraka ny firahalahiana. Ny sasany amin'izy ireo dia hanao hoe, "Eny, tsy misy idiranay amin'io fifohazana io. Fifohazana Metodista io." "Eny, Batista io. Izahay tsy . . . Metodista izahay. Tsy misy idiranay amin'io." Rahalahy, raha Kristy no ao anatin'izany, isika dia—misy idirantsika daholo izany. Isika no tokony hametraka ny . . . Izany—izany no Vatan'i Kristy

izay—izay miaritra. Ary mahita betsaka an'izany aho eto amin'ny firenena amin'izao andro izao, toy ny ahoana no ananantsika . . . Ankehitriny, Kristy dia tsy nanao mihitsy, tamin'ny fotoana rehetra, tsy nandrafitra fiangonana iray ara-anaram-piangonana mihitsy. Ankehitriny, aoka ho azo antoka tsara mihitsy izany.

19 Ankehitriny, ankehitriny, hanontany anareo aho rahampitso hariva, raha tianareo ho fantatra ny iray amin'ireo zavatra ireo, toy ny tantara iray izay ho tononiko, na zavatra hafa iray. Tsy manana fotoana handalinana an'izany fotsiny aho, tsy hiditra amin'ny lohahevitra hafa iray, satria afaka handany herinandro maro ianareo ao amin'io lohahevitra iray io ihany mihitsy. Fa raha te-hahafantatra an'ilay toerana ianareo, zavatra iray, dia anontanio fotsiny aho, ary apetraho eto amin'ny—eto amin'ny birao izany, dia hamaly an'izany ho anareo aho.

20 Ankehitriny, ny anaram-piangonana tranainy indrindra, sy ny fiangonana anaram-piangonana voalohany izay hany nananantsika, dia ny fiangonana Katolika. Ary izany dia voarafitra telonjato taona mahery kely taorian'ny fahafatesan'ilay apostoly farany. Ary marina izany. Mahita an'izany ao amin'ireo Mopera Niseana voalohany ianareo, ary mahita an'izany ao amin'ireo soratr'i Josephus, ary, oh, maro amin'ny—amin'ny mpahay tantara malaza. Hitanareo? Ary araka ny ao amin'ny—ny . . . ireo taonan'ny fiangonana rehetra, ka hatrany amin'ny fahafatesan'ilay apostoly farany, ary telonjato taona taty aorian'ireo apostoly, dia tsy nisy fiangonana ara-anaram-piangonana mihitsy. Fa ny Katolika no anaram-piangonana voalohany an'ny fiangonana iray.

21 Ary ny fiangonana Protestanta dia anaram-piangonana izay nivoaka avy tao amin'ny anaram-piangonana iray. Tonga ny fanavaozana voalohany, dia Luther; taorian'i Luther dia tonga i Zwingli, taorian'i Zwingli dia tonga i Calvin, ary nitohy nidina tahaka an'izany fotsiny. Ary nidina tao amin'ny Fifohazana Wesleyana, dia nitohy nidina tao amin'i Alexander Campbell, John Smith, ary inona koa, hitanareo, nitohy nidina. Ary ireo hetsika farany izay ananantsika ankehitriny dia ireo dingana samihafa an'ny taona Pentekotista.

22 Ary mino aho fa Andriamanitra dia nifanaraka tamin'ny taona tsirairay. Saingy efa mba voamarikareo ve, isaky ny hany tsy mahomby ny fiangonana iray, ary vantany vao manao anaram-piangonana izy ireo dia manomboka tsy mahomby eo no ho eo mihitsy? Ary na oviana na oviana no tsy ahombiazan'izy ireo, dia tsy manangana indray an'izany fiangonana izany mihitsy Andriamanitra. Mandeha avy hatrany mankany amin'ny voa ilay izy. Ankehitriny ianareo fotsiny . . . Raha te-hahafantatra ny tantara mikasika an'izany ianareo, isika—afaka mamoaka an'izany isika, fa—fa tsy nisy fiangonana, tsy nisy mihitsy tao amin'ny tantaran'ireo fiangonana, nanana

anaram-piangonana iray hany lavo ka mba nitsangana indray. Batista, Metodista, Presbyterana, Loterana, na mety ho inona na inona ilay izy, rehefa lavo izy ireo, dia vita ny aminy. Ankehitriny, marina izany. Ankehitriny, ity, izaho—niteny taminareo aho ankehitriny, anaovy ny palitao, satria hanao an'ity hanindrona isika. Hitanareo? Tsy nisy mihitsy, tamin'ny fotoana iray. Raha mivoaka ny olona iray amin'ny maha-isam-batan'olona iray ka mandrafitra fiangonana anankiray, dia nanomboka ilay izy.

23 Mifanaraka amin'ny isam-batan'olona Andriamanitra, fa tsy amin'ny anaram-piangonana. Andriamanitra dia tsy nifanaraka mihitsy tamin'ny anaram-piangonana iray tao amin'ny taona iray. Nifanaraka tamin'ny isam-batan'olona iray foana Izy. Ao amin'ny Testamenta Taloha, dia nifanaraka tamin'ny isam-batan'olona iray Izy. Ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia nifanaraka tamin'ny isam-batan'olona iray Izy. Tao amin'ny taona rehetra, dia nifanaraka tamin'ny isam-batan'olona Izy, fa tsy anaram-piangonana. Koa, noho izany, raha tsy tao amin'ny anaram-piangonana Andriamanitra, dia inona no ilaiko hiditra amin'izany amin'ny maha-anaram-piangonana iray? Ankehitriny, tsy miresaka mikasika an'ireo olona ao anatin'io anaram-piangonana io aho, miresaka mikasika an'ilay anaram-piangonana izy tenany aho, satria ao anatin'ireo anaram-piangonana rehetra ireo ny vahoakan'Andriamanitra.

24 Ankehitriny, tsy mamela zavatra iray hitranga mihitsy Andriamanitra raha tsy manome fampitandremana iray ho an'izany Izy. Izaho dia tsy mino fa misy zavatra iray izay . . .

25 Ankehitriny, ohatra hoe manana fanontaniana isika izay tonga, ao amin'ireo fiangonana, toy ny hoe efa nanana anankiray isika vao haingana mikasika ny rà sy menaka, sy ny sisa. Ary ianareo dia mahafantatra an'ilay taratasy "Rahalahy Branham malala", sy ny sisa. Saingy ny antony nijoroako nanohitra an'izany, dia satria tsy ao amin'ny Teny ilay izy. Ary izany no antony hanoherako ny anaram-piangonana, satria tsy ao anatin'ny Teny izany. Ary tokony manana zavatra iray izay tsy maintsy hanorenantsika ny finoantsika ilay izy. Fa raha tsy afaka manorina an'izany eo amin'ny anaram-piangonana iray isika, dia tsy maintsy manorina an'izany eo amin'ny Tenin'Andriamanitra. Satria Izany irery ihany no fototra tokana, dia ny Tenin'Andriamanitra.

26 Ary amin'izay fotoana izay raha tsy miresaka ny amin'ny anaram-piangonana iray ny Tenin'Andriamanitra, fa miteny manohitra ny anaram-piangonana, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy miresaka araka ny Teny isika. Tsy mampaninona na inona lazain'ny eveka, na inona lazain'ny olona iray, na inona heverin'ny olona iray, na inona lazain'ny lehilahy tsara iray, na inona lazain'ny zavatra iray, raha tsy araka ny Tenin'Andriamanitra ilay izy, amin'izay fotoana izay dia diso

izany. Hitanareo? Ilay izy dia tsy maintsy, ny Teny no tsy maintsy ilay zavatra farany. Ny Tenin'Andriamanitra no tsy maintsy amena farany.

27 Tsarovy ankehitriny, tsy manao olona iray ho tsy kristiana aho (azonareo izany) ao amin'ireo anaram-piangonana. Misy fanahy sarobidy an'aliny ao anatin'ireo anaram-piangonana rehetra ireo, izay zanak'Andriamanitra. Saingy ny mampisaraka azy ireo sy manavakavaka azy ireo, dia manohitra an'izany aho. Ary manohitra an'izany ny Tenin'Andriamanitra.

28 Ary mino aho fa tsy misy isma iray izay ato amin'ny firenena amin'izao andro izao, tsy misy isma iray izay hany nisy teto amin'ny firenena, ka tsy efa voalaza mialoha fa ho avy, tamin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra. Mino aho fa ny Tenin'Andriamanitra no manolotra ny zavatra rehetra izay ilaintsika, ato amin'ny Teny eto mihitsy. Hatramin'ny . . . ny fiandohantsika ka hatrany amin'ny farany, dia hita mihitsy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra izany. Ary noho izany aho—mino aho fa raha ao amin'ny Tenin'Andriamanitra ilay izy, amin'izay fotoana izay isika dia tokony . . . Izy no milaza mialoha. Ny Tenin'Andriamanitra dia fampitandremana iray.

29 Ankehitriny, tsy mamaky ny Tenin'Andriamanitra tahaka ny amakianareo gazety iray fotsiny ianareo. Mamaky ny Tenin'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina ianareo, hitanareo, satria ny Fanahy Masina Izy tenany no miteny amin'ny alàlan'i Kristy. Nisaotra an'Andriamanitra Kristy fa Nafeniny tamin'ny mason'ny hendry sy ny manan-tsaina ireo zavatra ireo, ka nanambara azy ireo tamin'ireo zaza izay te-hianatra. Noho izany, hitanareo, tsy misy fomba hany hahaizana, tsy misy fomba hany hanaovana anaram-piangonana. Fomba tokana ihany no hampahitsy, izany dia, tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra. Ary io fahatsapana izay nanananareo io dia tsy maintsy mifanaraka amin'ity Teny ity. Hitanareo? Amin'izay fotoana izay dia azonareo ilay izy. Hitanareo?

30 Ohatra hoe rehefa tonga eto isika afaka minitra vitsy ankehitriny, isika dia hifanaraka amin'ireo olona izay—izay . . . Ny sasany amin'izy ireo dia Kalvinista mpifikitra, ny sasany amin'izy ireo dia Arameniana mpifikitra, ary—ary fomba samihafa. Ankehitriny, misy foana, tsy mampaninona na manify toy ny ahoana no hanasilahanareo azy, manana lafiny roa foana ilay izy eo amin'izany. Marina tokoa izany. Ary izy roa dia samy manana toerana iadian-kevitra. Fa, ny zavatra amin'ilay izy, dia aiza no itoeran'ny Fahamarinana amin'izany? Eo no hahatongavantsika, eo no eritreretintsika, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, anehoantsika aminareo ny Fahamarinana amin'izany. Ankehitriny dia ndao fotsiny isika haka . . . ary eto amin'ity mihitsy no nanoratako ny sasany amin'ireo foto-pampianaran'ny fiangonana ireo.

31 Ndao isika hamadika ao amin'ny Baibolinareo, minitra vitsy fotsiny, ianareo rehetra ankehitriny. Ary ndao isika handeha ao amin'ny Apokalypsy, ny toko faha-1; na ny Apokalypsy, ny toko faha-17, hanombohana. Koa ndao fotsiny isika hanomboka hamaky ka hahita ankehitriny hoe taiza no nanombohan'ireo fiangonana ireo, ary inona—inona no nanomboka an'izany. Ankehitriny, ny Baiboly dia mampitandrina mialoha ny zavatra rehetra. Izany dia mampitandrina mialoha an'ireo andro izay isika—izay iainantsika. Ary ankehitriny, Apokalypsy, ny toko faha-17, raha sitrakareo. Nilaza aho hoe ny faha-13, tsy izany no tiako ho lazaina, izany dia mikasika ny. . . Ho tonga eo amin'io isika afaka kelikely, ihany koa, izany dia ao amin'ny faminaniana an'i Etazonia. Fa henoy tsara mihitsy ankehitriny.

> *Ary tonga* teo amiko *ny anankiray tamin'ireo anjely fito izay nanana ny lovia fito, dia niteny tamiko, nanao hoe. . . Avia aty;* ary *izaho dia* haneho. . . *anao ny fitsarana an'ilay vehivavy janga lehibe izay mipetraka eo ambonin'ny rano maro:*

32 Tsarovy ankehitriny, toa ohatry ny zava-miafina ity. Ankehitriny ity vehivavy ratsy laza ity, ankehitriny, raha hampianatra an'ity isika, dia tsy maintsy hitanareo aloha hoe inona no dikan'ireo mari-pamantarana ireo. Ankehitriny, ny *vehivavy,* ao amin'ny Baiboly, dia maneho "fiangonana." Firy no mahafantatra an'izany, hoe isika dia Ampakarina iray? Ampakarina iray ny Fiangonana.

33 "Avia eto dia hasehoko anao ny fitsarana." Ankehitriny, hisy ny fitsarana iray ho voatonona eo amin'ilay vehivavy janga lehibe, ilay vehivavy maloto izay mipetraka eo ambonin'ny rano maro. Ankehitriny, ny *vehivavy* dia mari-pamantaran'ny "fiangonana," ary ny *rano* dia mari-pamantaran'ny "olona." Ankehitriny, raha toa ianareo ka hahamarika an'izany, ihany koa, dia jereo, ny andininy faha-15 raha mbola eo ianareo, andininy faha-15, ilay toko iray ihany.

> *Ary izy* nanao *tamiko hoe, Ny rano izay efa hitanao, izay ipetrahan'ilay vehivavy janga, dia olona,. . . vahoaka betsaka,. . . firenena, ary* fiteny. (Hitanareo?)

34 Ankehitriny, ity fiangonana lehibe ity, vehivavy lehibe, tsarovy ankehitriny fa vehivavy ratsy laza izy. Ary raha maneho ny fiangonana ny vehivavy, (ary ny Fiangonan'i Kristy dia Ampakarina iray, Ampakarina masina iray), amin'izay fotoana izay dia indro ny vehivavy tsy masina iray. Noho izany ilay izy dia tsy maintsy ho tsy masina iray, mihambo ho izy, ampakarina. Hitanareo? Ankehitriny, ary inona no ataony? "Izy dia mipetraka eo ambonin'ny," na ny ho *ambony,* dia midika hoe, "manana ny fanapahana eo amin'ny rano maro." Amin'ny teny hafa, dia manana fahefana manerana ny firenena sy fiteny ary ny olona rehetra izy. Olona malaza iray izy, izany ity vehivavy ity.

Ankehitriny, *izay nijangajangan'ireo mpanjakan'ny tany, . . .*

35 "Satria nijangajanga ireo mpanjakan'ny tany," lehilahy manan-karena, nanao ireo lehilahy malaza. Ahoana no hanaovanareo, ahoana no hanaovan'ny mpanjaka iray, fijangajangana amin'ny fiangonana iray? Fijangajangana ara-panahy izany. Ara-panahy! Inona ny fijangajangana? Izany dia, eny, tahaka ny vehivavy iray miaina tsy marina amin'ny vadiny izany. Miaina miaraka amin'ny lehilahy hafa iray izy nefa manana vady iray. Ary ity fiangonana ity, arak'izany, dia—dia mihambo ho ny Ampakarin'i Kristy, nefa mijangajanga amin'ireo mpanjakan'izao tontolo izao izy, miaraka amin'ny fiainany maloto, asa maloto. Oh, lalina Izany ary manan-karena Izany. Tiako fotsiny ny Teny. Mariho ankehitriny.

. . . izay nijangajangan'ireo mpanjakan'ny tany, ary ireo mponina tamin'ny tany dia leon'ny divain'ny fijangajangany.

36 Ny "divainy" dia izay zarainy, ny fampientanany hoe, "Izahay no Fiangonana! Izahay no hany manana azy." Hitanareo? Ankehitriny, ampidiro fotsiny ao an-tsainareo izany ankehitriny. Eny àry. "Noho izany izy dia niton- . . . "

37 Ankehitriny, ilay anjely no niteny tamin'i Jaona hoe, "Hasehoko anao io fitsarana izay ho tonga eo amin'io fiangonana lehibe io." Diniho ankehitriny.

Noho izany dia nentiny tamin'ny fanahy ho any an-efitra aho: ary nahita vehivavy iray aho nipetraka *teo ambonin'ny bibidia mivolon-jaky iray, . . .*

38 *Jaky,* ao amin'ny Baiboly, dia maneho "an'ny mpanjaka." Ny loko *jaky* dia midika hoe "mena." Ary ny *bibidia* dia maneho "hery."

Efa voamarikareo ve, ilay bibidia dia niakatra avy tao amin'ny ranomasina, izay ao amin'ny Apokalypsy, ny faha-13. Ary rehefa mahita an'ilay bibidia miakatra avy ao amin'ny ranomasina ianareo, dia midika fa mipoitra eo anivon'ny olona io hery io.

Fa ao amin'ny Apokalypsy 13, rehefa niseho ity zanak'ondry ity, dia niakatra avy tao amin'ny tany izy, tsy ireo olona, Etazonia. Fa avy eo, taty aoriana, dia nanana tandroka kely anankiroa izy, fahefana ara-panjakana sy ara-pivavahana. Ary tamin'izay fotoana izay izy no nandray fahefana, ka niteny tahaka ny nataon'ilay dragona talohany. Noho izany dia tokony ho raisinareo naoty mihitsy izany, hiditra ao amin'ny fanenjehana ara-pivavahana iray isika miaraka amin'ireo zavatra iray ihany izay nataon'izy ireo tao amin'i Roma mpanompo sampy taona maro lasa izay, satria izany no HOY NY TOMPO HOE.

Ankehitriny diniho ilay izy. "Mipetraka eo ambonin'ny bibidia iray, hery iray."

39 Efa voamarikareo ve i Rebeka? Rehefa nahita azy i Eliezera, tamin'ny andro hariva izany, ary nampisotro rano an'ilay rameva izy. Satria, hoy i Eliezera hoe, "Izay zatovovavy tonga ka mampisotro rano an'io rameva io, dia izany no ho . . . ary manome ahy ho sotroina, dia izany no ho anankiray izay Nofidianao, Tompo, mba ho ampakarin'ny Mpanomponao, Isaka." Ary raha mbola tao amin'ny vavaka izy, dia tonga Rebeka ary nisintona rano ka nanome azy ho sotroina, dia nampisotro rano an'ilay rameva. Mariho, ilay rameva dia bibidia iray. Ary io bibidia iray io ihany izay nampisotroiny rano, no anankiray izay nitondra azy nankany amin'ny ampakariny, Isaka.

40 Ary, amin'izao andro izao, ilay herin'ny Fanahy Masina, izay ampisotroin'ny Fiangonana sy tompoiny, no ilay Zavatra izay hitondra Azy hiala amin'ity tany ity, hihaona amin'ilay Ampakarina. Azo antoka, fa tany an-tsaha i Isaka, tamin'ny hariva. Tsy mitsena ny Tompo any amin'ny Voninahitra isika. Efesiana, ny toko faha-5, no milaza fa hitsena Azy eny amin'ny habakabaka isika. Oh, manao an'ireo Metodista ho vonona ny hikiakiaka izany. Eritrereto izany! Hitanareo? Ny Tompo . . .

Nivoaka avy tao an-tranon'ny rainy i Isaka, ary tany an-tsaha rehefa nahita an-dRebeka tonga teo ambonin'ilay rameva izy. Ary tiany izy, tamin'ny fahitana voalohany, ka nitsambikina niala tamin'ilay rameva ary nihazakazaka nitsena azy. Marina izany. Eo no hihaonantsika amin'ny Tompo. Ary ilay rameva izay nampisotroiny mihitsy, no nitondra azy nankeo amin'ny vadiny.

Ary ilay Hery mihitsy izay tompoin'ny Fiangonana, izay antsoin'izao tontolo izao hoe fanatisma, izay tompoin'ny Fiangonana, no ho ilay Hery iray ihany izay hitondra ny Fiangonana hiakatra eny amin'ny habakabaka, "Hitsena ny Tompo eny amin'ny habakabaka." Ny Fanahy Masina! Hitanareo? Misy ny . . .

Ary, jereo, Rebeka dia virijiny iray.

41 Fa ity vehivavy ity dia mpivarotena iray, izay resahantsika eto. Ankehitriny, azonareo ve hoe inona ilay hery ankehitriny? Ny—ny hery, ny dikany, izany, ilay bibidia. Teo ambonin'ny jaky iray izy. Ankehitriny, karazana bibidia iray inona izany? *Jaky,* izany dia ho hery "manan-karena". Ho lasa karazana fiangonana iray inona izy io ankehitriny? Fiangonana iray manan-karena izy, sy fiangonana malaza iray, ary fiangonana mahery iray izy, sy manana fitaomana izay mifaoka vahoaka betsaka sy olona. Ary ireo mpanjakan'ny tany dia manao fijangajangana ara-panahy aminy, izany hoe ireo lehilahy malazan'ny tany. Ho hitantsika ankehitriny hoe iza izy, afaka iray minitra fotsiny, ary hahita mikasika an'ireo anaram-piangonana ireo.

> *Ary ilay vehivavy dia nitafy volomparasy* (mendrika ny mpanjaka), . . . *nitafy volomparasy sy* loko *jaky*, . . . *niravaka volamena sy vatosoa* . . . *perla, nanana kapoaka volamena teny an-tànany feno* ny fahavetavetana *sy zava-maloto momba ny fijangajangany:*

42 Inona no nananany teny an-tànany? Ny foto-pampianarany, izay zarainy ho an'ny olona hoe, "Izahay no Fiangonana. Izahay no *ity*." Ary nataony lasa mamo niaraka taminy ireo mpanjakan'ny tany, tahaka an'izany. "Izahay no *ity*. Izahay no hery lehibe! Mifaoka ny firenena rehetra izahay. Izahay no fiangonana lehibe indrindra. Avia, misotroa avy amin'ny anay . . . Indro, mandraraha kely fotsiny avy amin'izany. Mandraisa an'izany *ianareo*. Mandraisa an'izany *ianareo*." Izany ilay izy, hitanareo. Ary nanana kapoaka iray izy teny an-tànany. Jereo.

> *Ary ilay vehivavy dia nitafy volomparasy sy* loko *jaky*, . . . *niravaka volamena sy vatosoa ary perla, nanana kapoaka volamena iray teny an-tànany feno* ny fahavetavetana *sy zava-maloto momba ny fijangajangany:*

43 Ankehitriny, ry sakaiza, tsy mamaky gazety isan'andro isika. Mamaky Tenin'Andriamanitra Mandrakizay sy voatahy isika. Ny lanitra sy ny tany rehetra ho lasa, fa ity Teny ity haharitra. Marina izany.

> *Ary teo amin'ny* lohany *dia voasoratra ny anarana iray, nisy* ny *anarana voasoratra,* raha ny marina, *ZAVA-MIAFINA, BABYLONA ILAY LEHIBE, ILAY RENIN'NY MPIJANGAJANGA,* NY FAHAVETAVETANA *AMIN'NY TANY.*

44 Ankehitriny, teto vao tsy ela akory izay, tsy mihevitra aho hoe teto amin'ny fiangonana teto, fa nitory teo amin'ny lohateny iray aho hoe, *Sora-tànana Teo Amin'Ny Rindrina,* ary nanome an'ilay toerana ara-tantaran'i Babylona. Ankehitriny, ny isma rehetra izay hany nipoitra, ny fivavahana rehetra sy ny isma rehetra izay misy eto amin'izao tontolo izao androany, dia nanomboka tao amin'ny Genesisy. Ankehitriny, raha haka ny *Two Babylons* an'i Hislop ianareo, raha te-hizaha an'izany ao amin'ny tantara ianareo, na ny sasany amin'ireo boky tsara, dia afaka mahita ny isma rehetra izay tianareo ho hita mihitsy aza ianareo. Hitondra anareo hiverina eo aho afaka minitra vitsy, mikasika an'ireo vehivavy mpitory teny, hitanareo, ka haneho aminareo fotsiny hoe avy taiza no nanombohan'izany voalohany, hitanareo, ao amin'ny Genesisy. Ary mikasika an'ireo zavatra samihafa, hoe ahoana fotsiny fa nivoaka avy tao amin'ny Genesisy izy ireo. *Genesisy* dia midika hoe "ny fiandohana." Firy no mahafantatra fa marina izany? Genesisy dia fiandohana.

Noho izany, ny zavatra rehetra izay misy, dia tsy maintsy nanana fiandohana iray.

45 Rehefa mijery hazo iray aho . . . Tany anaty ala aho nandritry ny roa, telo, teo amin'ny roa volana teo. Mahita hazo iray aho, tsara tarehy toy ny ahoana ilay izy. Mahita azy aho, milatsaka izy; mipoitra ny iray hafa eo amin'ny toerany, fiainana maharitra. Ary mieritreritra an'izany aho. Saingy nanana fiandohana iray io hazo io tany ho any. Tsy maintsy nanana fiandohana iray izy. Ary ny fomba tokana nahafahany ho voatondro ho hazo iray, na ho ôka iray, na hêtre iray, na amontana iray, na inona na inona ilay izy, dia tsy maintsy nisy Fahaizana ambony iray tao ambadik'izany. Na raha anankiray fotsiny no teo, hazo ôka iray, dia ny zavatra rehetra teto amin'izao tontolo izao dia hazo ôka daholo. Fa Zavatra iray, lehibe, Fahaizana ambony, no tsy maintsy nametraka an'izany tao amin'ny lamina.

Isaorana anie Ny Anarany Masina! Izy no Anankiray Izay nametraka ny volana sy ny kintana tao amin'ny firafitry ny masoandro. Izy no nametraka ny zavatra rehetra tao amin'ny laminy. Ary Izy no hametraka Ny Fiangonany ao amin'ny lamina. Izany dia hihodina fotsiny tahaka ny Itiavany hanodinana Azy; atsinanana, andrefana, avaratra, na atsimo, na inona na inona Izy. Rehefa afaka manala an'ireo hevitra ara-anaram-piangonana hivoaka amin'ny fisainantsika isika ka mandavo ny tenantsika ao Kalvary. Izy no hametraka an'izany ao amin'ny lamina, raha manaiky fotsiny tahaka an'ireo hazo sy ny Famoronany hafa isika. Tsy mahita ny volana mihitsy ianareo manao hoe, "Tsy hamiratra aho androany hariva. Ny sasany aminareo kintana no aoka hamiratra eo amin'ny toerako." Fa isika, oh, hafa isika, hitanareo.

46 Ankehitriny, Babylona, diniho hoe ahoana no nisehoan'i Babylona. Miseho ao amin'ny voalohan'ny Baiboly izy. Miseho ao afovoan'ny Baiboly izy. Ary miseho ao amin'ny faran'ny Baiboly izy. Ankehitriny, misy zavatra iray eo. Ankehitriny, nanomboka niaraka tamin'i Nimroda izy. Nimroda no nanorina an'i Babylona tao amin'ny Lohasaha Sinara, teo anelanelan'ny Renirano Tigrisy sy ny Eofrata mihitsy. Ary ny Eofrata dia nandalo teo. Ary—ary ahoana fa ny làlana rehetra, nanerana an'io tanàna rehetra io, dia nitondra avy hatrany nankao Babylona. Ary ny tsirairay avy tamin'ireo vavahady dia saiky teo amin'ny roanjato dian-tongotra ny sakany, ireo vavahady ireo dia vita tamin'ny varahina. Koa rehefa miditra ao anatin'ny tanànan'i Babylona ianareo, ny làlana rehetra dia nitondra avy hatrany any amin'ilay seza fiandrianana.

47 Ankehitriny, afaka mandeha any Roma ianareo, androany, fa ny làlana rehetra dia hitondra mankany Roma. Ary misy Maria virijiny kely iray mitsangana isaky ny zoron-dàlana, eo amin'ny fiolahan-dàlana iray, miaraka amin'i Kristy zaza eny an-tànany,

manondro an'io làlana mankany Roma io. Hitanareo? Miseho voalohany izy, ao amin'ny Baiboly; miseho izy ao afovoan'ny Baiboly; ary eto izy dia miseho ao amin'ny faran'ny Baiboly.

Ankehitriny dia te-hanohy hamaky fotsiny aho, mandritry ny minitra vitsy fotsiny, mba hahazoanareo ny fototra an'ity. Hitanareo? Eny àry. "Ary hitako ilay vehivavy," diniho ankehitriny, "ilay fiangonana." Rehefa mahita ianareo hoe *vehivavy*, dia eritrereto fotsiny ny "fiangonana." Hitanareo?

> . . . *hitako ilay vehivavy* mamo *tamin'ny ràn'ireo olo-masina,* . . .

48 Ankehitriny, avy taiza ny teny hoe *olo-masina*? Ny teny hoe *olo-masina* dia avy amin'ny hoe "anankiray namasinina," na "anankiray nohamasinina," namasinina. Eny àry.

> . . . hitako izy mamo *tamin'ny ràn'ireo olo-masina,* . . .

49 Ankehitriny, raha ity vehivavy ity no fiangonana, dia nanenjika an'ireo olo-masina izy. Ary izy no fiangonana lehibe indrindra. Nanana fahefana nanerana ny tany rehetra izy. Teo ambonin'ny rano maro izy. Ary izy dia . . . Nijangajanga taminy ireo mpanjakan'ny tany. Eny, iza izy? Karazana zava-miafina iray. Ankehitriny ny Fanahy dia handeha mba . . . Fantatrareo, natao hisy fanomezam-pahasoavana ara-panahy sivy ao amin'ny fiangonana; an'ny fahendrena, ary ny anankiray ho an'ny fahalalana, ary ny anankiray ho an'ny fanasitranana, ary ny anankiray ho an'ny *sy ny sisa.*

> . . . *sy tamin'ny ràn'ireo maritioran'i Jesosy:* . . .

50 Toy ny hoe tsy niraharaha betsaka an'izay nolazain'i Jesosy izy ireo. Ilay izy dia izay nolazain'ny fiangonana. Marina izany. Ary izany dia marina, ihany koa.

> . . . *ary rehefa nahita azy aho, dia gaga tamin'ny fahatalanjonana lehibe.*

51 "Gaga tamin'ny fahatalanjonana aho. Izaho . . . Izany dia za—za—zavatra iray nampitolagaga mikasika azy, ahoana fa nanontany aho hoe izy . . ." Mamelà ahy ankehitriny haka ny toeran'i Jaona ka hanandrana hanokatra kely an'izany, hitanareo. Hoy Jaona hoe, "Mipetraka eo izy. Mihambo ho fiangonana Kristiana iray izy. Manana ny làlana rehetra mankany amin'ny volan'izao tontolo izao izy. Manana an'ireo mpanjakan'ny tany eo an-tongony izy. Manan-karena izy sy feno zavatra miloko, nefa ahoana no ahafahany ho mamo tamin'ireo maritioran'i Jesosy? Ahoana no ahafahany manenjika an'ireo olo-masina? Ahoana no ahafahany mamono an'ireo maritioran'i Kristy ireo? Kanefa dia mihambo ho Kristiana iray izy, ny tenany, fiangonana Kristiana iray." Diniho ankehitriny.

> *Ary hoy ilay anjely tamiko hoe, Nahoana ianao no nitolagaga? Hoteneniko aminao ny zava-miafina ny amin'ilay vehivavy, sy ny amin'ilay bibidia izay*

mitondra azy, sy *izay* nanana . . . *loha fito sy tandroka folo.*

52 Ankehitriny, ity dia famakiana tsotra fotsiny eto ankehitriny. Azonareo ity. Ho tena mora ity.

> *Ny bibidia* izay *efa hitanao teo, ary tsy eo; fa mbola* hidina *eo . . . hiakatra avy ao amin'ny lavaka tsy hita noanoa, ka* ho lasa *any amin'ny fahaverezana: ary ireo izay monina* ambonin'*ny tany dia ho gaga, dia ireo izay nanana ny anarany tsy voasoratra eo amin'ny bokin'ny fiainana hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao, rehefa* mahita *izy ireo . . . rehefa izy ireo—rehefa* mandinika *an'ilay bibidia izy ireo* izay *teo,* izay tsy *eo, kanefa ho avy.*

53 Ankehitriny, tsy maintsy hanongo ity ankehitriny, noho izany dia ity ilay izy. Izy dia nilaza, mariho ankehitriny, hoe, "Rehefa ny rehetra," tsy hoe vitsy kely fotsiny, fa, "ny rehetra izay monina ambonin'ny tany dia ho gaga." Ho gaga izy rehetra. Ho gaga izao tontolo rehetra izao mikasika an'ity vehivavy ity. Vondrona anankiray ihany no tsy ho gaga mikasika an'izany, ary izany dia ireo izay manana ny anarany ao anatin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry.

54 Ankehitriny, mety hanisika an'ity eto avy hatrany ihany koa aho, satria hiditra eo amin'izany isika afaka minitra vitsy. Hitanareo? Oviana no natao tao anatin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anaran'izy ireo? Hatramin'ny fifohazana farany izay natrehan'izy ireo ve? Ny hariva izay nankanesan'izy ireo teny amin'ny alitara ve? Ny hariva izay nikambanan'izy ireo tamin'ilay fiangonana ve? Tsy miezaka handratra anareo aho. Fa, hiteny aminareo aho, hoy ny Baiboly hoe, "Ny anaran'izy ireo dia natao teo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Marina tokoa! Rehefa Andriamanitra, tany amin'ny fiandohana, no nahita fa handefa Ny Zanany Izy, ka Izy no haka ny toeran'ny mpanota iray, rehefa nararaka ny Ràn'ny Zanakalahin'Andriamanitra. Ny Baiboly no nilaza fa Ny Ràny dia nararaka talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Firy no mahafantatra fa ny Baiboly no milaza an'izany, hoe, "Ny Ràn'i Kristy dia nararaka talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao"? Rehefa nararaka io Rà io, ny mambran'ny Vatana rehetra, izay manana ny anarany voasoratra tamin'io Rà io, teo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry, tamin'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Inona no atahoranareo? Oh, rahalahy! Izany no manokatra ny varavarana, sa tsy izany?

55 Eny, ndao isika hamaky an'ity eto ity mihitsy ankehitriny, dia hahita raha marina izay lazain'izany. Hitanareo? "Ary hoy ilay anjely tamiko hoe, 'Nahoana no . . .'" Mino aho fa ny andininy

faha-8 ilay izy, "Ary ny bibidia izay efa hitanao . . . " Eny àry. Izay ilay izy.

> *Ny bibidia* izay *efa hitanao fa* teo, *ary tsy eo; ary hiakatra avy ao amin'ny lavaka tsy hita noanoa, . . .*

Ankehitriny, hiverina amin'io isika, saingy te-haka an'ity hafa ity aho, satria ho tonga eo amin'io isika.

> *. . . ka* ho *lasa any amin'ny fahaverezana: ary ireo izay monina* ambonin'*ny tany dia ho gaga, dia ireo izay nanana ny anarany tsy voasoratra eo amin'ny bokin'ny fiainana hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao, . . .*

56 "Hisy andiany iray eto an-tany," amin'ny teny hafa, "izay ho voafitaka," satria izy no namitaka azy ireo. Ary vondrona anankiray fotsiny ihany no tsy voafitaka, ary izany dia ilay anankiray izay nanana ny anarany teo amin'ny Bokin'ny Fiainana hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Hiditra amin'izany isika afaka kelikely.

57 Mariho ilay vehivavy ankehitriny, ilay fiangonana, izy dia "*Zava-miafina, Babylona*." Hitantsika izy miseho niaraka tamin'i Nimroda. Inona no tanjon'i Nimroda? Nanorina tanàna iray i Nimroda ary nanao ny tanàna hafa rehetra handoa hetra amin'io tanàna io. Afaka mahita zavatra iray tahaka an'izany ve isika amin'izao andro izao? Misy toerana iray tahaka an'izany ve amin'izao andro izao? Misy ve ny fiangonana iray izay manana fanapahana amin'ny firenena rehetra eto amin'izao tontolo izao? Izany tokoa. Misy ve ny toerana iray izay manao ny firenena rehetra handoa hetra aminy amin'izao andro izao? Misy toerana iray ve?

Ndao isika handroso ka hamaky ny sisa amin'ity, kely fotsiny, mba hahazoanareo an'ilay sarin'izany manontolo. Eny àry.

> *. . .* izay nahita *ny bibidia* izay *teo, . . . tsy eo, kanefa ho avy.*
>
> *Ary izao ny hevitra* izay misy *fahendrena.*

58 Ankehitriny, firy no mahafantatra fa ny fahendrena dia anankiray amin'ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy? Ankehitriny, karazana vondrona inona no Iresahany, arak'izany? Tsy maintsy miresaka amin'ny vondron'olona iray Izy izay manana an'ireo—ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy miasa ao amin'ity Fiangonana ity.

> *. . . izao dia* ho *an'ny hevitra* izay misy *fahendrena.*

59 Ankehitriny, mijanòna ianareo, jereo izany manerana an'ireo taom-piangonana rehetra eto. Mamoaka, ny Fanahy Masina no miteny, hoe ahoana no hiasan'ireo fanomezam-pahasoavana ireo amin'ny andro farany. Ankehitriny, manana an'ireo fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana miasa isika. Oh, izany dia—ho tsara izany. Eny, rahalahy, misy ireo fanomezam-pahasoavana

hafa. Izany dia ny iray amin'izy ireo fotsiny. Zavatra kely iray fotsiny izany. Eny, indro ny fanomezam-pahasoavana lehibe lavitra kokoa eto mihitsy. Iza no ho tsara indrindra, ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina an'ny fahendrena, mba hametraka ny Tenin'Andriamanitra miaraka ka haneho amin'ny Fiangonana hoe aiza isika no mitsangana ve, sa manao olona iray ho sitrana fotsiny? Te-ho salama isika rehetra. Saingy aleoko manana ny fanahiko salama, toy izay ny vatako salama, amin'ny fotoana rehetra. Oh, oadray!

Henoy ny Fanahy Masina miresaka amin'ny alàlan'i Jaona, tao Patmo, nanao hoe, "Ity dia ho an'ny fahendrena. Aoka izy hihaino an'Ity." Ankehitriny dia hanana sary iray hivoaka isika eto. "Indro ny . . . "

> *Ary izao ny hevitra izay* misy *fahendrena. Ny loha fito dia tendrombohitra fito, izay ipetrahan'ilay vehivavy.*

60 Tanàna anankiray ihany, izay fantatro, eto amin'izao tontolo izao . . . Misy tànana roa, izay fantatro, izay manana tendrombohitra fito na mihoatra ao aminy. Cincinnati ny iray amin'izy ireo, izay natao ho nisy tantara foronina an'i Cincinnati. Izany dia ilay renin'amboadia, fantatrareo, izay . . . sy ny sisa. Fa manana betsaka noho izany izy ao aminy. Saingy tsy misy fiangonana iray manapaka an'i Cincinnati.

Toerana tokana ihany eto amin'izao tontolo izao, no misy fiangonana iray mipetraka eo ambonin'ny havoana fito, izay manapaka an'izao tontolo rehetra izao. Ankehitriny, vao avy tany aho. Ireo zavatra rehetra ireo.

Ary nahita aho tany izay nilazana hoe, "Ary izao dia ho an'ny fahendrena." Apokalypsy 13. "Aoka izay manam-pahendrena hanisa ny isan'ny bibidia, satria isan'olona izany." Tsy hoe andian'olona iray, vondron'olona iray, fa olona "iray". "Ary ny isany dia enina amby enimpolo amby eninjato."

61 Efa nandre matetika aho, fa, teo ambonin'ny seza fiandrianan'ilay papan'i Roma, dia izao no voasoratra hoe, "VICARIVS FILII DEI." Nanontany matetika aho raha marina izany. Manaova tsipika iray, dia ataovy kisarisary izany, ao amin'ireo fanisana Romana, dia jereo raha izany ilay izy. Tena ny fahamarinana tokoa izany. Nitsangana tahaka an'*izao* teo akaikin'ilay satroboninahitra telo sosona an'ilay papa aho, tao anaty fitaratra hoe, "Fahefana mitsara eo amin'ny helo, lanitra, ary afo fandiovana." Hitanareo? Noho izany, ireo zavatra ireo, vao avy tany aho, vao avy tany Roma ka mahafantatra fa izany no fahamarinana. Fantatsika ankehitriny fa vita sary izany.

> *Ary* indro ireo *mpanjaka fito: lavo ny dimy* (izay tamin'izany fotoana izany), *ary ny anankiray dia eo* (izany dia ilay anankiray izay ho avy ankehitriny, dia i Kaisara), *ary* mbola misy iray hafa ho *avy* (dia i Heroda, izay ratsy fanahy); . . .

62 Diniho ankehitriny. Diniho hoe tanteraka toy ny ahoana ilay izy.

> . . . *ary rehefa tonga izy, dia tsy maintsy mitoetra* mandritry *ny fotoana fohy izy.*

63 Misy olona iray mahafantatra ve hoe hafiriana no nanjakan'i Heroda? Enim-bolana. Notaritaritiny nanerana ny làlambe ny reniny, tamin'ny lamboridin'ny soavaly iray. Dia nodorany ilay tanàna; ary nazerany teo amin'ireo Kristiana izany. Ary nitendry lokanga teny ambony havoana izy raha izy ireo mbola . . . mbola nandoro an'ilay tanàna. Enina—enim-bolana. Ary hitanareo, "Ary ilay bibidia . . . " Diniho ankehitriny, jereo hoe karilahy toy ny inona izy. Hitanareo? Diniho ankehitriny.

> *Ary ilay bibidia izay teo, ary tsy eo, na dia . . . dia ilay fahavalo, ary avy amin'ilay* fahafito (ny natioran'ilay fahafito), *dia lasa any amin'ny fahaverezana.*

64 Ny olona rehetra dia mahafantatra fa ny dikan'ny *fahaverezana*, dia "ny helo." Koa diniho hoe avy taiza izy no niakatra, "ny helo." Inona izany? Ireo lavaka tsy hita noanoa. Tsy misy ny fototra ho an'ny foto-pampianarana Katolika. Tsy misy ny Baiboly ho an'ny foto-pampianarana Katolika. Tsy misy izany karazana Baiboly ho an'ny foto-pampianarana Katolika izany, tsy misy mihitsy. Tsy mihambo ho izany izy ireo. Ilay pretra mipetraka any io, io pretra kely eto io ao amin'ny fiangonana Sacré Coeur dia tonga teo. Hoy izy hoe, "Oh, izy . . . " Niteny taminy mikasika ny nanaovana batisa an'i Mary Elisabeth Frazier aho. Hoy izy hoe, "Oh, nanao batisa azy tahaka ny nanaovan'ny fiangonana Katolika voalohany batisa ianareo."

Hoy aho hoe, "Oviana izany?"

Hoy izy hoe, "Ao amin'ny Baiboly, ny Baibolinao."

65 Hoy aho hoe, "Nanao batisa tahaka an'izany ve ny fiangonana Katolika? Izany ve no fampianaran'ny fiangonana Katolika?"

"Hia."

66 Hoy aho hoe, "Ao amin'ny tsy maha-mety diso ny fiangonana Katolika, dia nahoana izy no niova betsaka mihitsy?" Hitanareo?

67 Hoy izy hoe, "Eny, hitanao, ianareo rehetra dia mino ny Baiboly. Izahay mino ny fiangonana." Hitanareo? "Tsy miraharaha an'izay lazain'ny Baiboly izahay. Ilay izy dia izay lazain'ny fiangonana." Marina tokoa izany. Raha mba ho tonga eo amin'ny fifanatrehana ianareo, mikasika an'izany, dia andramo indray mandeha izany, hitanareo. Tsy miraharaha an'izay lazain'ny Baiboly izy ireo; tsy misy idiran'izany amin'io. Izay lazain'ny fiangonana no raharahian'izy ireo. Hitanareo?

68 Fa isika dia tsy miraharaha an'izay lazain'ny fiangonana. Isika dia mino izay lazain'Andriamanitra. Amena. Satria ny Baiboly, dia voasoratra hoe, "Aoka ny tenin'olona ho lainga, fa ny Ahy ho ny Fahamarinana." Izany no maha-tsy anarampiangonana antsika.

69 Diniho ankehitriny. Henoy ity, iray minitra fotsiny. "Mpanjaka dimy no teo, lavo, mpanjaka dimy." Raha mila an'izany avy amin'ny tantara ianareo, dia hasehoko anareo izany. "Ary ny anankiray dia eo, ary ny anankiray dia ho avy."

Diniho ankehitriny, "ilay bibidia." Ankehitriny, ilay bibidia dia tsy mpanjaka iray. Izy no "anankiray izay eo, izay tsy eo; kanefa ho avy, ary tsy eo; ho avy, ary tsy eo." Inona izany? Fifandimbiasan'ireo papa, hery iray, bibidia iray manapaka. Izany dia rehefa niova ho lasa Roma papaly i Roma mpanompo sampy. Niova i Roma mpanompo sampy, ary lasa fitondran'ny papa izy avy eo, ka, nanana papa iray izy ireo raha tokony ho mpanjaka iray, ary ilay papa no mpanjaka ara-panahy. Izany no antony nahatonga azy ho mpanjaka voasalotra, ara-panahy, mihambo ho solontenan'i Jesosy Kristy. Eo ianareo izao. Mariho ankehitriny.

70 Ary havoakantsika eo io foto-pampianarana Katolika io ka haneho aminareo hoe ahoana fa nirobohany avy hatrany tao amin'ireo fiangonana Protestanta, hitanareo, ahoana fa mbola mipetraka foana ao amin'ny fiangonana Protestanta izy, maro amin'izany. Mifanohitra, marina tokoa, amin'ny Baiboly, tena mifanohitra tanteraka. Ankehitriny, "Ny bibidia iray izay teo, izay tsy eo." Tsarovy ankehitriny, "Izy rehetra dia ho voafitaka, ambonin'ny tany, ireo izay manana anarana tsy voasoratra hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Ndao jerentsika.

> *Ary ilay bibidia izay teo, ary tsy eo,* (ny andininy faha-11) kanefa izy *no fahavalo, ary . . . avy amin'ny* fahafito, *ary mandeha mankany amin'ny fahaverezana.* (Hanohy izy mandra-pidonany amin'ireo lavaka tsy hita noanoa any amin'ny faran'ny làlana.)
>
> *Ary ireo tandroka folo izay* hitanao *dia mpanjaka folo, . . .*

Diniho eto ankehitriny. Raha te-hahita zavatra manaitra ianareo, dia diniho ity.

> *. . . dia mpanjaka folo, izay tsy mbola nahazo fanjakana; fa mandray fahefana toa mpanjaka ora iray miaraka amin'ny bibidia.*

71 Tsy mpanjaka voasalotra izy ireo; mpanao didy jadona izy ireo. Hitanareo, tsy mpanjaka voasalotra mihitsy izy ireo, saingy mandray fahefana toa mpanjaka, ora iray, ao amin'ny fanjakan'ilay bibidia. Izany dia ao amin'ity fotoana maloka kely izao ankehitriny izao ity izay ipoiran'ireo mpanao didy jadona.

Hitanareo? "Mandray fahefana toa mpanjaka, ora iray miaraka amin'ny bibidia." Ankehitriny, eny àry.

> *Miray saina izy ireo, ka hanome ny heriny sy ny tanjany ho an'ilay bibidia.*
>
> *Hanao ady amin'ny Zanak'ondry izy ireo, ary ny Zanak'ondry haharesy azy ireo:* (Voninahitra!) *satria izy no Tompon'ny* tompo, *sy Mpanjakan'ny mpanjaka: ary ireo izay miaraka aminy dia voantso,* ny *voafidy, ary mahatoky.*

72 Maniry aho ny ho afaka hitory toriteny iray izao ankehitriny izao eo amin'izany hoe, "Ny voafidy, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, ka mitoetra mahatoky ao amin'ny antsony." Haleloia! Izay ilay izy. "Izy ireo dia voantso, ny voafidy, ary ny mahatoky." *Ary* dia fanohizan-teny iray, hitanareo, "Ny voafidy, ary mahatoky." Izy ireo no handresy azy. Tsy mampaninona na lasa malaza toy ny ahoana aza izy ireo.

73 Ary ity kominisma malaza ity, hetsika kominisma izay ananantsika amin'izao andro izao, aza manahy ny amin'io. Miasa marina tokoa eo an-tànan'Andriamanitra izany. Afaka manaporofo an'izany amin'ny alàlan'ity Baiboly ity aho. Izy dia hampijaly azy nohon'ny amin'ny maritiora rehetra izay hany novonoiny. Eny, tompoko. Diniho fa miara-mifanaiky ireto mpanjaka rehetra ireto, ary hankahala azy. Koa ny firenena manontolo, izao tontolo rehetra izao, dia voafaokan'ny kominisma. Nahoana, tsy maintsy ho hetsika iray an'Andriamanitra izy, hanasazy azy. Hoy ianareo hoe, "Andraso iray minitra, Rahalahy Branham. Kominisma, hetsika iray an'Andriamanitra?" Tanteraka tokoa, izany tokoa, hetsika iray an'Andriamanitra izy. Ny Baiboly no niteny an'izany. Fa miditra izy mba hanonona fitsarana eo amin'ny vahoaka iray tsy masina sy zazasary feno fahafaham-baraka. Inona no tavela eto amin'ity izao tontolo izao ity? Inona no ananantsika? Teto indray andro . . .

74 Hanajanona ny lohahevitro iray minitra fotsiny aho, raha azo atao. Namaky ampahan-tSoratra iray aho izay misy hoe ny ankizy zazasary iray dia tsy hiditra ao amin'ny fiangonan'ny Tompo hatrany amin'ny taranaka fahefatra ambin'ny folo. Firy no mahafantatra an'izany? Marina izany, Deoteronomia 23; ankizy zazasary iray. Raha tratra eny an-tsaha ny vehivavy iray, izany hoe, lavitry ny fiarovan'ny lehilahy, ka misy lehilahy iray maharesy an'io vehivavy io, dia tsy maintsy manambady azy io lehilahy io. Ary tsy mampaninona na dia lasa mpivarotena iray aza izy, tsy maintsy miaina miaraka aminy izy mandra-pahafatiny. Ary raha manambady azy io vehivavy io, nihambo fa hoe virijiny izy, nefa tsy izany izy, amin'izay fotoana izay dia azo vonoina izy noho izany. Ary raha ny lehilahy iray sy vehivavy iray izay nivady, ka niteraka ankizy iray zazasary

izy ireo, dia, tsy hiditra ao amin'ny fiangonan'ny Tompo izy, hatramin'ny taranaka fahefatra ambin'ny folo. Ary ny taranaka iray dia efapolo taona. Izany dia ho efajato taona alohan'ny hialan'io fahotana io avy ao Isiraely.

75 Halan'Andriamanitra ny fahotana! Ahoana no anantenanareo manitsakitsaka eo amin'ny Rà Masin'ny Tompo Jesosy, satria fotsiny hoe mikambana amin'ny anarampiangonana iray ianareo, anantenanareo hiditra? Miditra eo amin'ny tanin'Andriamanitra ianareo na tsy hiditra mihitsy. Marina. Diakona, mpitory teny, na mety ho inona na inona isika, tsy misy na inona na inona idiran'izany amin'io. Tonga eo amin'ny fepetran'Andriamanitra ianareo.

76 Taranaka efatra ambin'ny folo. Ilay olona izay niady hevitra an'izany tamiko dia mipetraka manatrika eto ankehitriny. Hoy izy, "Ahoana no ahafantarantsika hoe iza no mba hovonjena raha izany?"

77 Hoy aho hoe, "Eo no tokony haha-Kalvinista tsara iray anareo." Ny anaranareo dia natao tao amin'ilay Boky talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Andriamanitra no mitondra an'io fikorian-drà io. Miankina Aminy izany. Hitanareo?

"Fa ny misy amin'izany . . . "

78 Henoy. Ianareo olona tanora, androany, tsy fantatro na mandeha eto amin'ity fiangonana ity ianareo, na aiza no andehananareo, ianareo zazalahy sy zazavavy tanora. Efa fantatrareo ve, fa ireo zavatra izay ataonareo, raha misy taranaka iray hafa, dia ireo zanakareo no hotsaraina ny amin'izay ataonareo? Tsy manana fanajana ny fahamaotinana ve ianareo? Ianareo zazavavy eto izay manao an'ireny sorta ratsy kely sy ny sisa any ivelany any ireo, fantatrareo, fa izany no hita manao taratra eo amin'ny zanakavavinareo. Efa fantatrareo ve fa ny renibenareo dia—dia mpisidintsidina iray, ary ny reninareo dia tovovavin'ny antoko mpihira iray, ka izany no antony mahampampiseho vatana iray anareo androany? Izany tokoa. Ho inona ireo zanakareo? Eny, tompoko. Andriamanitra no nilaza fa Izy no hamaly ny helok'ireo raiamandreny amin'ny zanaka sy ny zanak'izy ireo, hatrany amin'ny taranaka fahatelo sy fahefatra.

79 Ary fantatrareo ve, ry rahalahiko, fa isaky ny manao an'izany marina ianareo, dia hivaly amin'ny zanakareo izany?

80 Jereo eto, ndao isika haka ny Hebreo, ny toko faha-7. Ny Baiboly no nilaza, rehefa—rehefa nihaona tamin'i Abrahama niverina avy tamin'ny famonoana an'ilay mpanjaka i Melkizedeka, ka nitso-drano azy, ary Izao no voalaza, ankehitriny, "Levy . . . " Miresaka mikasika ny fandoavana ny fahafolon-karena Izy. Hoy izy, "Levy . . . " dia nahazo " . . . baiko iray avy tamin'ny Tompo mba handray ny fahafolon-karena avy amin'ireo rahalahiny." Ary Levy izay nandray an'ireo fahafolon-karena, dia nandoa an'ireo fahafolon-karena, satria mbola tao

an-kibon'i Abrahama izy fony izy nihaona tamin'i Melkizedeka. Ary Abrahama dia rain'ny raibeny. Abrahama niteraka an'i Isaka, Isaka niteraka an'i Jakoba, Jakoba niteraka an'i Levy; Levy, ray, raibe, rain'ny raibe. Ary raha mbola tao an-kibon'i Abrahama i Levy, dia nilaza ny Baiboly fa nandoa ny fahafolon-karena tamin'i Melkizedeka izy. Haleloia!

81 Aza mamela olona iray hiteny aminareo fa karazana hetsika iray eto amin'izao tontolo izao dia afaka mihitsy hanembatsembana ny kodiarana lehibe misy nifinifiny an'Andriamanitra. Manohy mihodina hatrany izy! Efa voalamina tany amin'ny fiandohana tany izany. Tsy hisy devoly iray na devoly betsaka afaka hanembatsembana ny Fandaharany.

82 Ankehitriny, tsy nilaza ny Baiboly hoe "amin'ny ampahany" no nandoavany an'izany. Hoy ny Baiboly hoe, "Nandoa ny fahafolon-karena izy," fony izy tao an-kibon'ny rain'ny raibeny. Voninahitra! Izany ny Tompoko. Oh, Fantany izany, na dia, talohan'ny niforonan'izao tontolo izao mihitsy aza. Fantany ny zavatra rehetra. Ary tao amin'i Abrahama, dia nandoa ny fahafolon-karena izy.

83 Ary ranabavy, rahalahy, ahoana no ahafahanareo hihazakazaka eto, ary ireo olona dia miaina sy mihazakazaka miaraka amin'ny vadin'olona, ary ireo vady manimba tokantrano, ka miaina amin'ny fomba iainanareo, ho taranaka hafa iray inona no antenainareo? Io ilay izy. Lasa tsy misy afa-tsy andiana zazasary iray fotsiny sisa ilay izy ankehitriny, teraka tamin'ny loto, andiana fahalòvana. Ary zavatra iray ihany sisa no tavela ho an'izany, ary izany dia ny andron'ny atomika izay iainantsika. Tena marina tokoa izany. Eo amin'ny andro farany isika izao.

84 Nipetraka aninkeo maraina, tany lavitra tany tao amin'ireo havoanan'i Kentucky, zazalahy antitra kely iray, zara aza ianareo raha afaka ho tonga eo amin'ny folo dian-tongotra avy teo aminy, teo am-panamboarana menaka sorgho. Angamba zara raha mahafantatra hoe iza no tànana havanana na havia. Rehefa nandre izy . . . Nankao amin'ny toeram-piasana iray aho. Tsy fantatro hoe taiza aho. Tao anatin'ny lempona iray fotsiny aho. Ary nandeha tao aho mba hihaza vontsira. Ary rehefa nipetraka teo aho, dia niresaka taminy. Ary nilaza ity zazalahy ity fa hiditra ao amin'ny tafika izy. Ary tonga teo amin'ny fahitana, tonga teo amin'ny firesahana mikasika ny Tompo izahay, dia hoy izy hoe, "Ry mpitory teny, tsy mino ve ianao fa eo amin'ny andro farany isika izao?" Tany amin'ny faran'ireo tendrombohitra ireo.

85 Hoy aho hoe, "Azo antoka, eo isika. Azo antoka, anaka, eo amin'ny andro farany isika izao."

86 Eto isika izao. Izao ilay ora izay iainantsika, rahalahy. Ao amin'ilay toerana isika. Tsy afaka mahita ve ianareo hoe ahoana fa ireo reny tany aoriana tany, sy ireo dada, ahoana no niainan'izy ireo, sy dadabe ary nenibe? Tsy afaka mahita ve ianareo hoe ahoana no niainan'i papa sy mama? Tsy mahagaga raha ao anatin'ny fahalòvana isika amin'izao andro izao. Tsy mahagaga, raha afaka mitory teny miala loha ianareo; hanao sorta toy izany foana izy ireo, ka handrora eo amin'ny tavanareo. Hifoka sigara izy ireo ary hitsoka an'izany eo aminareo mihitsy, ka hanao hoe, "Ny asanao manokana karakaraina." Nahoana? Satria izany ilay foko izay nivoahan'izy ireo. Ho tonga eo amin'izany aho, avy hatrany, *Ny Taranaky Ny Menarana*. Ho hitantsika hoe aiza no idirany, hahita hoe nahoana izy ireo no mihetsika tahaka an'izany. Zanaky ny devoly hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao izy ireo. Marina izany. Ary isika dia tsinontsinona ao amin'ny, tavela ho an'izany, noho izany dia ny fitsarana fotsiny sisa no zavatra tokana izay tavela. Tsy afaka hanana na inona na inona hafa afa-tsy ny fitsarana. Hamotipotika an'ilay zavatra manontolo fotsiny Andriamanitra. Ary ny olona ihany no nanao an'ilay izy. Tsy nikasa azy ho tahaka an'izany Andriamanitra, saingy Fantany fa ho tahaka an'izany ilay izy. Izany no antony Nilazany hoe izy dia, "Hamitaka an'izay rehetra miaina eo amin'ny tavan'ny tany, afa-tsy ireo izay nanana ny anarany napetraka ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ihany talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao."

87 Ndao isika handinika an'izany. Mamakia lavidavitra kely ankehitriny. Ankehitriny, mino aho ankehitriny fa eo amin'ny faha-12 isika.

> *Ary ireo tandroka folo izay hitanao dia mpanjaka folo, izay tsy mbola nahazo fanjakana; fa mandray fahefana toa mpanjaka ora iray miaraka amin'ny bibidia.*
>
> *Ireo* dia *hiray saina, ka hanome ny heriny sy ny tanjany ho an'ilay bibidia.*
>
> Ary *hanao ady amin'ny Zanak'ondry izy ireo, ary ny Zanak'ondry haharesy azy ireo: satria izy no Tompon'ny* tompo, *sy Mpanjakan'ny mpanjaka: ary ireo izay miaraka aminy dia—dia voantso,* ny *voafidy, ary mahatoky.*
>
> *Ary izy* nanao *tamiko hoe, Ireo rano izay hitanao, izay ipetrahan'ilay vehivavy janga, dia olona, . . . vahoaka betsaka, . . . firenena, ary fiteny.*
>
> *. . . ireo tandroka folo izay hitanao teo ambonin'ilay bibidia, dia ireo no hankahala an'ilay vehivavy janga, . . .*

88 Diniho io ankehitriny, ireo "tandroka folo," ireo fanjakana folo. Hitanareo, izany dia ny zavatra rehetra izay miditra, izay

maha-izy an'ireo mpanao didy jadona ireo. Diniho ny fomba ironan'ireo mpanao didy jadona. Mirona mankaiza izy? Izao fotsiny—teneno amiko fotsiny ny mpanao didy jadona iray izay tsy mirona mankany amin'ny kominisma. Hitanareo? Ary izy ireo dia (inona?) hankahala an' "ilay vehivavy janga," ilay vehivavy, ilay fiangonana. Fa inona? Diniho hoe inona no hataony amin'izany.

> *. . . ireo dia hankahala an'ilay vehivavy janga, sy hahatsinontsinona sy hampitanjaka azy, ary hihinana ny nofony, ka handoro azy amin'ny afo.*

89 Hotsofin'izy ireo hiala amin'ny sarintany io zavatra io, azo antoka tahaka ahy mitsangana eto mihitsy. Raha nanana fotoana handraisana fotsiny an'io lohahevitra mikasika an'io fiangonana io isika, ka hanaraka an'izany amin'ny alàlan'ny Soratra, izay Nilazany, hamakiana hoe, "Ny mpanjaka rehetra an'ity tany ity, sy ireo mpandranto rehetra, sy ny rehetra, dia nidradradradra, satria nahita ny fahafonganany tao anatin'ny ora iray ilay Babylona lehibe." Ora iray, dia tonga ny fotoany! Ary, oh, ahoana fa Izao no voalaza hoe, "Mifalia, ianareo olo-masina, sy ianareo mpaminany masina rehetra, fa Andriamanitra efa namaly ny ràn'ireo olo-masina sy ireo rahalahinareo teo aminy." Hitanareo, marina izany. Azo antoka, ny kominisma dia milalao tsara mihitsy eo amin'ny tànan'Andriamanitra. Tahaka an'i Nebokadnezara Mpanjaka fotsiny izay nilalao teo amin'ireo tànana mihitsy, ho tonga mba haka an'ireo Jiosy, rehefa niala izy ireo! . . . ? . . .

90 Ary afaka manohy manimba ny fahotana, afaka mijanona ao ilay voan'ny marina ary ny voa dia afaka mihazona ny fahalòvana, ka manimba sy manimba mandra-pahatonga azy hivoaka afaka kelikely. Tonga eo amin'ny toerana iray izany, satria ireo reny sy ny dadan'izy ireo sy ny sisa dia niaina tahaka an'izany tany alohantsika, ary ao amin'izany fomba izany, hany ka tsy misy na inona na inona tavela ho antsika. Ary fantatrareo ve izay nolazain'i Jesosy? Raha tsy nanafohy an'ilay asa Izy, dia tsy hisy nofo iray hovonjena akory aza.

91 Afaka mahita ve ianareo? Afaka mahita ve ianareo hoe nahoana isika no manana azy ireo? Tsy manao fanamarihana aho. Ireo Arthur Godfrey sy ny olona rehetra, fantatrareo, hitanareo, ary ireo Elvis Presley, sy—sy ireo pataloha miroraka, ireo akanjo fitondra miasa, sy ny volo mihantona eo amin'ny tendany, ary ireo zavatra izay ataon'ireo adolantsento. Inona no ataon'izany? Inona izany? [Mandondòna indraika ambin'ny folo ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Satria izany dia nivoaka avy tao amin'andian'olona zazasary, niaina tany aloha. Tsy misy na inona na inona tavela! Oh, hitsangana izy ireo ka hihira hoe, "Manakaiky kokoa, Andriamanitro, eo Aminao," tahaka an'i Ernie mpaka pitipoa sy ireo hafa rehetra tahaka an'izany, izay nihira karazana hira fiderana iray tahaka an'izany,

sy ny sisa tahaka an'izany. Rahalahy, mba fantatrareo moa? Izany, tena fihatsarambelatsihy tanteraka mihitsy izany. Eny, tompoko.

92 Tsy manana raharaha hatao eto amin'ity polipitra ity ny lehilahy iray izay mandeha any ka manao rock-and-roll sy boogie-woogie ary ny karazan-javatra rehetra tahaka an'izany. Tsy manana petin-draharaha iray eto ambadika eto izy. Ity dia ho an'ny asam-pisoronana, ilay nantsoin'Andriamanitra. An'ireo mpitoriteny nantsoin'Andriamanitra ny eto ambadika eto. Ary tsy an'ny zavatra tahaka an'izany ny eto aoriana eto. Izany no olana amin'ilay izy amin'izao andro izao, tsy nataon'izy ireo afa-tsy trano fialofana fotsiny ny fiangonana. Tsara ny trano fialofana, raha te-hanao an'izany ianareo, miankina aminareo ilay izy. Saingy mamelà ahy hiteny aminareo, misy fahasamihafana betsaka ny manandrana . . . eo anelanelan'ny trano fialofana iray sy ny fiangonana iray. Eny, tompoko. Raha te-hanao an'ireo zavatra ireo ao anatin'ny trano fialofana iray ianareo, ka hanana an'ireo karazana fety sy ny sisa ireo, miankina aminareo izany. Fa, rahalahy, ny fiangonana dia tokony ho voafafa manomboka eo amin'ny polipitra rehetra ka hatrany ambany rihana. Marina izany. Tsy hoe voafafa miaraka amin'ny varavarankely vaovao sy ny sisa no tiako lazaina. Ny tiako lazaina dia miaraka amin'ny fifohazana fanao fahiny iray, nalefan'Andriamanitra izay hanaparitaka an'ilay zavatra avy eo amin'ny ilany iray mankany amin'ny hafa. Eny, tompoko. Toy ny hoe mamelona jiro iray, jiro elektrika eo amin'ny andian-kalalao manodidina voam-paoma iray. Eny, tompoko, hiparitaka izy ireo rehefa hirehitra ny jiro.

93 Diniho ankehitriny, "Iray saina izy ireo, manome ny heriny." Eo ambanin'izany aho ankehitriny. "Tandroka folo." Eny, ankehitriny.

> *Fa Andriamanitra efa nametraka tao am-pon'izy ireo ny hanatanteraka ny sitrapony,* (eo ianareo izao), *sy hifanaraka, ary hanome an'ireo* fanjakany *ho an'ilay bibidia, mandra-pahatanteraky ny tenin'Andriamanitra.*
>
> Ankehitriny, *ary ilay vehivavy izay efa hitanao* dia ny *tanàna lehibe, izay* manjaka *amin'ny mpanjakan'ny tany* rehetra.

94 Ankehitriny, tsy misy ilaina ny manosika manodidina eo, fantatsika fa ny ambaratongam-pahefana Katolika izany. Tsy misy ilain'ny olona iray . . . Izaho—izaho dia mino an'izany mafy mihitsy tahaka ny inoako fa nandray ny Fanahy Masina aho. Mino an'izany tsara mihitsy aho tahaka ny inoako fa Kristiana iray aho mitsangana eto androany, fa io ambaratongam-pahefana Katolika io dia ny—ny . . . Ny Tanànan'i Vatican no—no tanàna izay mipetraka eo ambonin'ny havoana fito. Ilay

ambaratongam-pahefana an'ny fiangonana no bibidia izay teo, izay tsy eo. Babylona izy. Izany no zavatra rehetra izay vita sary marina tokoa, tanteraka tokoa manerana ny Soratra rehetra. Ny fiangonana Katolika izany.

95 Ankehitriny, ity ilay toerana manaitra anareo ankehitriny. Hoy ianareo hoe, "Eny, tsy mahakasika ahy ianao, Rahalahy Branham." Saingy mamelà ahy hanontany zavatra iray aminareo fotsiny. Ndao isika handeha hiverina avy hatrany eo amin'ny andininy faha-5 ankehitriny.

> *Ary teo amin'ny* lohany *dia nisy . . . voasoratra hoe, ZAVA-MIAFINA, BABYLONA ILAY LEHIBE, NY RENIN'NY* FAHAVETAVETANA . . . *RENIN'NY MPIJANGAJANGA SY FAHAVETAVETANA AMIN'NY TANY.*

96 Inona izy? J-a-n-g-a. Ary izy dia r-e-n-y iray. Inona? R-e-n-y. Niteraka zavatra iray izy. Renin-janakalahy iray ve? An'ny mpijangajanga! Inona ny mpijangajanga iray? Mitovy ihany amin'ny—amin'ny vehivavy janga, ratsy fitondran-tena iray. Inona no nanao azy ho ratsy fitondran-tena? Ny foto-pampianarany. Nihambo ho fiangonana Kristiana iray izy, saingy nizara dogma nataon'olona. Ary indro izy fa milaza hoe izy dia nanana . . . Raha izy no rafi-pandaminana voalohany, amin'izay fotoana izay dia toy ny hoe misy rafi-pandaminana sasany nivoaka avy tao aminy. Izy no renin'ny mpijangajanga. Marina ve izany? Renin'ny mpijangajanga iray. Tsy mety ho reny iray, ankehitriny, an'ny zazalahy. Tsy mety ho reny iray . . . Tsy maintsy ho renim-behivavy izy. Ary, raha vehivavy izy ireo, dia fiangonana. Ndao isika hahita ankehitriny. Inona no nivoaka avy tao amin'ny . . .

97 Iza no rafi-pandaminana voalohany? Ny fiangonana Katolika. Iza no rafi-pandaminana faharoa? Luther. Iza no rafi-pandaminana fahatelo? Zwingli. Iza no tonga nanohy an'izany? Calvin. Ary indro fa niditra ny Anglikana, ary ny Anglikana nitohy nankao amin'ny Metodista. Ny Metodista, inona no novokarin'ny Metodista? Avy tao no tonga i Alexander Campbell. Avy tao amin'i Alexander Campbell dia tonga i John Smith. Avy . . . Alexander Campbell no fiangonana Kristiana; avy eo, dia nanana efatra na dimy izy ireo, fiangonan'i Kristy ary nivoaka ireo isma kely hafa rehetra. Avy eo dia indro fa tonga ny fiangonana Batista, nanana taritarika kely betsaka izy. Ary avy tao amin'ny fiangonana Metodista no nivoaka . . . avy tao amin'ny fiangonana Metodista, no nivoaka, nivoaka voalohany ny Metodista Wesleyana, ary avy eo dia nizara in-efatra na indimy izy ireo. Avy eo dia tonga teo amin'ny karazana Metodista iray hafa izy ireo, ary avy eo dia nisaraka indray izy ireo, avy eo dia tonga teo amin'ny Metodista Afaka izy ireo. Ary—ary avy eo dia niala teo amin'izany izy ireo nankao amin'ny Nazareana. Ary avy teo amin'ny Nazareana nankao

amin'ny Mpivahinin'ny Fahamasinana, ary ny Mpivahinin'ny Fahamasinana dia nitohy nidina. Isma kely fotsiny nivoaka tahaka an'izany, nitohy nandeha nidina, ny tsirairay avy tamin'izy ireo kely—ireo sampana kely tany aoriana tany ireo dia nandeha nanohy avy hatrany. Ary inona no nataon'ny tsirairay tamin'izy ireo? Ary farany dia niafara tao amin'ny Pentekosta ilay izy.

98 Ary inona no nataon'ny Pentekosta? Ilay zavatra iray ihany izay nataon'ny maman'izy ireo, niverina tany aoriana avy hatrany izy ireo ary nandrafitra. Lasa inona izany? A—anaram-piangonana iray. Midira ao amin'ny anankiray, fa ny zavatra voalohany dia hoe, "Inona no foto-pampianaranao?" Ry tovolahy, mihogo anareo amin'ny fihogoana nify manify iray izy ireo, hitanareo, mba hahitana hoe inona ianareo, inona no inoanareo. Ary raha tsy mifanaraka tanteraka mihitsy amin'izy ireo ianareo, rahalahy, dia voaroaka izao ankehitriny izao. Ary marina izany.

99 Ary aza mihevitra hoe satria milaza fotsiny ianareo fa Pentekotista dia voaaro. Rahalahy, hisy Pentekosta betsaka mihitsy hiala amin'ny làlana tahaka ny misy eny amin'ny làlana, azoko antoka. Hitanareo?

100 Ankehitriny, ireo rafi-pandaminana rehetra ireo, raha mba namela fotsiny an'ilay fitahiana Pentekotista nandeha izy ireo, fa tsy nandrafitra an'izany, nihazona azy fotsiny tao anatin'ny firahalahiana iray ka namela ny Fanahy Masina hanao ny fanavahana. Manavaka ny Fanahy Masina. Niditra i Ananiasy sy Safira indray mandeha, nilaza an'*izao-sy-izao;* dia hoy ny Fanahy Masina hoe, "Nahoana ianareo no nandainga?"

101 Saingy hoy isika hoe, "Ankehitriny, Rahalahy Jones io, aza miteny ratsy mikasika azy na inona na inona ianareo ankehitriny, izy no mpandoa vola tsara indrindra izay ananantsika ao am-piangonana. Fantatro fa manana ny Fanahy Masina izy; efa nandre azy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho, ary efa nahita azy nihiakiaka tao amin'ny Fanahy." Tsy misy afa-tsy ny mandraraka pitipoa eo ambonin'ny hoditr'omby vavy iray fotsiny izany. Hitanareo? Tsy misy idiran'izany amin'io. Andriamanitra no manao ny filazana. Izy no manao ny filazana na izy izy na tsia. Izany tokoa. "Saingy izany no nekenay ho eo amin'ny anaram-piangonanay. Eny, izahay no nandroaka azy avy tao amin'ny—avy tao amin'ny Assemblées, ny an'ny Tokana no maka azy." Mitondra azy vetivety ny an'ny Tokana, ary avy eo dia noroahan'izy ireo izy. Satria, nentin'izy ireo teo izy, dia ny Jesosy Irery no maka azy. Maka azy vetivety ny Jesosy Irery, ary avy eo ny zavatra manaraka izay maka azy dia ny fiangonan'Andriamanitra, no maka azy. Maka azy ny fiangonan'Andriamanitry ny Faminaniana, dia ny hetsika Tomlinson no mahazo azy. Oh, oadray! Rahalahy, raha tsy efa saiky mamarana isika! Ao amin'ny Pentekosta izany, ilay

fifohazana farany. Ary ankehitriny dia manana ny Lelafo Manga izy ireo, ary manana an'ireo mpanompo menaka, sy ny—sy ny rà eo amin'ny tava. Ary, oh, mamindrà fo, tsy fantatro hoe lasa aiza izy ireo ankehitriny.

102 Zavatra anankiray fotsiny, izany hoe lasa lò ilay zavatra manontolo. Efa fantatrareo ve fa ny Baiboly dia nilaza hoe ho lasa lò izany? Efa fantatrareo ve fa ny—ny Baiboly dia miresaka an'ity andro ity, fa ho eto, izay hahafeno lò an'ireo latabatry ny Tompo mihitsy aza? Ary voalaza hoe, "Iza no Ampianariko foto-pampianarana? Iza no Azoko hatao hahazo Ahy? Fa didy no tsy maintsy eo ambonin'ny didy, sy eo ambonin'ny didy, fitsipika eo ambonin'ny fitsipika." Iza no Azony ampianarina foto-pampianarana? Ireo izay nitsaha-nono ve, ilay mama. Hitanareo?

103 Ankehitriny, tsy misy—tsy misy vehivavy iray, vehivavy simba iray ka tsy afaka hiteraka zazavavy virijiny iray. Izany izy fony vao teraka, ankehitriny, ary afaka mandeha tsara izy. Saingy raha tsy mahamarika ianareo, hoe ny reniny dia efa avy amin'izany natiora izany, io zazavavy io, in-tsivy amin'ny folo, dia hanao marina tokoa tahaka ny ataon'ny reniny. Ankehitriny, fantatrareo fa marina izany. Ny reny antitra iray izay mitantana tokantrano ratsy laza iray, dia afaka hiteraka zazavavy kely iray. Mety ho enina ambin'ny folo taona izy, tena madio sy tsara fitondran-tena mihitsy tahaka ny lisy iray, saingy, raha mijanona ho tahaka an'izany izy. Saingy, ny zavatra amin'ilay izy dia, mandeha miverina avy hatrany izy ary manao tahaka ny reniny.

104 Ankehitriny, ny fiangonana Katolika no mpijangajanga tranainy voalohany izay nipoitra niaraka tamin'ireo foto-pampianarana izay namboarin'ny tenany, finoanoam-poana, izay, nolazain'ny Baiboly hoe, "Nivoaka avy tao amin'ireo lavaka tsy hita noanoa izy ary handeha hiverina ho any amin'ny fahaverezana." Ny Baiboly no nilaza an'izany. Ankehitriny, raha mampianatra an'izany izy ireo, dia diso izany. Diso izany, araka ny Tenin'Andriamanitra. Ary avy eo dia indro fa tonga ny fiangonana Metodista, izay teraka avy taminy, ramatoa tanora iray tsara tarehy, saingy inona no nataony? Nihodina niverina avy hatrany izy ary nanao an'ireo zavatra iray ihany izay ataon'ny mamany. Mamela ny fiangonany hanao sorta. Namela azy ireo hifoka sigara. Namela azy hanao hadalana sy hanao tahaka an'izay tokony hataony fotsiny. Tsy misy na inona na inona lazaina mikasika an'izany. Ilay pasitera masaka tapany ao ambadika aoriana ao, ilay polipitra aoriana ao, dia matahotra hoe ho very karama izy indray andro any, na bisky iray boaty.

105 Mamelà ahy hiteny aminareo, rahalahy, aleoko mitory ny Filazantsara, ary hihinana mofo maina sy hisotro rano tsotra, ary hiteny ny Fahamarinana mikasika an'izany. Raha nitsangana ny

tsirairay avy amin'ny fiangonako ka nivoaka, dia hiteny amin'izy ireo ny Fahamarinana mikasika an'izany aho. Eny, tokoa.

106 Inona ilay olana? Oh, tapakilan-tsakafo iray ilay izy. "Eny, fantatrao, izaho dia pasiteran'ny fiangonana goavana indrindra izy misy eo amin'ny tanàna." Mihaino mpaminany sandoka iray ianareo Batista sy Metodista. Ankehitriny, mafy izany, saingy ny zavatra rehetra izay mampianatra mifanohitra amin'ity Baiboly ity dia mpaminany sandoka iray. Tsy ahoako na mety hamiratra toy ny ahoana aza ilay izy, faminaniana sandoka izany. Marina izany.

107 "Oh, mety tsara daholo ny zavatra rehetra raha mbola manana ny anaranareo eo amin'ilay boky foana ianareo." Mety manana ny anaranareo eo amin'ny boky roa ambin'ny folo ianareo. Raha tsy eo amin'ny Bokin'ny Fiainana izany, dia very ianareo! Afaka ny ho tena tsara mihitsy aza ianareo, afaka ny ho tena mahatoky sy madio ary tsara fitondrantena arak'izay mety haha-izy anareo ianareo, tsy hisy zavatra anankiray hidiran'izany amin'io.

108 Esao dia zalahy indroa tsara noho i Jakoba, raha mikasika ny maha-olona iray, nikarakara ny rainy antitra jamba sy ny zavatra hafa rehetra. Fa Jakoba dia mpisoloky kely iray nihantona teo amin'ny zipon-dreniny, zazalahy sarimbavy antitra kely. Saingy hoy Andriamanitra hoe, "Jakoba no Tiako fa laviko i Esao," talohan'ny nahaterahan'ny zazalahy iray mihitsy aza. Romana 8 no miteny an'izany. Marina tokoa izany.

109 Mahafantatra izay ao anatin'ny olona Andriamanitra. Ary Izy dia mahafantatra izay ao anatin'ny fiangonana, ihany koa. Mivelona amin'ny Mofon'Aina isika, ny Mofon'ny Tenin'Andriamanitra. Ankehitriny, izany no antony hoe tsy anaram-piangonana iray isika.

110 Ankehitriny dia te-hanome iray hafa kely anareo aho... te-hanome anareo kisarisary kely iray aho izay nosoratako eto. "Ilay lehibe..." Ankehitriny ao amin'ny Apokalypsy, ao amin'ny 19:2. Manana zavatra iray voaisy marika aho eto. Tehijery aho ka hahita hoe inona izany ankehitriny.

> *Fa marina sy mahitsy* ny fitsaranao: *fa efa nitsara an'ilay vehivavy janga lehibe izy, izay nanimba ny tany tamin'ny* fijangajangany, *ary* efa *namaly ny ràn'ny mpanompony teny an-tànany.* (Izany no fiafaran'ny fiangonana Katolika.)

111 Ankehitriny, tiantsika koa ianareo hahamarika, eto ihany koa, fa ny anaram-piangonana iray—fa ny anaram-piangonana iray dia hita ihany koa eto amin'ny Soratra eto, fa ny... Ary tsy miresaka anaram-piangonana iray mihitsy ny Baiboly. Avy tamin'ny fiangonana Katolika ny anaram-piangonana. Izy no renin'ny anaram-piangonana voalohany, ary ny anaram-piangonana tsirairay dia tonga avy hatrany. Ankehitriny,

hanongo kely fotsiny ity. Ho lasa mpanongo kely foana ilay izy, hitanareo. Fa izaho—tiako ianareo hahita fa ny anaram-piangonana dia tsy teraka na notendren'Andriamanitra. Notendren'ny devoly izany.

112 Ny Fiangonan'Andriamanitra dia ny. . .Tsy misaraka isika, vatana iray isika rehetra; fanantenana sy foto-pampianarana iray, iray ao amin'ny fitiavana. Izany no Fiangonan'Andriamanitra velona. Tsy mampaninona na inona izy ireo, ireo zavatra ireo, iray miaraka isika! Marina izany. Na Metodista izy na Batista, rahalahy, raha nateraka indray izy ka feno ny Fanahy Masina, dia rahalahiko izy. Mandeha soroka miara-milanja isika. Marina. Eny, tompoko. Aza manao fahasamihafana mihitsy.

113 Mosesy. Matetika dia mijery manodidina aho ka lazaina hoe, "Fantatrao io andiana Pentekotista fanatika io, Rahalahy Branham, nahoana ianao no mandeha mihitsy miaraka amin'ny andiany iray tahaka an'io?" Mba fantatrareo moa? Nijery teo amin'ireo zanak'Isiraely i Mosesy. Nijery teo amin'ilay varavarankely iray ihany izay nijeren'i Farao izy. Farao dia nijery azy ireo ho toy ny andiana mpihosom-potaka, fa i Mosesy nijery azy ireo ho toy ny nofidian'Andriamanitra. Fantany fa izy ireo no nanana ny teny fikasana. Nahoana? Fantany tamin'ny alàlan'ny Teny izany. Ary tamin'ny finoana. . . Niaraka tamin'ny tongony teo amin'ny seza fiandrianana, mba ho Farao, miaraka amin'izao tontolo rehetra izao nipetraka teo an-tongony, dia nipetraka teo ary nandraraka divay teo amin'ny vavany, sy ireo vehivavy tsara tarehy mba hikopakopaka azy, amin'ny maha-emperora, na ny mpanao didy jadona, na mpanjakan'izao tontolo izao, Mosesy tanora, teo amin'ny faha-efapolo taonany, nanana an'izany teo an-tànany. Nijery an'io andiana mpihosom-potaka io izy, saingy fantany fa isan'izy ireo izy. Haleloia! Izay ilay izy. Fantany fa isan'izy ireo izy. Ary tamin'ny finoana, irery, no nisafidianany!

114 Ny olona rehetra dia tsy maintsy manao safidy iray. Tsy maintsy manao safidy iray ianareo. Hanao safidy iray ianareo ankehitriny. Hanao safidy iray ianareo amin'ny maraina. Hanao safidy iray ianareo rahampitso hariva, raha velona ianareo. Tsy maintsy hisafidy ianareo indray andro any. Rahalahy, efa ela izay no nisafidianako. Ny Baiboly no diksionerako. Ity Baiboly ity no Bokin'ny Fiainako. Ity Baiboly ity no Tenin'Andriamanitra. Ity Baiboly ity no ivelomako. Ity Baiboly ity no ijoroako.

115 Noho izany, dia nijery teo amin'ny zanak'Isiraely i Mosesy. Ary tsy nilaza fotsiny izy hoe, "Oh, vahoaka mahafinaritra izy ireo. Tsy manana na inona na inona manohitra azy ireo aho. Oh, tsia, tsy hiteny teny iray hanohitra azy ireo aho." Izay no ataon'ny olona maro amin'izao andro izao. "Oh, ireo Pentekotista sy ireo olona izay manana ny Fanahy Masina ireo, ary ireo olona izay

mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ireo, oh, izaho—izaho—tsy manana na inona na inona manohitra an'izany aho." Fa tsy izany i Mosesy. Namoy an'i Egypta izy ary lasa isan'izy ireo. Nandeha nankany anivon'ireo rahalahiny izy. Isan'izy ireo izy.

116 Rahalahy, eo amin'izany no andraisako ny làlako. Handray ny làlako miaraka amin'ireo vitsin'ny Tompo nohamavoina aho, raha eran'ny tànana izany, na inona na inona ilay izy. Manana ny teny fikasana izy ireo, ary hitako ao anatin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anarany. Rahalahiko izy ireo. Marina izany. Ataovy ny safidinareo ka mijoroa miaraka amin'izy ireo. Marina na diso, mijoroa eo na ahoana na ahoana. Raha diso izy ireo, dia ampio izy ireo ho eo amin'ilay marina. Marina. Tsy hanao azy ireo ho tsaratsara kokoa mihitsy ianareo amin'ny fandroahana azy ireo manodidina. Hitanareo, miezaha mamoaka azy ireny.

117 Charlie, tahaka ny nolazain'izy ireo mikasika an-dRahalahy Allen, mikasika an'ilay afo izay izy ireo . . . ilay rà teo amin'ny tànana. Hoy aho hoe, "Mihitsy, tsy hoe tsy nanaja an'i A. A. Allen mihitsy aho." Hoy aho hoe, "Raha afaka mitory teny tahaka an'i A. A. Allen aho, dia tsy hanana asam-panasitranana iray mihitsy akory aza aho." Ankehitriny, ilay izy rehefa tonga eo amin'ny tsy fifanarahana eo amin'ny hoe ny rà no porofon'ny Fanahy Masina, eo an-tànanareo, dia tsy hifanaraka amin'izany aho. Fa ilay izy rehefa tonga eo amin'ny firahalahiana, dia rahalahiko izy. Mijoro soroka miara-milanja miaraka aminy aho eo amin'ilay ady. Marina izany. Raha diso izy, dia hiezaka aho ny hanampy azy. Ary raha tsy diso izy, raha diso aho, dia tiako izy hanampy ahy. Ary izany ilay làlana izay andehanantsika—andehanantsika hatrany. Ankehitriny diniho eto.

> . . . izy no *ZAVA-MIAFINA, BABYLONA . . . NY RENIN'NY MPIJANGAJANGA . . .*

118 Hitanareo ve ankehitriny hoe ahoana ilay fiangonana amin'izao andro izao, ry sakaiza, afaka mahita ve ianareo hoe ahoana ireo fiangonana amin'izao andro izao fa miaina fotsiny amin'ny fomba izay tian'izy ireo iainana? "Mety tanteraka daholo, manohy hatrany fotsiny," kisoavavy mihinana kisoavavy, tsy miraharaha. "Nahoana, tsy misy mandratra ny fanaovana an'izany. Nahoana, miezaka fotsiny ho fanao fahiny ianareo." Diniho ankehitriny ny foto-pampianarany. Ankehitriny dia tiako . . . Diniho ankehitriny. Izany no fahazaran'izy ireo. Hitanareo ve, fa taona vitsy lasa izay, hoe ny fiangonana Katolika no hany tokana izay namela ny fandehanana mankany amin'ny fampisehoana sarimihetsika? Tsy nieritreritra zavatra tahaka an'izany ny fiangonana Metodista. Ireo anaram-piangonana rehetra ireo, "Tsia! Asan'ny devoly izany." Manontany aho hoe inona no nitranga. Eny, tompoko.

119 Ary fantatrareo, alaivonareo ireo zazavavy tanora Katolika, mivoaka izy ireo miaraka amin'ireo kely . . . (Ankehitriny, ny sasany aminareo zazalahy antitra izay tena antitra tahaka ahy.) . . . mivoaha dia mariho io zavatra kely izay ataon'izy ireo eo amin'ny hahavon'ny lohalika io. Io zalahy io, dia heveriko, fa any amin'ny helo, izao hariva izao. Tsy fantatro. Tsy izaho no mpitsarany. Fa rehefa nanao an'ilay hira kely ratsy voalohany izy izay nivoaka tao amin'ny radio, tsy nosivanina, hoe, "Aforeto izy ireo, ry zazavavy, aforeto izy ireo; aforeto ambany izy ireo dia asehoy ny lohalikareo tsara tarehy." Firy no mahatsiaro an'izany rehefa nivoaka voalohany izany, taona maro lasa izay? Izany no hadisoana voalohany teo mihitsy. Marina izany. Ary rehefa naka an'io zazalahy io avy tany Texas izy ireo, ka naka an'ireo vehivavy tany ary nampiasa an'ireo akanjo fanao anatiny mba hanao azy ireo ho toy ny hoe zavatra iray izay tsy nisy izy ireo, sy ireo zavatra tahaka an'izany, ary namela azy ireo nilamindamina tamin'izany. Ary ankehitriny inona no nataon'izany? Lasa niditra nandadilady izany. Fanahy iray ilay izy.

120 Niresaka ny lehilahy iray, indray andro. Hoy izy hoe, "Tsy fantatro izay hataoko. Manana zazalahy tsara, mahitsy fo aho, saingy io zazalahy io dia lasa maka an'izay rehetra azon'ny tànany alaina."

Hoy aho hoe, "Nahoana?"

"Miaraka amin'ny mpangalatra iray izy."

121 Raha mifikitra miaraka amin'ny olona iray izay mpangalatra ianareo, dia ho mpangalatra iray ny tenanareo. Ny reniko antitra avy ao Kentucky dia zatra nilaza taloha hoe, "Raha mandry miaraka amin'ny alika iray izay misy parasy ianao, dia hifoha miaraka amin'ny parasy, ihany koa." Alaivonareo ny—alaivonareo ny vehivavy iray izay tsy tsara, ary avelao ny zazavavy iray . . . ary apetraho izy miaraka amin'ny—ny zazalahy mendrika tsara iray, fa ny zavatra voalohany fantatrareo dia tena simba tahaka ny zanak'alika iray mihitsy izy. Ataovy mifamadika ilay izy. Fantatra amin'ny alàlan'ny namanareo ianareo. Avaho ny tenanareo! "Mivoaha eo anivon'izy ireo," hoy ny Baiboly, "misaraha ianareo!" Marina izany.

122 Raha miverina amin'ny fahalòvana tahaka an'izany ny anaram-piangonan'izy ireo toy ny mamela ny olony . . . Eny, teto indray andro, tao amin'ny fiangonana Batista goavana tsara iray, tsy maintsy nampirava izy ireo. Roapolo minitra fotsiny ihany no itoriana teny, azon'ilay lehilahy, satria tsy maintsy hifoka ilay pasitera. Nivoaka tany ivelany ilay fiangonana manontolo. Nitsangana teo amin'ny fiarahana mifoka izy rehetra ireo, dia niverina indray, ny pasitera sy izy rehetra. Nandeha tao amin'ny fiangonana Kongregasionalista aho, nisy lehilahy iray nitsangana teo, nanao akanjo lava goavana iray, nitsangana

teo, nilaza, niankina teo amin'ny polipitra tahaka an'*izao,* niresaka mikasika ny karazam-boninkazo iray izay hitany teny ambonin'ny havoana. Saiky izay fotsiny ihany ilay izy teo, dia niverina nivoaka. Ary mavon'ny setro-tsigara ny rantsantànany. Eny. Ary niresaka fa ireo vehivavy, fa ilay lehilahy dia handeha hilalao. . . Inona moa io lalao Alemandy izay lalaovin'izy ireo miaraka amin'izany io, be dia be ianareo—ny karatra zarainareo, fantatrareo? Nanana . . . Oh, nieritreritra aho fa hahatsiaro an'ilay izy. Belôty, hanao lalao belôty iray izy ireo. Heveriko fa marina izany. Hia, eo no ilalaovanareo. Lalaokaratra mahazatra izany. Lalao belôty iray, tao ambany rihana! Oadray, mamindrà fo! Eo amin'izany no misy ny fanorenany. Tsy mahagaga! Inona? Manao an'izany izy ireo, nefa avy eo dia mivazavaza mikasika an'ilay fiangonana Katolika eto ao amin'ireo toeran'ny Rotary ka milalao loteria. Nahoana, ianareo Protestanta dia tena maloto tahaka azy ireo mihitsy, noho izany dia inona no azonareo lazaina mikasika an'izany? Ny vilany dia tsy afaka miantso ny famanan-drano hoe "maloto." Tsia tokoa. Ianareo manao an'izany, avy eo dia manao hoe, "Eny, Presbyterana iray aho. Metodista iray aho." Tsinontsinona ianareo mandra-pahatonga anareo ho nateraka indray. Marina izany. Ary rehefa manao an'izany ianareo, dia fantatrareo. Misy zavatra ao anatinareo ao miteny aminareo fa diso ireo zavatra ireo, ary hivoaka amin'izany fotsiny ianareo azo antoka mihitsy toy ny fisian'izao tontolo izao. Fantatrareo fa izany no Fahamarinana. Izany tokoa. Eny, tompoko. Mifanaraka amin'izany io karazan-javatra io. Nahoana?

. . . NY RENIN'NY MPIJANGAJANGA . . .

123 Indray andro any, io reny antitra io dia hilaza hoe, "Mba fantatrareo moa? Na izany aza, ry malala, dia mitovy isika roa." Ary fantatrareo ve hoe inona izany amin'izay fotoana izay? Hanambatra ny rehetra hiaraka ilay Fiombonamben'ny Fiangonana tahaka ny maha-izy azy ireo ankehitriny. Ary fantatrareo ve hoe inona no hitranga amin'ilay vondrona kely tahaka an'ity? Handoa nohon'ny amin'izany ianareo, ry tovolahy. Tena marina tokoa izany.

124 Fa aza manahy, ny Zanak'ondry no haharesy azy. Satria Izy no Tompon'ny tompo, sy Mpanjakan'ny mpanjaka, ary Andriamanitra dia handeha hitarika Ny Fiangonany, raha tokony ho anaram-piangonana iray. Handraraka an'ilay Menaka volamenan'ny Fanahy Masina eo amin'io Fiangonana io Izy. Rahalahy, hilatsaka avy any An-danitra ny Afo, ary hiseho ireo famantarana sy fahagagana, toy ny tsy mbola hitanareo tany aloha mihitsy. Eny, tompoko. "Aza matahotra, ry ondry vitsy, fa sitraky ny Rainareo ny hanome anareo ny Fanjakana." Eny, tompoko. "Izay maharitra hatramin'ny farany!" Eo ianareo izao. Manohiza mandeha amin'ilay làlana fotsiny. Hazòny mitodika

mankany Kalvary ny lohanareo. Marina ity Baiboly ity. Aza manahy.

125 Diniho ankehitriny. Misy ireo fahazarana sasany izay ananan'izy ireo. Fitondran-tena sasany izay ananan'izy ireo. Afaka manohy fotsiny isika. Ny zavatra voalohany fantatrareo, hitsofoka ao amin'ireo fiangonana Protestanta izany. Amin'izay fotoana izay ireo vehivavy Katolika dia manomboka ny... Nahoana, tsy nisy mandratra ny fanaovana sorta kely, raha mbola nandeha nankany am-piangonana foana izy ireo ka nametraka mosara kely eo ambonin'ny lohany. Karazana fombafomba iray hoe, "Aza mihinan-kena mihitsy ny Zoma." Ary, oh, aiza no mba ahitanareo fametrahana mosara iray eo amin'ny lohanareo mba hidirana ao am-piangonana? Tiako ianareo hampiseho ahy ny Soratra. Faminaniana sandoka izany. Aiza ao amin'ny fiangonana no nasaina nanao satroka iray ianareo ao amin'ny fiangonana? Rehefa manao satroka iray ianareo eo amin'ny lohanareo, dia mahafa-boninahitra an'i Kristy ianareo, marina; ireo lehilahy, no resahako. Ry vehivavy, manana fisaronana iray ianareo, saingy mihaika ny olona rehetra aho hampiseho amiko hoe satroka iray izany na mosara iray. Ny volonareo izany! Nefa dia tapahanareo daholo izany. Ankehitriny ahoana ny amin'izany? Oh, hoy izy ireo hoe, "Efa fanao fahiny izany." Raha izany ilay izy, dia izany ny Baiboly! Ary marina ny Tenin'Andriamanitra.

126 Niresaka aho teto, vao tsy ela akory izay, ny amin'ilay vehivavy izay nanasa ny tongotr'i Jesosy, ka naka ny volony, fantatrareo, ary—ary namafa azy tamin'izany. Hoy aho hoe, "Ny fomba tokana ho an'ny vehivavy iray ahafahany manao an'izany, dia ny mitsangana eo ambonin'ny lohany mba hahazo volo betsaka eo hanasana ny Tongony, mba hamafana amin'izany." Marina izany. Oh, izany dia, fahafaham-baraka iray ny mahita ny fomba izay...Eto, toetr'andro mangatsiaka be, mandeha eo miaraka amin'ny silaka akanjo ambony kely tahaka an'izany, sy mampiseho ny vatany mitanjaka.

127 Ankehitriny hoy ianareo hoe, "Nahoana ianao no manindrona an'ireo vehivavy?" Mila tsindronina ianareo.

128 Ary ianareo lehilahy izay mamela ny vehivavinareo hanao an'izany, rahalahy, izaho—tsy fantatro hoe inona no hiheverako anareo. Ankehitriny, marina izany.

129 Ary ianareo pasitera, tsy mihevitra aho fa eto ianareo. Fa raha hitanareo ilay zalahy, teneno izy ho tonga, teneno, hahita ahy. Hitanareo? Raha tsy manana fanajana betsaka an'i Kristy afa-tsy ny mamela ny fiangonany hilamindamina amin'izany izy tsy misy...Ankehitriny izy...Mety manao an'ilay izy aoriany izy ireo, saingy raha tsy miteny azy ireo mikasika an'izany izy, dia tsy mendrika ny ho mpanompon'i Jesosy Kristy. Tena marina tokoa izany. Tsy mendrika ny ho mpanompon'i Kristy

izy. Ny mpanompon'i Kristy iray dia tokony tsy hanan-tahotra raha antony araka ny Baiboly izany. Izany tokoa. Saingy eo izy ireo izao, mivoaka izy ireo ary manao an'ilay izy na ahoana na ahoana.

130 Ary avy eo, ny zavatra voalohany fantatrareo, tsy maintsy naka an'izany ireo Protestanta. Ianareo Metodista tsara, sy ianareo Batista, ary ianareo Presbyterana, na Nazareana, Mpivahinin'ny Fahamasinana, ary ianareo rehetra, dia mitovy ihany, mandeha avy hatrany, enina amin'ny anankiray, ary antsasaky ny roa ambin'ny folo amin'ilay hafa. Eo ianareo izao, "Renin'ny mpijangajanga." Ny anaram-piangonanareo, "Raha mbola nanomboka tany amin'ny foibe foana izy ireo, dia inona no fahasamihafana nataon'izany?" Hitanareo? Manao fahasamihafana be dia be izany. Izany dia tsy nanomboka mihitsy, tany amin'*ity* Foibe ity. Mety manomboka ao amin'ireo foibenareo eto izany, fa tsy ilay Anankiray Any ambony any. Izany dia miankina amin'ny hoe avy aiza ianareo. Marina izany.

131 Ankehitriny, tsy mihevitra aho fa manam-potoana isika ho tonga eto amin'ity anankiray hafa ity, angamba tsaratsara kokoa ho ahy ny mamela azy ho an'ny maraina. Eny àry, ndao isika handray fotsiny an'ity anankiray fohy kely ity. Manana isika, eto, "ny batisan'ny rano." Manana koa isika "ny fifidianana mialoha," ary, oh, zavatra maro. Noho izany dia ndao isika haka an'ity fotsiny, ity kely ity, anankiray fohy ny amin'ireo "vehivavy mpitory teny," ary haka an'ity anankiray ity.

132 Ankehitriny, ankehitriny, ry ramatoa mpitory teny, tsy te-handratra ny fihetseham-ponareo aho, fa te-hiteny zavatra iray aminareo. Tsy manana pentin-tSoratra iray ianareo, tsy misy anankiray ao amin'ny Baiboly. Hia, fantatro hoe aiza no tianareo ahatongavana, ary efa nananako ny rehetranareo, hia, "Ary ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany." Ankehitriny, raha tsy fantatry ny pasiteranareo hoe inona no dikan'ilay anarana hoe "faminaniana", izy—tsy mahafantatra na inona na inona izy. Tsy manana raharaha betsaka hatao ao ambadiky ny polipitra mihitsy izy, miezaka miteny aminareo mba ho mpitory teny iray. Hitanareo? Satria izany, tanteraka tokoa, izany dia voaheloka manomboka amin'ny Genesisy ka hatrany amin'ny Apokalypsy. Mamelà ahy ankehitriny haneho aminareo an'ity, hitanareo.

133 Ankehitriny dia tiako ianareo hamadika miaraka amiko ao amin'ny Timoty Voalohany 2:11. Hamadika eo fotsiny ka hahita an'ity isika ankehitriny, ary isika dia haka an'ity eto ity, ihany koa, ny Asanareo 2. Hia. Ary izao fotsiny—henoy fotsiny eto izay tsy maintsy ho lazain'ny Soratra mikasika an'ity lohahevitra ity.

134 Ankehitriny, misy olona iray nitohy nilaza hoe, "Eny, Rahalahy Branham, antitra iray mpankahala vehivavy fotsiny ianao." Tsy mpankahala vehivavy mihitsy aho. Izaho dia ny . . .

Tsy tiako fotsiny ny mahita an'ireo vehivavy miezaka maka toerana iray izay tsy azy ireo.

Tsaroanareo ve tany Howard Shipyard teto, iray amin'ireo fanaovan-tsambo nahomby indrindra izay misy eo amin'ny Renirano Ohio? Nametraka vehivavy iray izy ireo hifehy an'izany. Jereo izay nitranga.

Nomen'izy ireo zò ny vehivavy mba hifidy. Jereo izay nitranga.

135 Mamelà ahy hiteny aminareo izao ankehitriny izao. Tsy hoe hivaofy an'ireo vehivavy fotsiny. Tiako ireo lehilahy hahazo fa ao anatin'ity koa ianareo. Fa mamelà ahy hiteny zavatra iray aminareo, rahalahy. Ity firenena ity dia firenembehivavy. Hanaporofo an'izany amin'ny alàlanareo aho, amin'ny alàlan'ny Soratra, amin'ny alàlan'ny zavatra rehetra izay tianareo hanaporofoina an'izany. Izany ity. Inona no miseho eo amin'ny volantsika? Vehivavy iray. Aiza izy no hita? Ao amin'ny Apokalypsy, eto, dia mahita azy ianareo. Izy dia isa telo ambin'ny folo, ihany koa, ny zavatra rehetra izay natombony; kintana telo ambin'ny folo, tsipitsipika telo ambin'ny folo, zana-tany telo ambin'ny folo. Telo ambin'ny folo, ny zavatra rehetra dia telo ambin'ny folo, eo am-panombohana. Miseho ao amin'ny toko faha-13-n'ny Apokalypsy izy. Vehivavy iray, telo ambin'ny folo!

136 Ary tamin'ny 1933, rehefa ny Tompo...Rehefa nanana an'ireo fivoriana isika teto izay ijoroan'ilay fiangonan'i Kristy ankehitriny, ilay trano tranain'ny Masonic, tonga teo amiko ny fahitana avy tamin'ny Tompo teto ary nilaza mialoha fa "Hitsangana i Alemaina ka hametraka an'io Tsipika Maginot io any." Maro aminareo no mahatsiaro an'izany. Ary ahoana fa ho voaisy manda ao anatiny ao izy rehetra, ka hahazo kapoka lehibe ao amin'io tsipika io mihitsy ireo Amerikana. Ary nilaza ihany koa an'izay hiseho, sy mikasika an'i Roosevelt ary ireo zavatra ireo, ahoana no handehanany sy hahazoany an'io fahalanian-kofidiana fahefatra io. Tanteraka tokoa, tahaka an'izany tanteraka mihitsy no nisehoany. Ary nilaza ihany koa fa ireo fiara dia hitohy hatrany hitovy amin'ny atody iray, mandra-pahatongan'ireo andro farany izay hahatonga azy ireo ho endrik'atody iray mihitsy. Ary hoy aho hoe, "Izao no hiseho fa ireo fiara ireo dia tsy ho entin'ny familiana iray. Ho zavatra hafa iray no hitondra azy ireo." Izany ireo fiara izay amboarin'izy ireo izao ankehitriny izao, fitaovana fibaikoana, ho an'ny fiarovana. Marina. Tsy afaka hiditra ao amin'ny tanàna iray ianareo... Noho izany, faritra roapolo maily, afaka mandeha roapolo maily fotsiny ianareo. Tsy handona fiara iray hafa ianareo, satria manana fitaovana fibaikoana izy. Hitanareo, ho tahaka an'izany ilay izy, ary izao ankehitriny izao. Ary hoy aho hoe, "Tsarovy, amin'izany andro izany, alohan'ny ahatongavan'ny andro farany, alohan'ny ahatongavan'ny andro farany, hoe

vehivavy iray . . . Ankehitriny, ianareo rehetra dia nandray naoty an'ity. Hisy vehivavy malaza iray, mahery hitsangana, na ho Filoha, na mpanao didy jadona, na vehivavy mahery malaza iray ao amin'ity Etazonia ity. Ary hilentika izy, eo ambanin'ny fitaoman'ireo vehivavy. Ankehitriny, tsarovinareo, izany no HOY NY TOMPO HOE." Hitanareo?

137 Ary diso izy. Ary manome làlana mankaiza izany? Mamelà ahy hiteny aminareo. Aoka ho ara-panahy. Mamelà . . . Misokafa. Jereo. Nahoana no manao an'izany ilay izy? Mba hanome toerana iray hidirana ho an'ny fiangonana Katolika. Hitanareo? Manompo an'ireny mpilalao sarimihetsika sy ireny zavatra hafa rehetra eto ireny ianareo. Tsaroanareo ve ilay toriteny izay notoriako? Margie, tsaroanao izany, taona maro lasa izay, mikasika ny—ny fanafihan'ny Etazonia, mba hanongana ny governemanta Amerikana. Ary ahoana fa nilaza aho hoe niseho tao Paris izy rehefa avy namonjy azy ireo isika tany avy amin'ireo vehivavy, divay sy fotoana goavana. Ary nitsofoka avy hatrany tao amin'ny Hollywood izy. Ankehitriny, raha tokony isika no alefa any Paris haka modely, dia izy ireo no maniraka eto haka modely. Inona no nataon'izany? Izany dia . . . Tsy namela ny zanakareo handeha ho an'ny amin'ny fampisehoana sarimihetsika isika, saingy niditra avy hatrany tao amin'ny televiziona izy, nanohy nifindra avy hatrany ary nanimba an'ilay zavatra manontolo, nandroaka azy avy hatrany. Ary eo no misy antsika amin'izao andro izao, ireo zazavavy sy zazalahy kely rehetra, ny rehetra dia mitovy amin'ny karazan'ireo mpilalao ao amin'ny televiziona. Inona izany? Manao làlana iray izany. Ry tovolahy, vehivavy ratsy laza anankiray dia afaka mandefa olona mankany amin'ny helo be lavitra nohon'ny fikambanan'ny mpivaro-toaka rehetra izay azonareo apetraka eo amin'ny tanàna iray. Marina izany. Diniho izy mandeha eny an-dàlambe miaraka amin'ireo akanjony miendaka tanteraka, tsy ahoako na iza ilay lehilahy, raha lehilahy salama ara-dalàna iray izy, rehefa mijery vehivavy izy dia tsy maintsy manana zavatra iray miseho eo aminy. Aoka hahitsy fo fotsiny ankehitriny. Tsy ahoako . . .

138 Efa taona maro izay no nananako ny Fanahy Masina. Tsy afaka mijery vehivavy iray ianareo nefa izy mitafy tapaka . . . Izaho—mitondra hazo fijaliana kely iray aho ao anatin'ny fiarako, maro aminareo no efa nahita azy. Nilaza tamiko ny olona iray hoe, "Katolika iray ve ianao?" Taiza no mba nisafidian'ireo Katolika ny hazo fijaliana? Ny hazo fijaliana dia midika hoe "Kristiana."

139 Ireo Masimbavy Cecilia ratsy kely sy ny sisa no mariky ny Katolisisma. Tsy mino ny karazan-javatra tahaka an'izany isika. Mino an'i Kristy isika. Izy ireo dia manana an'ireo karazana olona maty rehetra izay tompoiny. Izany no endrika ambonin'ny momba ny fanahy. Izany rehetra izany dia, manompo ny maty. Tsy zavatra iray tahaka an'izany, tsia.

140 Nanontany an'io pretra io aho. Hoy aho hoe, "Nahoana no, tamin'izany, raha . . . Petera ve no papa voalohany?"

Hoy izy hoe, "Marina izany."

141 Hoy aho hoe, "Noho izany dia nahoana i Petera no nilaza hoe, 'Tsy misy mpanelanelana hafa eo amin'Andriamanitra sy ny olona afa-tsy Jesosy Kristy Olona'? Nefa ianareo manana vehivavy maty dimy arivo, sy ny zavatra hafa rehetra, manao azy ireny ho mpanelanelana. Ankehitriny inona no nitranga?" Eo ianareo izao. Tsy manana valiny iray ho an'izany izy ireo. Marina izany.

142 Ankehitriny ny sasany amin'ny foto-pampianarany, ny foto-pampianarany sandoka, tonga ny andiana mpaminany sandoka Protestanta ka mampianatra an'izany, dia mitelina an'izany ianareo olona Protestanta. Tena marina tokoa izany. Ireo anaram-piangonana sy endrika batisa, ary didy samihafa sy ny sisa izay tanterahinareo, nefa tsy ara-tSoratra tanteraka. Izany dia manohitra an'io, ao amin'ny Soratra, kanefa dia mandohalika eo amin'izany mihitsy ianareo. Izany no fahamarinana.

143 Ankehitriny dia henoy ity mikasika an'ireo vehivavy mpitory teny. Eny àry. Timoty Voalohany, tiako ny Timoty Voalohany 2:11. Henoy ankehitriny izay Lazainy eto.

> *Aoka* ny vehivavinareo *hianatra mangingina amin'ny fanekena rehetra.*
>
> *Fa tsy avelako hampianatra ny vehivavy,* na *hampiasa fahefana eo amin'ny lehilahy, fa aoka* hangina.

144 Tsy izaho no tompon'andraikitra tamin'ny fametrahana an'izany tato. Tompon'andraikitra amin'ny filazana aminareo aho hoe ato izany. Hitanareo? Hitanareo?

> *Aoka* ny vehivavinareo *hianatra mangingina* ary ho ao amin'ny *fanekena rehetra.* (Raha efa mba nandeha tao amin'ny fiangonana Ortodoksa iray ianareo ka nandinika azy ireo, hitanareo. Hitanareo?)
>
> *Fa tsy avelako hampianatra ny vehivavy,* na *hampiasa fahefana* (lasa pasitera, diakona, na zavatra iray tahaka an'izany) *eo amin'ny lehilahy,* hitanareo, *hampiasa fahefana eo amin'ny lehilahy, fa aoka hangina.*
>
> *Fa Adama no natao voalohany,* ary *avy eo vao Eva.*

145 Efa fantatrareo ve? Henoy ankehitriny, ry vehivavy. Ianareo vehivavy tsara, Kristiana marina no zavatra tsara indrindra izay azon'Andriamanitra nomena ny lehilahy iray, raha tsy izany dia ho nanome azy zavatra hafa iray Izy. Eny, tompoko. Hitanareo? Tsy tao amin'ny famoronana tany am-boalohany akory aza ny vehivavy. Ny vehivavy dia tsy vokatra noforonin'Andriamanitra. Vokatra nivoaka avy tamin'ny lehilahy izy. Nanao ny olona Andriamanitra, sady lehilahy no vehivavy. Ary Nosarahany izy

ireo. Ary rehefa avy niaina teto an-tany ny olona ka nanome anarana an'ireo bibidia, ary niaina teto ela be, dia naka taolana iray avy tao amin'ny tehezan'i Adama Izy, toy ny vokatra nivoaka iray, ka nanao vehivavy iray tamin'izany. "Adama no natao voalohany, ary avy eo vao Eva." Diniho ankehitriny.

> *Ary tsy Adama no voafitaka, fa ny vehivavy izay voafitaka no tao anatin'ny ota.*

146 Andriamanitra naka ny lehilahy. Ny devoly naka ny vehivavy. Jereo ilay izy, eo anoloana avy hatrany mihitsy, inona no ataony amin'izao andro izao. Jereo ilay tena Fiangonan'Andriamanitra, hilaza hoe, "Jesosy!" Ilay antikristy hilaza hoe, "Maria!" Diniho ireo fanahy ireo. Hitanareo? Eo izy ireo izao. "Arahaba ry Maria, renin'Andriamanitra, voatahy teo anivon'ireo vehivavy ianao, ka mivavaha ho anay mpanota ankehitriny, ary amin'ny andro hahafatesanay. Amena. Maria, mivavaha!" Oh, oadray, mamindrà fo! Hitanareo, eo ianareo izao, "vehivavy," olon'ny devoly. Kristy, ilay fototry ny fivavahana, ary ilay hany Tokana! Eo ianareo izao. Eo ianareo izao.

147 "Adama no natao voalohany, ary avy eo vao Eva." Tsy Adama no voafitaka. Ary ahoana no ahafahanareo manana vehivavy pasitera iray, diakona? Tsy Adama no voafitaka, fa ny vehivavy no voafitaka. Izy dia voafitaka, tokoa. Tsy nihevitra izy hoe diso, saingy izany izy. "Ny vehivavy izay voafitaka no tao anatin'ny ota." Satria, izy, isaky ny misy fa—fandevenana mandeha eo andàlambe, dia ny vehivavy no anton'izany. Isaky ny mikiakiaka ny zazakely iray, dia ny vehivavy no anton'izany. Isaky ny maty ny olona iray, dia ny vehivavy no anton'izany. Ny volofotsy tsirairay, dia ny vehivavy no anton'izany. Ny zavatra rehetra, sy ny fahafatesana, dia ny vehivavy no anton'izany. Ny zavatra diso rehetra, dia ny vehivavy no anton'izany. Nefa avy eo dia mametraka azy ho lohan'ny fiangonana, pasitera, oh, eveka indraindray. Mbà menatra izy.

148 Mamelà ahy ankehitriny hamerina anareo amin'ity, iray hafa, ao anatin'ny iray minitra fotsiny. Hitanareo? Ankehitriny ndao isika hamadika ao amin'ny Korintiana Voalohany 14:32 eo, dia hahita an'izay lazain'i Paoly eto, ary avy eo isika dia handeha avy hatrany eo amin'ny maromaro sasany, ao anatin'ny iray minitra fotsiny. Ary amin'izay fotoana izay dia tsy mila mihazona anareo ela loatra isika, ka hahatonga anareo ho tena reraka amin'ny maraina ka tsy afaka hiverina ianareo. Eny àry. Te-hamaky aho. Firy no mino fa mpampianatra iray voatsindrimandry i Paoly? Ankehitriny, tsarovy, Paoly dia nanoratra an'ity ho an'i Timoty ihany koa. Hitanareo? Izany, ankehitriny, Korintiana Voalohany 14:32. Ndao isika hanomboka eto mihitsy ankehitriny, ary hanomboka hamaky eto, 14:34, mino aho.

> *Aoka ny vehivavinareo hijanona* hangina *ao am-piangonana:. . .*

149 Efa henonareo ve izay nolazainy?

> *Aoka ny vehivavinareo hijanona* hangina *ao am-piangonana: fa* tsy *navela mba hiteny izy ireo; fa didiana izy ireo hankatò, . . .*

150 Manana soratra kely eo an-tsisiny ve ianareo eo amin'izany? Raha manana ianareo, dia ivereno vakiana izany ka jereo raha tsy mitondra mankany amin'ny Genesisy 3:16 ilay izy. Rehefa niteny tamin'i Eva Andriamanitra, satria nihaino an'ilay menarana izy raha tokony ho ny vadiny, dia izy no hanapaka azy amin'ny androm-piainany rehetra. Ahoana no ahafahan'ny vehivavy ho tonga ka hanapaka ny lehilahy, ho pasitera na diakona, nefa ny Baiboly dia nilaza taminy hoe aoka "hankatò," tahaka azy tany amin'ny fiandohana? Rehefa Izy. . . Andriamanitra—Andriamanitra tsy afaka miova. Tsy afaka manao ny Teny hilaza zavatra anankiray ianareo *eto* ary zavatra hafa iray *eto*. Tsy manao an'izany mihitsy Izy. Ilay zavatra iray ihany foana Izany.

151 Noho izany, tany amin'ny fiandohana, izany dia teo, alohan'ny hifaranan'ity, raha manana anjara iray aho, dia tiako ny hanitsy avy hatrany an'io resaka *Fanambadiana Sy Fisaraham-panambadiana* io ho anareo. Tsy mbola nataoko tato amin'ity fiangonana ity mihitsy izany. Saingy diniho ity fanekena roa ity. Ny anankiray milaza fa afaka manambady izy; ny iray hafa nilaza fa tsy afaka manambady izy ireo; ary ity anankiray milaza an'*ity, itsy,* na ny *hafa*. Andraso iray minitra fotsiny dia jereo izay lazain'ny Baiboly, rehefa tonga eo amin'io isika. Hitanareo? Eny àry. Ankehitriny diniho eto.

> *Aoka ny vehivavinareo hijanona* hangina *ao am-piangonana:. . .*tsy *navela* mba *hiteny izy ireo; fa didiana izy ireo ny hankatò, araka ny lazain'ny lalàna ihany koa.*

152 Noho izany, ao amin'ny Testamenta Taloha, dia tsy navela niteny izy ireo, satria Paoly eto no nilaza fa tsy navela izy ireo. Marina ve izany? "Aoka ny vehivavinareo hijanona hangina. Mankatò izy." Ankehitriny raha hijery ny soratra kelinareo eo amin'ny sisiny eo ianareo, dia hitondra anareo hiverina any amin'ny Genesisy 3:16 izany. Hitanareo? Eny àry. "Teo ambany, tahaka ny teo ambanin'ny lalàna."

> *Ary izy ireo raha. . .mianatra zavatra iray, dia aoka* ny*. . .hanontany—hanontany ny vadiny. . .any an-trano: fa* izany dia *henatra ho an'*ny vehivavy *ny miteny ao am-piangonana.*
>
> *Inona?. . .*

153 Ankehitriny dia jereo io teboka fanontaniana io eo amin'ny tsirairay avy amin'ny Baibolinareo, eo amin'ilay hoe, "Inona?" Inona no nanao an'i Paoly hilaza an'izany sy hanao tahaka an'izany? Ankehitriny, raha mba hahazo an'ireo taratasy izay nosoratan'ireo Korintiana ho an'i Paoly ianareo. Ankehitriny, afaka mahazo azy ireny ianareo any amin'ny fivarotam-boky tsara rehetra, hitanareo, izay nosoratan'ireo Korintiana ho an'i Paoly. Nanoratra izy ireo ka niteny taminy, taorian'ireto vehivavy izay niova fo ireto...Izy ireo dia nanana a—andriamanibavy iray tany, izay nantsoina hoe "Diana." Ary izy dia tany Efesosy, ihany koa. Ary nanompo an'ilay zavatra iray ihany ireo Korintiana, satria fanompoana mpanompo sampy iray izany. Fa nahita vato iray teny an-tsaha izy ireo indray andro, ary nitovy tamin'ny vatam-behivavy iray ilay izy. Hoy izy ireo hoe, "Andriamanitra dia vehivavy iray, ary nandatsaka ny endriny teo amintsika izy." Ary ny tempolin'izy ireo dia nihoatra lavitra nohon'ny tempolin'i Solomona, hoy izy ireo, ireo mpahay tantara. Oh, vatofotsy daholo izany, voarakotra volamena; nefa, ny tempolin'i Solomona dia vita tamin'ny sedera, voarakotra volamena. Hitanareo? Ary nihoatra lavitra noho izany. Ary izany, noho izany, raha Andriamanitra dia ve—vehivavy iray, nahoana, azo antoka, fa afaka nanana mpisorona vehivavy izy. Azo antoka, raha vehivavy iray Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia marina ilay vehivavy mpitory teny. Saingy, Lehilahy iray Andriamanitra. Ny Baiboly dia nilaza fa Lehilahy iray Izy, ary Lehilahy iray Izy. Hitanareo? Ary raha Lehilahy iray Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia tokony ho lehilahy ilay izy.

Ankehitriny dia mariho eto hoe, "Inona?"

154 Ankehitriny, ny sasany amin'ireo mpisorona vehivavy ireo, rehefa niova fo avy tamin'ny fanompoan-tsampy nankao amin'ny Kristianisma izy ireo, dia nihevitra fa afaka mihazona ny asany amin'ny maha-mpitory teny iray, manohy miampita fotsiny. Raha nitory izy ireo tany mikasika an'i Diana, dia tonga eto izy ireo ka mitory mikasika an'i Kristy.

155 Hoy izy hoe, "Inona? Ny Tenin'Andriamanitra ve avy..." Henoy fotsiny Ity. Rahalahy, ahoana no ahafahan'ireo mpitoriteny manao an'izany? Andininy faha-36.

> *Inona? avy aminareo ve no nihavian'ny tenin'Andriamanitra? sa ao aminareo ihany no nihaviany?*
>
> *Raha misy olona* mihevitra *ny tenany ho mpaminany iray, na ara-panahy* (tsy mila ny ho mpaminany iray akory aza; olona manana fisainana ara-panahy fotsiny), *dia aoka ho fantany tsara fa ireo zavatra izay nosoratako taminareo dia didin'ny Tompo*. (Mino an'izany ve ianareo?)

Fa raha izy, raha misy *tsy mahalala, dia avelao* fotsiny *izy tsy hahalala.*

156 Ankehitriny, tena mahitsy arak'izay fantatro hanaovana azy fotsiny izany. Hitanareo? Hoy izy hoe, "Raha olona ara-panahy ny lehilahy iray, na mpaminany iray, dia ho fantany tsara fa izay soratako eto dia Didin'ny Tompo." Fa hoy izy hoe, "Raha izy—raha tsy mahalala izy, dia avelao fotsiny izy tsy hahalala." Hitanareo, ny zavatra tokana izay azonareo atao. Te-hanohy eo amin'izany izy ireo, tokony avelanareo handeha fotsiny izy ireo, satria hitany fa nanomboka teo izany.

157 Ary vehivavy iray no niteny tamiko, nanao hoe, "Oh, mpankahala vehivavy iray antitra fotsiny i Paoly."

158 Tsy mpankahala vehivavy izy. Fantatrareo, Paoly no apostoly, ary ho an'ilay Fiangonana Jentilisa. Jereo eto. Efa fantatrareo ve fa i Paoly . . . Firy no mino fa izany no notorian'i Paoly? Izany ve no—no nolazainy eto? Ary nilaza i Paoly . . .

159 Hoy ianareo hoe, "Eny, andraso iray minitra ankehitriny, Rahalahy Branham. Iray minitra fotsiny! Ankehitriny, milaza ny evekanay fa mety tsara daholo izany. Ilay mpanara-maso ambony, ny Assemblées, dia milaza fa mety tsara daholo izany. Ny evekan'ny an'ny Tokana dia milaza fa mety tsara daholo izany."

160 Tsy ahoako izay lazain'izy ireo. Sandoka izany! Ary niteny taminareo aho fa hanindrona mafy an'ity isika. Ary hilaza an'izany ireo mpaminany sandoka. Fa hoy ny Baiboly hoe, "Raha misy olona mihevitra ny tenany ho ara-panahy, na mpaminany iray, dia aoka ho fantany tsara fa izay lazaiko dia Didin'ny Tompo." Ary raha tsy manambara miaraka amin'ity Teny ity ny fanahiny, dia mpaminany sandoka izy, hatrany am-boalohany. Aleoko ho mpankahala vehivavy iray toy izay mpitia vehivavy iray, handeha eo amin'ny karazan-javatra tahaka an'io, hanohana an'io karazan-javatra tahaka an'io ao amin'ny Fiangonan'Andriamanitra, mifanohitra amin'ireo fitsipik'Andriamanitra. Ary i Paoly no nilaza . . . Raiso ny Galatiana 1:8. Hoy i Paoly hoe, "Raha misy Anjely iray avy any An-danitra hitory filazantsara hafa noho izay notoriako taminareo, dia aoka izy ho voaozona." Ankehitriny inona no hataonareo mikasika an'Ity?

161 Ankehitriny hoy ianareo hoe, "Ahoana ny eo amin'izay Nilazany hoe, 'Ny zanakalahinareo sy zanakavavinareo haminany,' ao amin'ny Joela, ary—ary eo amin'izay notononin'i Petera tamin'ny Andron'ny Pentekosta?" Tena marina tokoa izany.

162 Efa fantatrareo ve, ao amin'ny Testamenta Taloha, fa ny fomba tokana, ary ny fomba tokana ankehitriny, izay ahafahan'ny olona iray miditra ao amin'ilay fanekena, hatramin'izay, dia tamin'ny alàlan'i Abrahama, izay hany

nomena ny teny fikasana, ary ny—ny tombokasen'ny teny fikasana dia tamin'ny alàlan'ny famorana. Firy no mahafantatra an'izany? Izany no fanamarinan'Andriamanitra.

163 Tahaka ny rahalahy Batista iray, hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, nahoana, nandray ny Fanahy Masina izahay Batista."

Hoy aho hoe, "Oviana no nahazoanareo an'Izany?"

Hoy izy, "Tamin'ilay ora izay ninoanay."

164 Hoy aho hoe, "Hoy i Paoly hoe, 'Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony vao nino ianareo?'" Hitanareo? Hoy aho hoe, "Ankehitriny, ianareo Batista avia haka anankiray amin'Ity, dia hiresaka fiarovana Mandrakizay iray miaraka aminareo izahay." Hoy aho hoe, "Saingy, eny, aiza no ahitanareo Azy tahaka an'izany?" Hitanareo?

165 Hoy izy hoe, "Efa noraisinareo ve Izany *fony* vao nino ianareo?" Mpino izy ireo, ary nanana fikiakiahana sy fifaliana ary ny zavatra hafa rehetra. Tsy mbola nandray ny Fanahy Masina izy ireo. Paoly no nilaza fa tsy nandray izy ireo. Hitanareo? "Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony vao nino ianareo?"

Hoy izy ireo hoe, "Tsy fantatray aza hoe misy ny Fanahy Masina."

Hoy izy, "Koa ahoana no nanaovana batisa anareo?"

166 Hoy izy ireo hoe, "Efa natao batisa izahay." Saingy, diso, hitanareo. Noho izany izy dia tsy maintsy naverina natao batisa, indray. Eny àry.

167 Mariho ity ankehitriny, fa ireo vehivavy mpitory teny ireo, rehefa tonga izy ireo, dia nihevitra fa handray ny fahefany. Saingy tsy avelan'Andriamanitra tanteraka ny fanaovana an'izany. Ary mamelà . . . raha mbola eo amin'ity lohahevitra eto ity fotsiny isika, ireto vehivavy ireto, hitanareo. Ary izany, ankehitriny, hoy izy hoe, "Raha misy olona iray eo anivonareo, izay ara-panahy, na mpaminany iray, dia aoka ho fantany tsara fa izay soratako dia Didin'ny Tompo. Fa raha tsy mahalala izy, dia avelao fotsiny izy tsy hahalala." Ary izany no anton'ny hoe ny . . . ity tabernakla ity dia tsy manohana sy manendry vehivavy mpitory teny, vehivavy diakona, na zavatra iray hataon'ny vehivavy toy ny asa iray an'ity fiangonana ity, dia satria mipetraka eto ity Soratra ity ary mazava ilay izy.

168 Ankehitriny, nilaza ity Baiboly ity hoe, "Ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany." Ankehitriny, inona no dikan'ny teny hoe *maminany*? Tadiavo izany. Izany dia "miteny zavatra iray, eo ambanin'ny tsindrimandry," na "miteny zavatra mialoha." Teny mitambatra iray izany.

169 Mitovy fotsiny amin'ny hoe *manamasina* dia midika hoe "voadio, ary napetraka mitokana ho an'ny asa." Hitanareo? Na, teny mitambatra iray izany, midika hoe mihoatra ny zavatra

anankiray, tahaka ny ananantsika betsaka mihitsy an'izany ao amin'ny Anglisy eto.

170 Ohatra, hilaza isika an'ilay teny hoe "board." Eny, inona no ho dikan'ny hoe *board*? Hoy ianareo hoe, "Eny, ny tiany lazaina dia hoe izy dia nandoa ny *faktiorany*." [*board* amin'ny teny Anglisy—Mpand.] "Tsia, tsy izany mihitsy no tiany lazaina. Ny tiany ho lazaina dia hoe izy dia *nandavaka* [*bored*] lavaka iray." "Tsia, tsy izany mihitsy no tiany ho lazaina. Ny tiany ho lazaina dia hoe izy dia *nanorisory* [*bored*] azy." Na, hitanareo, teny iray fotsiny, tokony ho fantatrareo izay resahanareo. Hitanareo?

171 Ary tahaka an'izany amin'ity teny mitambatra ity, hoe, "Ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany." Ankehitriny, ny fomba tokana izay Andriamanitra . . .

172 Hoy ity Batista ity hoe, "Eny, nandray ny Fanahy Masina izahay." Nilaza aho . . . "Tamin'izany rehefa nino an'izany izahay." Nilaza aho . . . Ankehitriny, hitanareo, hoy izy hoe, "Andriamanitra dia nanome an'i Abrahama ny . . ." Hoy izy, "Nino an'Andriamanitra i Abrahama." Tahaka an'izany no nametrahany azy. Hoy izy hoe, "Nino an'Andriamanitra i Abrahama ary nisaina ho fahamarinany izany." Firy no mahafantatra fa izany no fahamarinana? Diniho ankehitriny hoe ahoana—mora toy ny ahoana no ahafahan'i Satana manatsofoka an'izany eo amin'ny rahalahy iray. Hitanareo, tena mora fotsiny. Ankehitriny, izany no Soratra.

173 Rahalahy, hiteny aminareo aho, eto amin'ity ambony eto ity, dia tokony ho voahosotra ianareo alohan'ny hidiranareo amin'ity. Tokony hiditra ao amin'ny toerana miafina iray ianareo ary hivavaka. Hoy ny olona hoe, "Nahoana ianao no tsy mandeha mivoaka ka mijery ny olona?" Rahalahy, raha hiresaka amin'ny olona ianareo na hampianatra azy ireo, dia tsaratsara kokoa aminareo ny mitoetra irery, miaraka amin'Andriamanitra, vetivety, alohan'ny idiranareo eto amin'ity polipitra ity. Izany tokoa, hitanareo, satria Satana dia fetsy, tena fetsy.

174 Nilaza izy ankehitriny, mariho, hoy izy hoe, "Nino an'Andriamanitra i Abrahama, ary nisaina ho fahamarinany izany." Marina izany. Hoy izy hoe, "Ankehitriny, inona no mbola azon'i Abrahama atao afa-tsy ny mino?"

Hoy aho hoe, "Izay ihany no azony natao."

175 Hoy izy hoe, "Mbola inona koa àry no azonao hatao na azon'ny olona hafa iray hatao afa-tsy ny mino?"

176 Hoy aho hoe, "Izay ihany no azontsika hatao. Saingy jereo, rahalahy, avy eo dia nampihavana Andriamanitra, na nanaiky ny finoan'i Abrahama. Nomeny azy ny tombokase, ny famantaran'ny famorana, ho tombokase iray an'ny fanekena. Hitanao? Nomeny azy. Hoy Izy hoe, 'Ankehitriny, ry Abrahama, hanaiky ny finoanao Aho, noho izany dia hanome famantarana iray ho anao Aho ankehitriny hoe nandray anao Aho.'"

177 Noho izany dia namora an'i Abrahama Izy, ary izany no tombokase iray an'ny fanekena. Koa ankehitriny ao amin'ity andro ity. . . Ankehitriny, ny vehivavy iray dia tsy afaka ny ho ao amin'io fanekena io; raha tsy vehivavy iray manambady irery ihany. Jereo, tsy afaka mamora vavy iray; noho izany, tsy maintsy miditra izy ireo, mba ho iray izy sy ny vadiny. Tsy roa intsony izy ireo; iray izy ireo. Firy no mahafantatra an'izany? Ny Soratra no miteny an'izany. Noho izany, satria izy manambady, amin'izay fotoana izay izy—lasa iray izy. Ary manohiza midina eto dia jereo ao amin'ny Timoty eto, izay nilaza an'ilay zavatra iray ihany, nanao hoe, "Ankehitriny nefa ho vonjena ihany izy amin'ny fiterahan-jaza, raha maharitra amin'ny finoana sy ny fahamasinana miaraka amin'ny fahononan-tena rehetra."

178 Ankehitriny, fa, tamin'izany, dia tao amin'ny nofo ilay famoran'ny Testamenta Taloha, fa ao amin'ity Testamenta Vaovao ity, dia hoy Joela hoe, "Handatsaka Ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho, ka ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany." Ankehitriny, ny teny hoe *maminany* dia tsy midika hoe mampianatra. Ny *maminany* dia midika hoe na "hiteny fahatsapana iray, eo ambanin'ny tsindrimandry," na "hiteny zavatra iray mialoha izay natao hiseho." Ary fantatsika fa nisy mpaminanivavy tao amin'ny Testamenta Taloha. Tsy nahazo niteny mihitsy izy ireo tao amin'ilay tranobe, niteny tao amin'ny fiangonana, tao amin'ilay fikambanana, tahaka ny mpampianatra iray. Fa izy, Ana, sy ny maro tamin'ireo tao an-tempoly, dia mpaminanivavy izy ireo, ary izy ireo no. . . Miriama dia mpaminanivavy iray, na zavatra tahaka an'izany. Nanana ny Fanahy teo aminy izy, marina izany, saingy nanana ny fetran'ny toerany izy. Afaka ny ho mpaminanivavy ireo vehivavy amin'izao andro izao, tanteraka tokoa; fa tsy mpampianatra, sy ny sisa, ao ambadiky ny lampihazo eto. Raha manao ianareo, dia manao ianareo—manao ny Baiboly hanohitra ny Tenany ianareo. Ny Baiboly dia tsy afaka milaza zavatra anankiray *eto,* ary zavatra hafa iray *eto*. Tsy maintsy milaza an'ilay zavatra iray ihany foana Izy raha tsy izany dia tsy Tenin'Andriamanitra Izy. Hitanareo? Noho izany, "Ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany," dia midika hoe na izy ireo "hiteny mialoha" na "hijoro vavolombelona." Ankehitriny, dinihonareo izany, ary alaivo ny diksionera Biblika dia jereo raha tsy marina izany. "Ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany."

179 Ankehitriny, ny Baiboly dia miresaka ihany koa ny amin'ny vehivavy iray izay niseho ho, toy izany, na nihambo fa izy dia. . . Ity dia hety sady amin'ny fiangonana Katolika, ary hety ihany koa amin'ny. . . amin'ity lohahevitra izay horesahantsika ankehitriny ity. Ndao isika hamadika ao amin'ny Bokin'ny—ny Apokalypsy, ary ndao isika haka eo amin'ny—ny toko faha-2 ary ny andininy faha-20, raha mbola tena eto amin'izany

mihitsy isika, mba hahafahanareo mahamarika eto ary hahita fotsiny hoe mety ho demoniaka toy ny ahoana io zavatra io, ny firesahana hoe inona no hiseho amin'izao andro izao, ahoana fa ireo . . . ho inona ity vehivavy ity. Tsarovy, ny fiangonana Katolika dia vehivavy iray. Vao avy novakiantsika izany, sa tsy izany? Henoy ity ankehitriny, ahoana no Lazainy. Apokalypsy 2:20, "Kanefa ankehitriny . . ." Miresaka amin'ity fiangonana Tyatira ity Izy, hitanareo, "Kanefa ankehitriny . . ." Izay eo amin'ny taom-piangonana antenantenany eo, no nandalo tao amin'ireo Taona Maizina.

> Kanefa ankehitriny *dia manan-javatra vitsy manohitra anao aho, satria mandefitra amin'ilay vehivavy Jezebela ianao, izay* miantso *ny tenany ho mpaminanivavy, mampianatra sy* . . . manoloky *ny mpanompoko* ary *manao* fijangajangana, *ka mihinana an'ireo zavatra natao fanatitra* ho *an'ny sampy.* (Hitanareo?)

180 Ankehitriny, raha mba mahamarika ianareo, dia diniho ireo taom-piangonana ireo, avy eo dia hamarana isika. Avy eo dia haka an'ireo zavatra hafa ireo isika amin'ny maraina. Diniho. Ao amin'ny . . . Teo ambanin'ireo—ireo fanaovan-jiro volamenan'ny tabernakelin'ny Jiosy, tao anatiny, an'ny mofo aseho sy ny sisa, dia nisy fanaovan-jiro volamena fito. Mahafantatra an'izany ianareo rehetra. Hitanareo? Nisy ny taom-piangonana fito. Miresaka an'ireo taom-piangonana fito io, jiro iray. Ankehitriny raha mahamarika ianareo ao amin'ny Apokalypsy 1, dia mahita an'i Jesosy mitsangana ao amin'ireo taom-piangonana fito isika, ireo fanaovan-jiro volamena fito, rehefa nitodika izy ka nahita Anankiray tahaka ny Zanak'olona, nitsangana, nitafy tahaka ny naha-izy azy. Izany no Ampakarina izay nitsangana tao amin'ireo fanaovan-jiro, natao sary.

181 Ankehitriny, ny Testamenta Taloha, izy ireo dia naka ny . . . ity labozia iray ity, ary nandrehitra azy, naka an'ilay labozia hafa ary nandrehitra azy avy tamin'io anankiray io, nandrehitra an'io anankiray io, ny anankiray avy tamin'ilay anankiray hafa, tahaka an'izany, mandra-pahavitan'izy ireo an'ireo fanaovan-jiro fito manontolo.

182 Raha hahamarika ianareo, tany amin'ny fiandohana, rehefa nanomboka nifanaraka tamin'ireo Jiosy Andriamanitra, dia nandalo tao amin'ilay taona volamena izy ireo. Ary avy eo ilay taona maizina indrindra an'ny fifanarahana Jiosy, izay nataon'Andriamanitra tamin'ny Jiosy, dia tamin'ny nanjakan'i Ahaba. Ary raha hahamarika ianareo, mamaky an'ireo taom-piangonana eo ireo, dia miverina eo amin'izany avy hatrany indray Izy. Nilaza Izy, ankehitriny hoe, "Ireo zavatra vitsy lasa," ary nilaza . . . Ankehitriny, tao amin'ilay Taona Maizina mihitsy, dimanjato sy arivo taona tany, na tamin'ny andron'i Ahaba, aloha, sy ireo Jiosy. Ilay taona maizina indrindra izay

nananan'izy ireo, rehefa nanambady an'i Jezebela i Ahaba ka nampiditra fanompoan-tsampy tao Isiraely, ary nanao ny olona rehetra hanompo an'i Ahaba . . . an'ny andriamanitr'i Jezebela. Tsaroanareo, naka izy ireo, nanangana an'ireo ala kely, ka nandrava an'ireo alitaran'Andriamanitra. Dia niantsoantso i Elisa, hoe izy no "ilay hany tokana," nefa nanana fitonjato Andriamanitra izay tsy mbola namoritra ny lohaliny teo amin'i Bala mihitsy. Tsaroanareo ve izany? Izany ilay tandindon'io Fiangonana voafidy hivoaka io. Hitanareo ve eo? Hitanareo ve hoe ahoana ilay izy?

183 Ankehitriny, ao amin'ity fiangonana ity, raha hahamarika an'ilay fiangonana voalohany ianareo, ilay fiangonana voalohany, ny fiangonan'i Efesosy, no fiangonana nalaza indrindra. Hoy Izy hoe, "Manana hazavana ianao, mbola." Ary raha mahamarika ianareo, ny fiangonana tsirairay, dia nanomboka niha-matroka, niha-matroka, niha-matroka, mandra-pahatonga azy tao Tyatira. Avy eo, dia ireo dimanjato sy arivo taona. Avy eo dia lasa teo amin'ilay ilany hafa hoe, "Fa manana hazavana kely fotsiny ianao. Atanjaho izay anananao, fandrao hafindra ny fanaovan-jironao." Dia nitohy nidina avy tao amin'ny taom-piangonana Filadelfiana, ary avy eo tao amin'ny taom-piangonana Laodikiana.

184 Ankehitriny, ity ilay hatsaran-tarehy. Oh, oadray! Tiako fotsiny ity, Rahalahy Smith. Hitanareo, jereo ity. Ankehitriny, ao amin'*ity* taom-piangonana ity, araka ny nandalovantsika . . . Diniho ity ankehitriny. Ny taom-piangonana voalohany dia ny Efesosy, ny taom-piangonana Efesiana. Ankehitriny, ny tsirairay avy tamin'ireo taom-piangonana ireo, mandra-pahatonga azy teo amin'ity dimanjato sy arivo taona ity, raha hahamarika ianareo . . . Vakio izany ankehitriny rehefa mandeha any an-trano ianareo izao hariva izao, raha manampotoana ianareo, na rahampitso vao maraina, alohan'ny ahatongavanareo aty am-piangonana, eo amin'ny toko faha-1, faha-2, ary faha-3-n'ny Apokalypsy. Hahita ianareo, ny tsirairay avy tamin'ireo taom-piangonana ireo, hoy Izy hoe, "Manana hery kely ianao, ka tsy nandà Ny Anarako," mandra-pahatonga Azy teo amin'ity dimanjato sy arivo taona an'ny Tyatira ity, ilay Taona Maizina. Avy eo dia niampita teo amin'ilay ilany hafa Izy, ka nanao hoe:

> . . . ianao dia manana *anarana iray hoe* velona ianao, nefa ianao dia *maty*.

185 Ary ireo, tsy nisy anankiray tamin'ireo taom-piangonana ireo, io na ny taom-piangonana Filadelfiana, no mba naka an'io Anarana io intsony indray. Tsy nanana an'io Anarana io intsony, satria lasa ilay izy nandritr'io fotoana io. Ankehitriny, oh, ahoana no ahafahantsika hametraka an'izany eo amin'ireo fampianarana sandoka ireo ankehitriny, eo mihitsy, haneho aminareo fa reny iray izy, ny fiangonana Katolika, ny renin'izany

rehetra izany, ahoana fa izy dia "reny, zava-miafina, Babylona." Ary izany dia, jereo, ity taom-piangonana ity rehefa mivoaka izy, nanana hazavana kely izy, avy eo izy dia lasa niha-matroka, niha-matroka, ary avy eo dia niditra tao anatin'ny rafi-pandaminana iray izy eto, ity dimanjato sy arivo taona ity. Ary nivoaka izy ankehitriny, tsy amin'ny maha-Fiangonan'i Jesosy Kristy Tompo, fa amin'ny maha-fiangonana Katolika. Inona no niafaran'i Luther? Amin'ny maha-fiangonana Loterana. Inona no niafaran'ny Batista? Amin'ny maha-fiangonana Batista. Tsy Ny Anarany, tsy Ny Anarany; anarana hafa iray, "manana anarana iray ianao." "Fa tsy misy anarana hafa nomena ety ambanin'ny Lanitra izay mety hahavonjy anareo, afa-tsy ny Anaran'i Jesosy Kristy irery ihany." "Ianao dia manana anarana iray hoe velona ianao, nefa ianao dia maty," izany ny amin'io anaram-piangonana io.

186 "Oh, Presbyterana aho," nefa maty ianareo! "Oh, Batista aho," nefa maty! Arakarak'izay mahatonga anareo ho velona ao amin'i Kristy Jesosy irery ihany no maha-velona anareo. Marina izany. Ny batisa sandokareo, rano, batisa sandoka; mamafy, mandraraka, raha tokony manitrika; mampiasa "Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina," raha tokony ho ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Ireo zavatra sandoka rehetra ireo dia mitohy midina, ny Baiboly no miteny, toy ny hoe miraraka ao anatin'izany haingana mihitsy arak'izay vitany. Ary eto isika dia mandefitra amin'izy ireo hatrany foana hoe, "Eny, ny fiangonako dia mino an'Izany tahaka an'*izao*." Fa ny Baiboly dia milaza an'*Izao*. Hitanareo? Tsy zavatra tahaka an'izany. Tsy misy zavatra iray tahaka an'izany.

187 Ary tsy misy toerana ao amin'ny Baiboly izay mba nanatrangan'izy ireo ny lelany ka nandray ny Eokaristia masina, ary ilay pretra no nisotro ny divay ka niantso an'izany ho Fanahy Masina. Tsy misy mihitsy ao amin'ny Baiboly mba nandraisan'ireo tànana sy nanome ny tànana ankavanan'ny fiombonana, ka niantso an'izany ho Fanahy Masina. Tsy nisy mihitsy olona iray nitsangana ka nanao hoe, "Ankehitriny dia mpino iray aho," ka nandray ny Fanahy Masina. Raha izany ilay izy, dia ho izao no fomba tokony hamakiana ny Asa 2 hoe, "Ary rehefa tena tonga ny Andron'ny Pentekosta, dia nandeha teny an-dàlana ny pretra Romana iray, ary nanana ny vozon'akanjony nivadika izy. Nandroso izy, nanao hoe, 'Atrangao ny lelanareo rehetra ankehitriny ka raiso ny Eokaristia masina, kaominio voalohany.'" Tsy ho tahaka an'izany ve no hamakiana ny Asa 2?

188 Eny, ianareo Protestanta dia mbola ratsy. Miverina eo ka manao hoe, "Ankehitriny handeha hankany aminareo Metodista izahay; hametraka eo amin'izy ireo ny tànana ankavanana, na, hanome azy ireo ny tànana ankavanan'ny fiombonana, ary hanome fanandramana enim-bolana." Aiza no amakianareo

an'izany ao amin'ny Asa 2? Hitanareo? Aiza no ahitanareo an'izany? Hitanareo?

189 Izao no voalaza, "Rehefa tao amin'ny toerana iray izy rehetra, iray saina!" Tsy nisy eveka iray mihitsy tonga tao ka nanao an'*ity,* ary tsy nisy pretra mihitsy tonga tao ka nanao an'*ity*. "Fa indro tonga ny feo iray avy tany An-danitra tahaka ny rivotra mahery nifofofofo, ary nameno ny trano rehetra izay nipetrahan'izy ireo Izany." Izany no fomba nandraisan'izy ireo Azy, eny, tompoko, toy ny rivotra mahery nifofofofo tonga avy tany amin'ny Voninahitra. Tsy teny an-dàlana na avy tamin'ny anaram-piangonana iray.

> . . . ianao dia manana *anarana iray hoe* velona ianao, nefa ianao dia *maty*.

190 Hitanareo, ireo fanekem-pinoana sy anaram-piangonanareo no nisakana an'Andriamanitra tahaka an'izany, hany ka, "Izahay mino an'*ity*, ary izahay dia mino fa efa lasa ireo andron'ny fahagagana." Mpaminany sandoka iray no milaza an'izany. Mpaminany sandoka iray no miteny aminareo, hoe, "Afaka mandray tànana ianareo dia mandray ny Fanahy Masina." Mpaminany sandoka iray no miteny aminareo hoe, "Mandray ny Fanahy Masina ianareo rehefa mino." Mpaminany sandoka iray no miteny aminareo hoe, "Tokony handrarahana sy hamafazana ianareo raha tokony hatao batisa." Mpaminany sandoka iray no miteny aminareo mba "hatao batisa amin'ny anaran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina," nefa tsy misy Soratra ho an'izany ao amin'ny Baiboly. Marina izany. Tsy misy Soratra iray ao amin'ny Baiboly izay miteny aminareo mba hatao batisa, nefa tsy nisy olona iray hany natao batisa, raha tsy tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy irery ihany. Afa-tsy, ireo mpianatr'i Jaona irery ihany; ary tsy maintsy tonga izy ireo, natao batisa indray, tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, mba hahazo ny Fanahy Masina. Marina izany. Ankehitriny, tsy foto-pampianaran'ny Jesosy Irery izany. Fantatro ny foto-pampianaran'ny Jesosy Irery. Tsy izany io. Foto-pampianaran'ny Baiboly izany. Marina izany.

191 Fa eo ianareo izao. Inona no ataonareo amin'izany? Izany ny reninareo. Izany ny renin'ireo fanekem-pinoana ireo.

192 Ankehitriny, miverena mijery ny Baibolinareo indray ka teneno amiko hoe taiza no nisy olona iray mba nofafazana. Metodista, Presbyterana, Katolika, teneno amiko hoe taiza no nisy olona anankiray mba nofafazana, ao amin'ny Baiboly. Teneno amiko hoe taiza ny anankiray no mba nandrarahana, ao amin'ny Baiboly, ho famelàna ny fahotana. Asehoy izany. Afaka mahita an'izany ve ianareo? Raha mahita ianareo, dia manatòna ahy, ary handeha hidina eto amin'ity làlambe ity aho miaraka amin'ny takelaka iray ao an-damosiko, ka manao hoe, "Mpaminany sandoka iray! Diso aho." Na, mitadiava ianareo

toerana iray ao amin'ny Baiboly manontolo izay nisy olona iray mba natao batisa tamin'ny anaran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, tahaka ny nanaovana batisa ny valopolo isan-jato aminareo. Itadiavo Soratra iray aho izay nisy olona iray mba natao batisa tahaka an'izany, dia hametraka takelaka iray aho ao an-damosiko hoe, "mpaminany sandoka," ary handeha hidina eny an-dàlana miaraka amin'izany tahaka an'*izao*. Ary asehoy ahy hoe taiza no nisy olona iray mba natao batisa, tao amin'ilay Fiangonana vaovao, ka tsy tokony tonga ary natao batisa indray, tamin'ny . . . tsy tamin'ny anaran'i "Jesosy" fotsiny ihany, fa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika. Marina izany. Jereo raha tsy marina izany.

193 Ary, indro, inona izany? Izy no renin'ny mpijangajanga. Inona no nanao azy ho mpijangajanga iray? Inona no nanao azy ho vehivavy janga? Ny foto-pampianarany! Inona no nanao azy ireo ho mpijangajanga iray? Ny foto-pampianarany!

194 Ary izany no antony tsy andeferantsika amin'ny anaram-piangonan'izy ireo sy ny dogman'izy ireo. Mijanona madio miaraka amin'ity Baiboly ity isika. Tsy fantatro hoe tsara toy ny ahoana no iainanareo Azy, saingy nampianarina Azy ianareo, na ahoana na ahoana. Marina. Miankina aminareo izany. Tsy afaka manao anareo hiaina Azy aho. Afaka miteny aminareo fotsiny an'izay Fahamarinana aho. Izay no mahatonga antsika hoe tsy anaram-piangonana iray isika. Izaho tsy—tsy tiako ny handoto ny tenantsika hiditra ao anatin'ny karazan-javatra tahaka an'izany, ka handohalika eo amin'ny karazana dogma iray. Aleoko maka ny làlako miaraka amin'ny vitsin'ny Tompo nohamavoina. Aleoko mijanona madio sy mangarangarana eo anatrehan'ny Teny sy Andriamanitra, ary mijoro eo ka manao hoe, "Tsy misy ràn'olona eo amin'ny akanjoko." Izany no antony ijanonantsika ato amin'ny Branham Tabernacle. Izany no antony hoe tsy Assemblées isika. Izany no antony hoe tsy an'ny Tokana isika. Izany no antony hoe tsy Jesosy Irery isika. Izany no antony hoe tsy Metodista isika. Izany no antony hoe tsy Batista isika. Izao fotsiny—tabernakla kely iray eto fotsiny. Tsy manana anaram-piangonana mihitsy isika. Afaka isika, ao amin'i Kristy. Izany no antony ijanonantsika tahaka ny ataontsika. Ary nitahy antsika Andriamanitra, manampy antsika Andriamanitra.

195 Ankehitriny, afaka miteny aminareo izahay hoe nahoana no manao fandraisana izahay, miteny aminareo izahay hoe nahoana no manao fanasa-tongotra izahay, nahoana izahay no tsy mamela an'ireo mambra handray an'izany raha fantatray fa ao anatin'ny fahotana izy ireo. Izany no antony, tamin'ity herinandro roa na telo farany ity, nandehanako avy teo amin'ny mambra anankiray nankany amin'ilay hafa, teo amin'izay nanananareo an'ireo fifamaliana, ihany koa. Nandeha tany aho, ny anankiray tsy te-hiresaka amin'ilay hafa, ary mifanena eny an-dàlana dia manodina ny lohanareo. Mbà menatra ianareo,

izay nandray ny kapoakan'Andriamanitra voatahy nanodidina an'ity, ny alitara eto, sy miantso anareo ho rahalahy sy anabavy, ary avy eo dia mandray ny telefona ka mifampiteny ratsy. Tsy mendrika ny hantsoina hoe Kristiana ianareo raha manao tahaka an'izany. Marina. Mialà lavitra an'ireny telefona ireny; raha tsy afaka miresaka tsara mikasika olona iray ianareo, dia aza miresaka mihitsy. Tsarovy, hihazona anareo ho tompon'andraikitra Andriamanitra. Raha mbola ao aminareo foana izany karazana fanahy izany, dia fantatrareo fa tsy mahitsy amin'Andriamanitra ianareo. Raha tsy mahatsapa ianareo . . .

196 Raha ao anatin'ny fahadisoana ny olona iray, dia mandehana mankany aminy ary mihavàna. Raha tsy afaka hihavana ianareo, dia mitondrà olona iray miaraka aminareo. Tsy mahagaga raha tsy afaka mifehy Ny Fiangonany Andriamanitra, satria tsy manao tsara an'ilay izy ianareo. Raha tokony handray ny telefona ka hiresaka mikasika an'ity anankiray ity, izay niseho, ary sekta kely sy ny sisa, manodidina eo tahaka an'izany. Raha tokony hanao an'izany, maninona no tsy manao an'izay lazain'ny Baiboly? Raha tratra eo amin'ny fahadisoana iray ny rahalahy anankiray, dia mandehana mankany aminy ka jereo raha tsy afaka hihavana aminy ianareo. "Eny, ankehitriny, izy no nanao tamiko!" Tsy ahoako izay nataony, mandehana mankany aminy na ahoana na ahoana! Izany dia tsy nilaza fa izy no tsy maintsy manatona anareo. Ianareo no mankany aminy raha izy no diso. Hoy ianareo hoe, "Eny, izy no diso. Izy no tokony hanatona ahy." Tsy izany no nolazain'ny Baiboly. Ny Baiboly dia nilaza taminareo mba handeha hankany aminy. Raha diso izy, dia ianareo no mandeha mankany aminy.

197 Ary avy eo raha tsy hihaino anareo izy, amin'izay fotoana izay dia mitondrà olona iray miaraka aminareo, ho vavolombelona iray.

198 Ary avy eo raha tsy hijery an'io vavolombelona io izy, amin'izay fotoana izay dia manaova hoe, "Haka ny pasiteranao aho ankehitriny." Amin'izay fotoana izay dia teneno aminy, manaova hoe, "Ho teneniko amin'ny fiangonana ilay izy, ary ao anatin'ny telopolo andro manomboka izao, raha tsy mandamina an'izany ianareo rahalahy . . . Ity rahalahy eto ity dia manaiky ny hihavana. Ianao tsy hanao an'ilay izy. Ary raha tsy handamina an'izany ao anatin'ny telopolo andro ianao, amin'izay fotoana izay dia inona no hitranga? Tsy ho isanay intsony ianao."

199 Hoy ny Baiboly hoe, "Raha tsy hihaino ny fiangonana izy, amin'izay fotoana izay dia aoka izy ho toy ny mpanompo sampy iray sy mpamory hetra iray aminareo." Hitanareo, raha mbola eo ambanin'io fiarovan'ny fiangonana io foana ny rahalahy iray, dia miaro azy ny Ràn'i Kristy. Izany no antony tsy ahafahantsika mampandroso ny fiangonana nohon'ny fomba ataony. Ankehitriny, marina, *Ity* no Foto-pampianaran'ny

Bat-. . . an'ny fiangonana Batista, na ny Branham Tabernacle eto, raha hanao an'ilay izy ianareo. Hitanareo, nahoana no tsy afaka. . .

200 Raiso eto, atao hoe, ohatra, lehilahy roa, atao hoe izaho sy Leo. Ianareo ve hanao ahy. . . Dia hilaza aho hoe, "Eny, izy—izy no nandiso ahy." Tsy manao fahasamihafana iray izany. Izaho no natao handeha hankany aminy. Eny, mambra iray an'ity fiangonana ity izy. Izy—lasa Kristiana iray izy. Mandray ny fandraisana miaraka amiko eto amin'ny arofanina eto izy. Ary vita batisa tamin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy izahay. Nandeha mahitsy, amin'ny maha-mpirahalahy, eo anatrehan'ny tsirairay, avy eo dia misy zavatra mitranga.

201 Tsy ilay olona izany. Ny sivifolo isan-jatony dia ny devoly no mipetraka eo anelanelan'ny olona. Tsy ireo olona izany. Ny devoly izany. Ary raha mbola mamela ny devoly hanao an'izany foana ianareo, dia handratra ny rahalahinareo. Marina izany.

202 Eny, misy zavatra tsy mety eo amiko sy Leo; ndao isika handamina an'izany. Ary raha hitanareo fa misy zavatra iray eo, dia andraikitrareo ny manatona anay, ka manao hoe, "Avia eto ianareo tovolahy roa ireo ka tongava miaraka. Hanitsy an'io zavatra io isika." Ankehitriny, amin'izay fotoana izay, raha tonga eo amin'io izy, ary eo dia hita fa, amin'izay fotoana izay, eo isika izao. Hilaza aho hoe, "Eny, ny zavatra voalohany, raha isika—tsy afaka hifanaraka isika, amin'izay fotoana izay dia tongava ianao any am-piangonana tahaka an'izany."

203 Ary avy eo raha—raha tsy mbola manao na inona na inona mikasika an'izany foana ianareo, na izany aza, dia miaro anay roa ny Ràn'i Jesosy Kristy. Hitanareo? Fa amin'izay fotoana izay io—io homamiadana ratsy io dia hanomboka homamiadana iray hafa, ary io homamiadana io dia hanomboka homamiadana iray hafa, ka harary ilay zavatra manontolo, manerana ny rehetra, ilay fiangonana manontolo. Amin'izay fotoana izay ianareo dia tonga eo amin'ny toerana iray ka tonga ao am-piangonana ianareo, ary tena mangatsiaka mihitsy, ka tsy maintsy hanao an'ilay mpanokatra varavarana ho tonga hamaky an'ireo vongan-gilasy ianareo, alohan'ny hahafahan'ny fiangonana hiditra. Ankehitriny, fantatrareo fa marina izany. Ary mangatsiaka! Mipetraka eo ny olona iray, fantatrareo, nefa tsy milaza na inona na inona fotsiny. "Eny, tena ara-panahy isika taloha." Eny, inona no nitranga? Nihazakazaka tsara ianareo, inona ilay olana? Hitanareo, ny fahotanareo no mampisaraka anareo. Ary hihazona anareo ho tompon'andraikitra amin'izany Andriamanitra, ry rahalahy. Ankehitriny dia hahitsiko io zavatra io.

204 Tsy misy na inona na inona tsy mety amiko, tsy misy na inona na inona tsy mety amin'i Leo; ny devoly no nipetraka teo anelanelanay. Marina izany. Ataovy mahitsy ilay zavatra.

Mandehana mankany aminy. Amin'izay fotoana izay raha tsy hihaino izy, na tsy hihaino aho, na iza ilay izy na iza, amin'izay fotoana izay dia teneno amin'ny fiangonana izany. Raha tsy tonga mba hihavana amin'io fiangonana io izy ao anatin'ny telopolo andro, amin'izay fotoana izay dia any ivelan'ny fiarovan'i Jesosy izy. Avotsotsika izy. Tena marina tokoa izany. Amin'izay fotoana izay dia diniho izay miseho. Avelao Andriamanitra hanao an'ilay fitsipika amin'izay fotoana izay. Afaka ny tànanareo. Efa nanao ny tsara indrindra izay vitanareo ianareo. Noho izany dia avelao Andriamanitra hahazo azy kely fotsiny; Izy no hanolotra azy ho an'ny devoly. Ho tonga izy avy eo. Raha tsy tonga izy, dia fotoana fohy fotsiny sisa ny fiainany.

205 Tsaroanareo ve ao amin'ny Baiboly, izay nisy rahalahy iray tsy nety nahitsy tamin'Andriamanitra? Firy no mahatsiaro an'ilay zava-miseho? Niaina niaraka tamin'ny renikeliny izy, ka tsy afaka nanitsy azy izy ireo. Hoy i Paoly hoe, "Atolory ho an'ny devoly izy, ho an'ny fanimbàna." Mahita ianareo, ao amin'ny Korintiana Faharoa, fa nanitsy izy.

206 Manana rahalahy iray aho, sakaiza tsara iray, tiako ny hiantso ny anarany eto, rahalahy iray mpitory teny. Ary ity rahalahy mpitory teny ity, ny anarany dia Rahalahy Rasmussen. Maro aminareo mpitoriteny mipetraka eto, izao hariva izao, ny anarany dia eo amin'ny taratasinareo. Tsy ara-anarampiangonana iray izy avy any Chicago. Dia jereo. Nanana zazalahy iray izy, mpitoriteny, ary lasa izy ka nanambady zazavavy Katolika iray, dia nanomboka tahaka an'izany. Ary izy ireo dia nikasa hanao an'*ity, itsy*, ary ny *hafa*, sy—sy ny sisa rehetra; nanana olana iray. Dia nanatona azy ny dadany, nanao hoe, "Jereo ankehitriny, anaka, hihavana ve ianao?"

Hoy izy, "Dada . . . "

Izy dia niantso ny fiangonan'izy ireo ho andiana holy-rollers iray, ny dadany. Hoy izy hoe, "Ankehitriny, jereo, handeha hanitsy an'io zavatra io miaraka amin'ity fiangonana ity ve ianao?"

207 Hoy izy hoe, "Ankehitriny, ry dada, dadako ianao, ary tsy tehanana olana aminao mihitsy aho." Eny àry.

208 Lasa izy ary naka ny anankiray amin'ireo diakona ka nandeha nankany an-tranony. Hoy izy—hoy izy, "Wesley, te-hiresaka aminao aho." Hoy izy, "Hanitsy an'io zavatra io miaraka amin'ny fiangonana ve ianao?" Dia nomeny valy boraingina tahaka an'izany izy. Hoy izy, "Tsarovy, ry Wesley, izaho no pasiteran'io fiangonana io. Dadanao aho, saingy hanao izay lazain'Andriamanitra hatao aho. Hanome telopolo andro anao aho hanitsianao an'io miaraka amin'ny fiangonana, raha tsy izany dia horoahinay hiala eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra ianao. Ianao dia zanakalahiko

manokana; ity dia Mpamonjiko." Hoy izy, "Tiako ianao. Ary fantatrao fa tiako ianao, ry Wesley. Ho faty ho anao izao ankehitriny izao aho. Saingy tokony ho avy hahitsy amin'ny Tenin'Andriamanitra ianao. Hitanao?" Hoy izy, "Izaho no pasitera. Izaho no mpiandry an'io andian'ondry io. Raha zanako ianao, na iza na iza ianao, dia tsy maintsy milahatra amin'ny Tenin'Andriamanitra. Raha tsy manao an'izany ianao, amin'izay fotoana izay dia tsy mendrika ny ho Mpiandriny aho."

209 Ry tovolahy, izany no pasitera iray. Izany no lehilahy iray. Tsy mihevitra tahaka an'izany ve ianareo? Izany no lehilahy iray. Noteneniny tamin'ny zananilahy izany. "Ary nandratra azy," hoy izy. Saingy hoy izy, "Inona? Iza no ho ratrainao, ilay olona, sa handratra ny Tomponao? Noho izany," hoy izy, "tamin'izay fotoana izay dia nandeha izahay." Ary hoy izy, "Tsy nety nanao an'izany izy. Ary izahay . . . niteny tamin'ny fiangonana aho."

210 Hoy izy hoe, "Ny zanakolahy manokana, Wesley, nandà ny hihaino ahy izy, tao amin'ity raharaha ity. Nandà ny hihaino ny diakona izy. Ary ianao ve no vavolombelon'izany, Rahalahy *Ranona-sy-Ranona*?"

"Eny, vavolombelona aho."

"Eny àry. Amin'ny valo ora, ny Alahady manaraka, efatra herinandro manomboka izao, raha tsy manitsy an'izany amin'ity fiangonana ity izy, dia atolotsika i Wesley, ny zanakolahy, ho an'ny devoly, ho fandravàna ny nofo. Ny Ràny, ny Ràn'ny . . . an'i Jesosy Kristy, ary ity fiangonana ity, dia tsy miaro azy intsony."

211 Ary tonga io hariva io. Nitsangana teo amin'ny polipitra izy, nanao hoe, "Manana roa minitra amboniny izy." Tonga ilay fotoana. Hoy izy hoe, "Ankehitriny, amin'ny maha-zanakalahiko, Wesley Rasmussen . . . lazaina amin'ity fiangonana ity, Aminao, Andriamanitra Tsitoha hoe: Nanao izay rehetra azonay natao izahay, araka Ny Teninao sy ny toro-hevitry Ny—Ny Zanakao, Mpamonjinay, dia nandao anay. Izahay ankehitriny, manolotra ny zanako aho, sy ity fiangonana ity miaraka amiko, ho an'ny fan- . . . ho an'ny devoly, ho fandravàna ny nofony, mba ho voavonjy ny fanahiny." Izay ihany no voalaza. Tsy nisy na inona na inona niseho, nandritry ny iray na roa herinandro, angamba iray na roa volana.

212 Indray alina, lasa narary i Wesley antitra. Ary rehefa narary izy, dia nitohy niha-narary. Nantsoiny ny dokotera. Tonga ny dokotera ka nizaha azy. Tratry ny tazo teo amin'ny dimy amby zato degree izy. Tsy afaka nahita ny anton'izany izy. Nitohy niha-narary fotsiny. Hoy ny dokotera hoe, "Ry tovolahy, tsy fantatro izay nitranga taminao." Tsy fantany izay hatao. Hoy izy, "Hiantso manam-pahaizana manokana isika." Niantso manam-pahaizana manokana izy ireo, dia tonga tao ilay manam-pahaizana manokana. Nentin'izy ireo tany amin'ny hopitaly izy, nizaha azy, ny zavatra hafa rehetra. Ary hoy izy, "Tsy afaka

miteny aminao fotsiny aho. Ilay zazalahy fotsiny—toy ny ho faty fotsiny." Nitsangana teo ny vadiny, nitomany, ny sisa tahaka an'izany. Ary nitsangana nanodidina ny fandriana ireo ankizy sy hatraiza hatraiza tahaka an'izany. Hoy izy hoe, "Eo ampandehanana izy. Izay ihany." Hoy izy, "Ny fitempon'ny fony sy ny fofon'ainy, dia midina hatrany fotsiny."

213 Hoy izy hoe, "Antsoy i Dada." Oh, eny. Izany no tokony hatao. Izay ilay izy. "Antsoy i Dada." Dia nihazakazaka nankao amin'ny hopitaly ny dadany, haingana mihitsy, mba hijery azy. Hoy izy hoe, "Dada, tsy afaka aho ankehitriny, saingy Andriamanitra dia mandre ny teniko. Hanitsy ny zavatra rehetra aho. Hahitsiko izany. Eny, hanao aho." Eny, tompoko, rahalahy. Teo no ho eo dia nanomboka niverina ho ara-dalàna ny fofon'ainy.

214 Ary ny Alahady nanaraka, dia teo anatrehan'ny fiangonana izy. Hoy izy hoe, "Nanota teo anatrehan'Andriamanitra aho, teo amin'ny fanatrehan'ity fiangonana ity. Nandà ny hihaino ny tenin'ny pasitera aho. Izaho—nandà ny hihaino ny diakona eto aho." Dia hoy izy, "Mangataka amin'ity fiangonana ity aho hamela ahy nohon'ny ratsy nataoko tahaka an'izany." Hoy izy, "Nitahiry ny aiko Andriamanitra." Teneniko aminareo, nahitsy avy hatrany izy. Hia. Izany no tokony hataonareo, hitanareo. Hitanareo? Ianareo, raha hanao an'ilay izy fotsiny amin'ny fomban'Andriamanitra ianareo! Hitanareo?

215 Ankehitriny, hitanareo, ny fomba ataontsika, manana fivorian'ny komity isika, dia hoy isika hoe, "Eny, ankehitriny, isika ve tokony hihazona . . . " Tsy milaza ny amin'ny tabernakla aho, fa ny tiako ho lazaina dia isika olona Protestanta. Manana fivorian'ny komity isika, ary, "Inona no hevitrareo mikasika an'i Jones? Inona no hevitsika fa tokony hataontsika aminy? Heveriko fa ho lasa mambra tsaratsara kokoa iray izy any amin'ny Metodista noho ny ato amintsika." Eo ianareo izao. Izany, diso izany. Izany no antony tsy tokony hanarahantsika an'ireo fombafombany; ka eveka iray, tsy maintsy hiantso azy isika, mambra iray . . . Inona moa ilay iantsoanareo azy, olon'ny distrika ao amin'ity fiangonana Pentekotista ity? Presbyteran'ny distrika, miantso azy mba hijery ny fitondrantenan'io lehilahy io.

216 Ny Baiboly no miteny amintsika an'izay hatao. Izany no antony tsy iadaladalantsika amin'ireo anaram-piangonan'izy ireo. Mijanona ho afaka amin'io zavatra io isika. Amena. Tsy tezitra amiko ianareo, sa tsy izany? Aza manao an'izany ianareo. Eny àry. Hahazo fanontaniana sasany tena tsara angamba aho rahampitso hariva. Saingy, eny, marina izany. Hitanareo? Tsarovy. Fantaro . . .

217 Milaza an'ity aho ankehitriny. Ianareo olona izay eto avy amin'ny fiangonana ara-anaram-piangonana samihafa, ny

anaram-piangonanareo, ary, rahalahy, tsy milaza aho hoe tsy Kristiana iray ianareo. Tsy milaza aho hoe tsy misy Kristiana maha-te-ho tia an'arivony ao anatin'ny anaram-piangonanareo. Miezaka aho milaza ny antony hoe tsy anaram-piangonana isika. Satria, tsy hahatanty an'izany fotsiny aho. Tsia, tompoko. Azo antoka fa tsy hahatanty aho. Miezaka izy ireo ny miteny aminareo an'izay hatao. Raha Andriamanitra no niantso ahy hitory ny Filazantsara, amin'izay fotoana izay dia mitory an'Izany amin'ny fomba itenenan'Andriamanitra amiko hanaovana azy aho. Tena marina tokoa izany, ny fomba izay nanoratana azy ato amin'ity Baiboly ity. Raha tsy milahatra amin'Ity ilay izy, amin'izay fotoana izay izany dia . . . Andriamanitra no hitsara ahy ny amin'izany. Fa raha izaho—raha izaho—raha mahita amboadia tonga aho, na fahavalo tonga, ka diso amin'ny fampitandremana azy ireo, amin'izay fotoana izay dia mitaky amiko Andriamanitra. Fa raha mampitandrina anareo aho, amin'izay fotoana izay dia miankina aminareo ilay izy arak'izany. Hitanareo?

218 Tsarovy, "Fa amin'ny andro farany, dia hisy andro mahory, ny olona ho tia tena, mpandoka tena, mpiavonavona, mpiteny ratsy." Hitanareo, mpiteny ratsy, "Oh, ireo andiana donto saina ireo. Efa lasa ireo andron'ny fahagagana. Tsy misy ny zavatra tahaka an'izany." Mpaminany sandoka antitra iray izy. "Ankehitriny, fantatray fa ireo vehivavinay dia manantsaina betsaka mihitsy nohon'ny lehilahinay." Tsy miady hevitra an'izany aho na kely aza, saingy ny Baibolin'Andriamanitra no nilaza fa esory hiala eo amin'ny polipitra izy. Izany dia—ampy ahy tsara izany, hitanareo. Marina izany. Eny àry. Hitanareo?

Ary hoy izy ireo, "Eny, ankehitriny, ny anaram-piangonanay, manana olona tsara betsaka mihitsy nohon'ny anananareo ao amin'ny tabernakla izahay." Tsy izany mihitsy no lazaiko na kely aza, saingy ny Baiboly dia manameloka ny anaram-piangonana. Marina izany. Ary, noho izany, tsy milaza aho fa tsy manana mambra tsara ianareo ao amin'ny fiangonanareo. Mahafinaritra izany. Olona tsara izy ireo. Ny sasany amin'ireo olona tsara indrindra, mihaona amin'izy ireny aho ao amin'izy rehetra ireo, Katolika sy ny manerana rehetra. Izy rehetra, mihaona amin'ny mambra tsara aho.

219 Ankehitriny, ny fomba hitondrantsika an'ity ankehitriny, ry sakaiza, raha sitraky ny Tompo, ao amin'ireto fianarana vitsy manaraka ireto, angamba . . . Hampahafantariko anareo rahampitso maraina raha tokony hanohy isika rahampitso tolakandro na tsia, hitanareo, mba hamoaka an'ity. Ny antony iezahantsika hanao azy, dia tiako ny hitondra azy eo amin'ny toerana iray ankehitriny. Ankehitriny, raha te-hitondra olona iray ianareo miaraka aminareo, dia tongasoa tanteraka ianareo hanao an'izany. Fa tsarovy ankehitriny, aza—aza mandeha ka hiezaka fotsiny hitady fahadisoana. Tonga eto ianareo . . . Izaho

dia miresaka fotsiny amin'ny—ny fiangonako, hitanareo. Tsy mampianatra an'ity any ivelan'ny fiangonako eto aho, satria raharahan'olon-kafa iray izany. Izany, izy no mpiandry an'izany andian'ondry izany. Ary—ary izaho fotsiny no . . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

220 Hatrany amin'ny Genesisy mihitsy, dia afaka hanaraka an'ilay izy mihitsy ianareo, ka mahita hoe aiza no misy azy. Ankehitriny dia hiverina ao amin'ny Genesisy isika, mba hahita hoe nahoana no tsy afaka niditra tao amin'ny fiangonan'ny Tompo io ankizy zazasary io nandritry ny taranaka efatra ambin'ny folo. Ahoana fa izany dia mila . . . Izany dia efajato taona no hanesorana an'io fahotana io. Toy ny ahoana no hahitantsika hoe ahoana fa ilay—ilay tsi-fahamarinan'ireo raiamandreny dia mihatra amin'ireo zanaka sy ireo zanaka, ahoana fa nanomboka tao amin'ny Genesisy izany, sy ny sisa.

221 Ary ianareo . . . amin'izay fotoana izay dia ho hitanareo hoe ahoana fa, raha mandeha any aoriana indrindra any, fa Andriamanitra, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, talohan'ny mba nipoahan'ny atoma anankiray, tany aoriana tany talohan'ny hany nisian'ny hazavan'ny tain-kintana mba ho tonga eo amin'ny fisiana, dia efa fantatr'Andriamanitra ny zava-boahary rehetra sy ny zavatra rehetra izay hany hisy eto an-tany. Misy olona iray ve eto . . . Ianareo tsy afaka hanazava hoe inona ny teny, ary hamahavaha azy, ka hilaza hoe inona no dikan'ny teny hoe "tsi-manam-petra". Toy ny hoe manodina fotsiny ny fakan-tsarinareo eo—eo amin'ny tsy misy fiafarany. Izao fotsiny, izany dia avy eto fotsiny mankany, izay ihany. Hitanareo? Tsi-manam-petra! Ary isika dia tsy afaka, ao amin'ny fisainana manam-petra iray, ny hahazo mihitsy an'izay azon'ny Fisainana tsi-manam-petra heverina. Hitanareo, tsy afaka manao an'izany isika. Ianareo, tsy afaka manao an'izany ianareo. Hitanareo? Fa raha handinika fotsiny ianareo, mijanona ao amin'ny Fanahy, dia afaka mahatsapa an'izany any lavitra any ianareo. Ary—ary miverena eto amin'ny Soratra eto dia hahita ianareo ankehitriny, hitanareo, ela be talohan'ny nametrahana ny fanorenana an'izao tontolo izao mihitsy.

222 Ankehitriny, nilaza ny Baiboly fa Jesosy Kristy no Zanak'ondrin'Andriamanitra. Ankehitriny henoy tsara mihitsy, noho izany, raha tsy ho tonga ny sasany aminareo rahampitso, mba handre ny fiafaran'izany. Nilaza ny Baiboly fa Jesosy Kristy no Zanak'ondrin'Andriamanitra, voavono hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Marina ve izany? Oviana Izy no voavono? Hatramin'ny fanorenana. Izany ilay izao tontolo izao, raha vita avy tamin'ny andiana potipotin'atoma izy, niendaka tamin'ny masoandro tany, talohan'ny naha-izany azy. Tamin'izay fotoana izay, talohan'ny hany nisian'ny atoma iray voalohany ho vaky tao amin'ny masoandro, raha tain-kintana iray niendaka tamin'ny masoandro ity, dia efa zato miliara

lavitrisa lavitrisa lavitrisa taona tany aoriana tany talohan'ny nisian'ny hazavan'ny tain-kintana anankiray mihitsy aza, no efa voavono Kristy. Rehefa mandamina zavatra anankiray ny fisainana lehibe an'Andriamanitra, dia vokatra iray efa vita izany. Rehefa hoy Andriamanitra hoe, "Aoka hisy," dia efa vita izany. Raha nila zato miliara taona ny hahavitan'izany, dia efa vita izany vantany vao Nolazainy ilay izy. "Ary rehefa voavono hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao ilay Zanak'ondry," dia ilay Baiboly iray ihany, ilay Fanahy iray no nanoratra ka nanao hoe, "Voapetraka tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anarantsika talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao."

223 Noho izany ilay lehilahy izay nanoratra ny hira hoe, "Misy Anarana Vaovao Iray Voasoratra Any Amin'Ny Voninahitra," nanana hevitra tsara ianareo, saingy tsy ara-tsoratra izy. Hitanareo? Io anarana io dia efa nosoratana tany amin'ny Voninahitra fony izao tontolo izao . . . fony talohan'ny nanombohan'izao tontolo izao mihitsy. Rehefa voavono ny Zanak'ondry, dia voapetraka teo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anarantsika.

224 Mamelà—mamelà ahy hanome Soratra kely anankiray ho anareo. Hiaritra iray minitra fotsiny ve ianareo? Tonga ao an-tsaiko fotsiny ilay izy ankehitriny. Heveriko fa afaka hamadika eo amin'izany avy hatrany aho. Tsy azoko antoka. Ary ankehitriny dia miala tsiny aho mihazona anareo ela tahaka an'izao, saingy niteny taminareo aho fa ho misasakalina ilay izy; tsy mbola tena izany izao. Fa izaho—tiako fotsiny ny—ny haka an'ity, Soratra anankiray fotsiny eo amin'izany.

Mamadiha miaraka amiko ankehitriny ao amin'ny Bokin'ny Romana, ary tiako ianareo hamaky an'ity miaraka amiko. Ankehitriny, ndao isika hijery, Romana, raha afaka ho hitako ilay izy, saiky eto fotsiny mihitsy. Ankehitriny ndao isika haka ny Romana 8, ary—ary ndao isika hanomboka amin'ny andininy faha-28 an'ny toko faha-8-n'ny Romana. Ary tiako ianareo hamaky fotsiny an'izany feno vavaka miaraka amiko ankehitriny. Henoy fotsiny eto izay nolazain'Andriamanitra ankehitriny.

> *Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa an'ireo izay tia an'Andriamanitra, dia ireo izay . . . voantso araka ny fikasany.*
>
> *Fa izay efa fantany mialoha, . . .*

225 Izany no nanome anareo . . . Afaka mamaky miaraka amiko ve ianareo? "Fa izay . . ."

> *Fa izay efa fantany mialoha, no notendreny mialoha koa* (eny àry) *hitovy amin'ny endriky ny Zanany, mba hahatonga azy ho lahimatoa eo anivon'ny rahalahy maro.*

Ary izay notendreny mialoha, dia ireo koa no nantsoiny: ary izay nantsoiny, dia ireo koa no nohamarininy: ary izay nohamarininy, dia ireo koa no nomeny voninahitra.

226 Hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao! Rehefa niondrika Andriamanitra . . . Ankehitriny, Andriamanitra tsy nitarika ny Asany, nanao hoe, "Eny, ankehitriny, Izaho dia handeha mba . . . Oh, inona no hataontsika ankehitriny?" Hitanareo? Tsy misy na inona na inona . . .

227 Tsarovy, ny tsi-fahamarinana, ny fahotana, dia fahamarinana nosimbaina. Tsy afaka mamorona ny devoly. Ny olona rehetra ve, ny rehetra, mahazo an'izany? Izany no Foto-pampianarana iray an'ity fiangonana ity. Tsy afaka mamorona ny devoly. Afaka manimba an'izay noforonin'Andriamanitra izy. Ankehitriny, inona ny fanimbàna? Indro, ianareo rehetra dia toy ny olon-dehibe, saiky. Henoy ity. Olona manambady isika. Ary ianareo lehilahy manambady sy vehivavy manambady dia afaka miara-miaina toy ny vady lahy sy vady vavy, ary ireo vehivavy ireo dia tena mitovy amin'ny hoe izy ireo dia tsy mihitsy . . . Virijiny izy ireo, raha mbola nijanona niaraka tamin'ny vadinareo foana ianareo. Marina izany. Ankehitriny, ara-dalàna izany ary araka ny lalàna, ary mety tsara daholo izany. Nodidian'Andriamanitra ny hanaovana an'izany. Ny vehivavy hafa iray dia afaka manao an'ilay hetsika iray ihany an'ny vadinareo; ny iray amin'izy ireo, dia marina ianareo eo imason'Andriamanitra; ary ilay hetsika iray ihany amin'ny vehivavy iray hafa, dia voaheloka ianareo eo anatrehan'Andriamanitra, ho faty. Inona izany? Fahamarinana nosimbaina, hitanareo, fahamarinana nosimbaina. Ankehitriny, tsy afaka mamorona ny devoly, fa manimba an'izay efa noforonin'Andriamanitra izy.

228 Inona ny lainga iray? Izany dia ny fahamarinana nosimbaina. Hoy ny olona iray hoe, "Oh, jereo, tamin'ny Sabotsy hariva, tamin'ny sivy, eny, dia tany Jeffersonville i Bill Branham," marina. "Tao amin'ny trano fisotroana Antz, mamo," lainga iray. Inona izany? Tany Jeffersonville aho. Marina izany. Izany no fahamarinana nosimbaina ho lainga iray. Hitanareo ve izay tiako ho lazaina? Hitanareo, manimba ny marina ny lainga iray. Ilay izy dia zavatra iray izay niteny hoe taiza aho. Ankehitriny, raha izao no voalaza hoe, "Tany am-piangonana, nitory teny," dia marina. Izany no fahamarinana. Nilaza ny fahamarinana izy. "Tany amin'ny trano fisotroan-toaka, nisotro," lainga iray. Nosimbaina; hitanareo, fahamarinana nosimbaina. Hitanareo ve izay tiako ho lazaina? Ny tsi-fahamarinana rehetra dia fahamarinana nosimbaina.

229 Ny fahafatesana, inona izany? Fiainana, nosimbaina. Ny aretina? Fahasalamana, nosimbaina. Ianareo dia natao ho olona tsara, matanjaka iray. Eny àry. Raha farofy ianareo, dia inona

izany? Nosimbaina ny fahasalamanareo. Hitanareo? Izay ihany ny amin'io. Inona izany? Ianareo taloha dia vehivavy tanora, tsara tarehy; ary lehilahy matanjaka, tsara tarehy. Ankehitriny ianareo dia mikentrona, miha-antitra. Inona izany? Fiainana, nosimbaina, hitanareo, hiverina avy hatrany indray. Hitanareo? Ary tsy maintsy hiverina izany. Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Andriamanitra no nampanantena hamerina azy. Ary azo antoka mihitsy tahaka ny—ny maha-izy azy (fantatsika fa eto izany), noho izany dia azo antoka mihitsy tahaka ny maha-izy azy, fa hamerina azy indray Andriamanitra. Nampanantena Izy ary nianiana fa Izy no hanao an'izany. Izany no manome an'ilay izy.

230 Ankehitriny, ahoana, tokony ho karazan'olona inona isika? Mariho ankehitriny hoe ahoana no isehoan'ireo zavatra ireo. Ankehitriny, ireo izay Fantany mialoha, no Nantsoiny; ireo izay Nantsoiny, dia ireo no Nohamarininy. Oviana? Talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, talohan'ny nanombohan'izao tontolo izao mihitsy. Ankehitriny, raha afaka naka an'ity Soratra ity isika ka tena manamarina an'izany, dia hila ora maro eo amin'izany isika, saingy isika—tsy te-hanao an'izany isika. Fa ity tsi-fahamarinana rehetra eto ity, dia fahamarinana nosimbaina ho tsi-fahamarinana. Izany no ataon'ny devoly.

Ankehitriny, rehefa tonga eo amin'ny taonan'andraikitra ianareo, ka fantatrareo ny ratsy sy ny tsara, dia natao hiala amin'ny faharatsianareo ianareo. Satria, teraka tao amin'ny fahotana ianareo, notorotoroina tao amin'ny heloka, tonga teto amin'izao tontolo izao niteny lainga. Noho izany ianareo dia—teraka tokoa araka ny filàn'ny nofo ianareo, ary amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy ateraka indray ianareo, mba handray Fahaterahana vaovao iray, mba hidirana any Andanitra. Satria, ity karazana fahaterahana izay anananareo eto ity . . .

231 Hitanareo ve hoe hatraiza no naha-diso lavitra be ny Vavolombelon'i Jehovah teo, mihevitra fa ny Fahaterahana vaovao dia ny fitsanganan'ny vatana? Hitanareo, tsy mety izany. Hitanareo? Izany dia tsy maintsy zavatra iray . . .

232 Ianareo, ao amin'ny ampaham-potoana iray ianareo. Ary ny zavatra tokana izay Mandrakizay dia zavatra izay tsy nanana fiandohana na nanana fiafarana. Ny zavatra Mandrakizay rehetra dia tsy nanana fiandohana iray mihitsy, na hanana fiafarana iray mihitsy. Hitanareo? Noho izany raha ampahan'Andriamanitra ianareo, dia tsy nanana fiandohana iray mihitsy ny Fanahy izay ao anatinareo na hanana fiafarana iray mihitsy, fa Mandrakizay ianareo miaraka amin'ny Fanahy izay ao anatinareo. Hitanareo? Tahaka ny—ny—ny fitiavana *Agape*, avy eo dia midina ambany izany mankao amin'ny fitiavana *fileo*, ary avy eo midina mankao amin'ny fitiavana ara-nofo. Manohy mandeha midina ambany ary midina ambany

fotsiny izany, manohy manimba hany ka lasa làla-malalaka iray mankany amin'ny loto anankiray. Eny, ny fomba tokana, dia nidina tamin'io tohatra iray io ihany Jesosy, nidina teto mba haka sy hamerina indray ho eo amin'ilay endrika ambony indrindra, avy amin'ilay endrika ambany indrindra; avy amin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana, avy amin'ny aretina ho amin'ny fahasalamana, avy amin'ny tsi-fahamarinana ho amin'ny fahamarinana. Hitanareo? Tonga avy any amin'ny Avo indrindra Izy ho any amin'ny ambany indrindra, mba Ahafahany mitondra an'ilay ambany indrindra ho any amin'ilay Avo indrindra. Lasa izaho Izy mba hahatonga ahy, amin'ny alàlan'ny Fahasoavany, ho lasa Izy, ary mpandova iray an'ny Seza fiandrianana ao amin'ny Voninahitra. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Ireo zavatra ireo.

Jereo ankehitriny. Tany aoriana tany talohan'ny nanombohan'ity izao tontolo izao ity tao anatin'ireo atoma tany ireo, rehefa hitan'Andriamanitra izay hiseho, tamin'izany mihitsy Izy no efa nahita anareo, nahita ahy Izy, nahita ny parasy rehetra Izy, ny lalitra rehetra, ny sahona rehetra, ny lalimanga rehetra. Ny zavatra rehetra izay hany hisy teto an-tany, dia efa Hitany mihitsy izany tamin'izany fotoana izany. Azo antoka, nahita Izy.

233 Ankehitriny, tsy nilaza mihitsy Izy hoe, "Handefa Ny Zanako hidina Aho ka hamela Azy ho faty, ary angamba hisy olona iray hitsetra Azy. Ary ho zavatra iray mahonena izany, angamba mety hisy olona iray ho voavonjy."

234 Efa Fantany mialoha hoe iza no ho voavonjy! Eny, tompoko. Hoy Izy hoe, "Halako Esao, fa Jakoba no Tiako," talohan'ny nananan'ny iray amin'izy ireo anjara iray mihitsy hanaporofo an'izay naha-izy azy ireo, satria efa Fantany hoe inona izy ireo. Fantany. Mahafantatra ny zavatra rehetra Izy. Efa Fantany izay hataonareo, talohan'ny nahaterahanareo, na nanombohan'izao tontolo izao.

235 Jereo ankehitriny. Araka ny fantatrareo, izaho—izaho—lehilahy mpitifi-basy iray aho. Izaho—tiako ny basy. Ary vehivavy iray any Texas, mino aho fa Texas ilay izy, no nitondra Swift iray ho ahy, Swift roa-sy-roapolo iray. Nila anankiray foana aho. Te-hanadihady an'ilay izy aho. Izany no basy kely fitifirana iray matanjaka indrindra. Bala roa-sy-roapolo izany, bala manana voany valo amby efapolo. Ary afaka mamahana an'izany amin'ny tànana ianareo. Ankehitriny, hoy ilay mpanamboatra hoe, "Aza manao an'izany; tena mampidi-doza loatra." Fa afaka mamahana an'io bala io amin'ny tànana ianareo hankany amin'ny dimy arivo dian-tongotra isa-tsengotra, nefa mbola mihazona azy foana eo amin'ny toerany. Dimy arivo dian-tongotra isa-tsegondra, izany hoe maily iray isaky ny segondra iray. Amin'ny teny hafa, raha misy papangobe iray mipetraka, roanjato yards. Mitifitra

an'ilay papangobe ianareo, dia mahita an'ireo volony manidina alohan'ny handonan'ilay basy anareo mihitsy. Hitanareo? Izany, fa raha alainareo ilay izy, ilay ampahany fisaka an'ny fisokira-nify iray, ka ataonareo ao anatin'ny vanjanareo, ary mandraraka betsaka an'*ity* ao anatiny ao, izay ampy mihitsy mba ahafahanareo hihazona an'izany eo amin'ny fisokira-nify iray; ary mitifitra trandraka iray mipetraka eo amin'ny faran'ity tranobe eto ity ianareo, dia hipetraka fotsiny izy ary hijery anareo. Inona ilay olana? Hiparitaka ilay bala, handeha haingana be izany. Ary—ary afaka mametraka lambam-pandriana iray eo anelanelan'ny eto sy etsy ianareo, fa tsy hahita poti-javatra kely anankiray latsaka eo amin'ilay lambam-pandriana akory mihitsy aza ianareo. Miverina fotsiny ilay izy; tsy ho—ho lavenona, lavenom-bolokano, fa lasa lavitra kokoa noho izany ilay izy. Miverina any amin'ireo asidra tany am-piandohana ilay izy izay mamokatra an'ireo varahina mena sy firaka izay ao anatiny ao. Miverina tahaka ny naha-izy azy tany amin'ny zato miliara taona lasa izy. Ankehitriny, ity misy bala kely iray, voam-bala valo amby efapolo izay hazoniko eto an-tànako, ary amin'ny segondra manaraka dia hiverina tany amin'izay naha-izy azy tany amin'ny zato tapitrisa taona lasa izy. Ary raha mbola haharitra zato tapitrisa taona iray hafa angamba izao tontolo izao, dia hiverina ho bala iray indray izy, afaka ny ho tafaverina mihitsy indray, satria hivadika ho varahina mena avy hatrany izy.

236 Ankehitriny dia jereo izay nataon'Andriamanitra, fa ho tia Azy ianareo amin'izay fotoana izay. Avy eo dia handeha hody ianareo, ary amin'ny maraina dia hatory tara kely ianareo. Ary—ary ianareo—ho tia Azy nohon'ny hatramin'izay ianareo. Ankehitriny, Andriamanitra dia Mpanao trano iray. Firy no mahafantatra an'izany? Mpanorina iray Izy. Eny àry. Henoy tsara mihitsy. Ankehitriny, Andriamanitra tany aoriana tany, na, milaza izy ireo . . . Haka ny hevitr'ireo mpahay laharam-pirazanana mikasika an'izany isika ankehitriny. Andriamanitra, zato miliara taona lasa izay, rehefa hanao an'izao tontolo izao Izy, eny, dia nanomboka fotsiny Izy. Ankehitriny, Izy dia nanana . . . Izy dia nanana hevitra iray tao amin'ny Fisainany.

237 Ankehitriny dia hilaza ianareo hoe, "Raha lehibe toy izany Izy, Rahalahy Branham, dia mba ahoana no Namelany ny devoly hamokatra ny fahotana?" Eny, Fantany, talohan'ny namoronana ny devoly mihitsy, fa ho devoly izy. Voninahitra! Mahatsapa ho mpivavaka aho ankehitriny. Oh, oadray! Fantany, talohan'ny namoronana ny devoly, fa ho devoly izy. Ankehitriny dia manontany ianareo hoe, "Ahoana ny amin'izany?" Hoy ianareo hoe, "Nahoana Izy no namela azy ho devoly?" Mba Ahafahany ho voaporofo fa Andriamanitra. Izany no antony Nanaovany an'izany. "Nahoana àry no nisy ny tsy marina? Nahoana?"

238 Iza no voalohany, Mpamonjy iray sa mpanota iray? Iza no voalohany? Mpamonjy iray. Iza no voalohany, Mpanasitrana iray sa olona marary iray? Nahoana no navela hisy ny mpanota iray? Satria ireo Toetrany dia Mpamonjy iray. Raha tsy nisy mpanota iray mihitsy, dia tsy ho fantatra ho Mpamonjy iray mihitsy Izy. Haleloia! Afaka manao ny zavatra rehetra hiara-hiasa ho an'ny Voninahiny Izy. "Ny mpanao vilany ve afaka hilaza amin'ilay . . . Na, ny vilany ve dia afaka hilaza amin'ilay mpanao vilany hoe, 'Nataonao an'izao ve aho?'" Iza no eo amin'ilay fanodinana? Iza no manana an'ilay tanimanga? Eo an-tànan'iza ilay izy? Hoy i Paoly hoe, "Oh, ry olona adala, tsy nilaza ve Izy fa Izy no hanangana an'i Farao ho an'izao tanjona izao mihitsy?" Izany tokoa. Fantany izany. Talohan'ny nisian'izao tontolo izao iray, dia efa Fantany hoe inona no ho inona. Ary Navelany hisy ny fahotana, mba Ahafahany ho Mpamonjy iray. Navelany hisy ny aretina, mba Ahafahany ho Mpanasitrana iray. Navelany hisy ny fankahalana, mba Ahafahany ho Fitiavana. Azo antoka, namela Izy. Andriamanitra Izy, ary izany ireo Toetrany. Ary tsy maintsy manana zavatra iray Izy mba hanehoana an'ireo Toetrany.

239 Ahoana no mba ahafantaranareo fa nisy ny alina iray, ahoana no mba ahafantaranareo fa nisy anankiray? Raha atoandro daholo ilay izy, dia ahoana no mba ahafantaranareo fa nisy ny alina? Misy ny alina iray, mba ahafahany manaporofo ny atoandro. Azo antoka, misy izy. Amena. Hitanareo ve izay Nataony?

240 Fa rehefa tany aoriana tany Izy, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, talohan'ny Nakany an'io masoandro tranainy io ka Nanetsehany azy nanodidina an'io kintana tranainy izay iainantsika eo ambony io ankehitriny, ity tany ity, ary Novolavolainy teto izy tamin'ny alàlan'ny masoandro, ka nametraka azy nanodidina ny masoandro. Atao hoe, *ity* ny masoandro. Novolavolainy izy teo amin'*ity* ilany ity, ka namela azy hihantona teo nandritry ny zato miliara taona. Inona no Namboariny? Entona sasantsasany. Nihodina nankeo amin'*ity* ilany ity Izy, nanamboatra zavatra hafa Izy. Inona no Namboariny teo? Potasy sasantsasany. Nihodina nankeo amin'*ity* làlana ity Izy, dia inona no Nataony teo? Nanamboatra kalsioma sasantsasany. Inona no Nataony? Nanao ahy sy ianareo Izy. Inona no Nataony? Tahaka ny mpanao trano mametraka an'ireo roa-sy-efatrany rehetra sy ny roa-sy-valony, ny takela-javany, ny rirany, fantany mihitsy hoe firy ireo tranobe izay haoriny. Ary isika dia vita tamin'ny singa enina ambin'ny folo avy amin'ny tany, ary Izy no nanamboatra antsika rehetra, ka nametraka antsika teo talohan'ny nahatongavan'izao tontolo izao mihitsy. Ary Izy . . . Mety ho lavalava izy tamin'izany fotoana izany; tsy fantatro hoe inona ilay izy. Ho an'ny inona no Nanaovany ny volamena, sy ny varahina mena, sy ny varahina, sy ny rano, ary ireo karazan-javatra rehetra ireo? Mpanao

trano iray Izy. Izy dia mety . . . Ilay Mpanorina, Napetrany teo ny zavatra rehetra, nanao ny zavatra rehetra ho voakapa sy voamboatra. Rehefa Vitany io rehetra io, dia fipoahambolokano goavana be iray fotsiny izany. Navelany nivoaka teo ireo vongam-bolokano tranainy ireo nandritry ny zato tapitrisa taona, mba hanao kalsioma sasantsasany. Inona izany? Ampahanareo izany.

241 Ary tamin'izay fotoana izay, talohan'ny nisian'ny pentin'aina iray teto amin'ity tany ity, dia efa nipetraka teto ireo vatantsika. Haleloia! Talohan'ny nahatongavan'ny vongana hamandoana anankiray teto an-tany, dia efa nipetraka teto isika. Rehefa nandeha nandroso-sy-niverina tao amin'ny sahan'i Edena i Adama, dia efa nipetraka teto aho. Amena. Eny, tompoko. Oh, voninahitra! Rehefa ireo Kerobima, ireo kintan'ny maraina no niara-nihira, ka nihiakam-pifaliana ireo zanak'Andriamanitra, dia efa nipetraka teto aho niandry fotsiny an'ilay fofon'aina ho tonga. Efa teto aho. Izy no nanao ahy teto, nanao ny vatako hipetraka teto. Eny, tompoko. Raha tsy izany ilay izy, dia avy taiza izy? Hah? Ahoana no nahatongavany teto? Andriamanitra no nanao azy hipetraka teto. Andriamanitra no nanamboatra azy. Isika dia vita avy tamin'ny singa enina ambin'ny folo: solitany, potasy, ary hazavana kosmika, sy inona koa. Hitanareo, efa nipetraka teto isika.

242 Avy eo dia inona no nitranga? Avy eo Andriamanitra dia nilaza tamin'ny Fanahy Masina, haka ao anatin'ny endrika maripamantarana fotsiny isika hoe, "Ankehitriny mandrosoa Ianao, mandehana Ianao maneho fitiavana amin'io izao tontolo izao io. Satria, Izaho dia fitiavana, ary vokatra iray avy Amiko Ianao, noho izany dia mandehana Ianao maneho fitiavana amin'io izao tontolo izao io ankehitriny." Ary ilay Fanahy Masina goavana, heverintsika, dia nivoaka teo; ao amin'ny endrika sary fotsiny ankehitriny. Tsy tahaka an'izany ilay izy. Mazava ho azy, ny Fanahy Masina sy Andriamanitra dia tanjona mitovy ihany, tanjona mitovy ihany, Olona. Mamelà ahy. Ary atao fotsiny hoe namelatra ny Elany nanodidina ny tany Izy, nanomboka nikotrika Izy. Inona izany mikotrika izany? Tahaka ny akohovavy amin'ireo akohokeliny, mikohokoho, maneho fitiavana hoe, "Klak, klak, klak." Oh!

243 "O ry fiainana, mivoaha!" Niantsoantso Izy. Nijery manodidina Izy. "Mila hatsaran-tarehy Aho eto amin'ity tany ity. Mivoaha, ry hazavana!" Nihetsika ilay Fanahy Masina. Ary rehefa nihetsika Izy, mijery aho; tonga, nisy helidrano nidina avy tany amin'ilay havoana tany, tonga ny kalsioma sasany niraraka tany, ary mifangaro amin'ny potasy. Inona no nokoboniny tao? "Ry fiainana, mivoaha!" Dia namoaka ny lohany niakatra avy tao ambanin'ny vato iray ny voninkazon'ny Paska kely iray. "Avia eto, Ray, jereo io."

244 "Tena tsara izany. Manohiza mikotrika fotsiny." Nafoy an'ireo voninkazo Izy. Nafoy ny zava-maniry rehetra Izy. Nafoy ny tontolon'ny biby rehetra Izy. Nanidina nivoaka avy tamin'ny vovoka ireo vorona. Afaka kelikely, tonga ny lehilahy iray sy vehivavy iray; tonga ny lehilahy iray, ary ilay lehilahy dia sady lehilahy no vehivavy. Tsy manana taovam-pananahana roa, ankehitriny. Izao fotsiny, tao anatiny fotsiny, dia nisy fanahy vavy iray tao.

245 Rehefa maka lehilahy iray izay tena sarimbavy ianareo, mety tena tsara izy, voavoatra tsara, saingy misy zavatra tsy mety ao. Ary rehefa maka vehivavy iray ianareo, izay te-hanapaka ny volony sy hanao akanjo fitondra miasa, ary mivoaka eo, ary, "Isaorana Andriamanitra, ho teneniko aminao!" Misy zavatra tsy mety ao. Ny vehivavy iray dia manana fanahy vavy, ary ny lehilahy iray dia lahy. Fantatsika izany. Ary fantatrareo izany. Mety tsara ve ny vehivavy iray, izay miezaka ny ho, manao tahaka ny lehilahy iray?

246 Nahoana, nipetraka aho indray mandeha, mpiandry saha teto aho, ary nipetraka tao amin'ny fiara fitaterana dia nandeha tany ary nikapoka an'io vehivavy io teo amin'ny ranjony, tamin'ny tànako, niresaka taminy, ary tsy fantatro hoe vehivavy iray ilay izy. Nanao ny iray amin'ireny kasiketin'ny mpaningina vy ireny izy, ary solomaso fiasana goavana tahaka an'*izao,* ary nipetraka teo aoriana teo aho, ka niteny zavatra hafa iray mikasika ny zavatra iray niseho izy. Hoy izy hoe, "Fantatrao," dia hoy izy hoe, "ary omaly hariva," nasiaka be arak'izay naha-izy azy mihitsy, nifoka sigara. Hoy izy hoe, "Omaly hariva, teneniko anao, nibolisatra ilay zalahy, teo an-tampon'io zavatra io. Hoy izy hoe, 'Oadray!' Tonga izy dia nikodiadia nanerana teo." Hoy izy, "Tsy mbola nihomehy betsaka tahaka an'izany mihitsy aho teo amin'ny fiainako."

247 Dia nihomehy aho, fantatrareo, tahaka an'*izao*. [Manao feo mitefotefoka Rahalahy Branham—Mpand.] Hoy aho hoe, "Ry tovolahy, izany no anankiray, sa tsy izany?" Nipetraka teo niresaka tahaka an'izany. Ary raha tsy nanala an'io zavatra io izy ka nanetsika ny lohany, fa nanana fehim-bolo iray izy teo ambony teo, hoe vehivavy iray izy. Tsy nahatsapa ho tena kely tahaka an'izany mihitsy aho teo amin'ny fiainako. Izaho—hoy aho hoe, "Vehivavy iray ve ianao?"

Hoy izy hoe, "Nahoana, azo antoka!"

248 Hoy aho hoe, "Mamelà ahy." Tsy mbola nahita tahaka an'izany mihitsy aho. Ankehitriny, izany, izany no fahamarinana.

249 Nahita takelaka iray aho indray andro, toy ny nampientam-po ahy. Nanana takelaka goavana ilay izy teo, nanao hoe, "Akanjon-dramatoa vonona ny hanaovana." Nieritreritra aho hoe, "Deraina Andriamanitra ny amin'izany." Hitanareo?

Saingy, hitako fa, karazana akanjo iray fotsiny ilay izy izay efa namboarin'izy ireo ho vonona, fantatrareo. Izaho—nieritreritra aho fa tena hanao akanjo marina tokoa izy ireo. Nieritreritra marina tokoa aho. Nanao hoe, "Ireo ramatoa dia vonona ny hanao akanjo." Hoy aho hoe, "Deraina Andriamanitra ny amin'izy ireo. Tsara izany. Izany, azo antoka fa nisaotra ny Tompo aho ny amin'izany." Saingy, hitanareo, karazan'akanjo iray fotsiny ilay izy izay efa namboarin'izy ireo ho vonona, zavatra iray. Tsy maintsy ho zavatra iray hafahafa, sa tsy izany, eto amin'ity firenena ity? Eny àry.

250 Avy eo rehefa niseho i Adama. Ary tamin'izay fotoana izay dia toy ny manirery i Adama, noho izany dia naka taolana iray avy tao amin'ny tehezany Izy ary nanao an'i Eva, vokatra notsoahina iray avy taminy. Izy dia nanao . . . Notsoahany ilay fanahy vavy avy tao amin'i Adama, ary nataony tao anatin'ilay vehivavy, ilay fanahim-pitiavana, vavy, tsara fanahy, mora fanahy. Ary Najanony tao amin'i Adama ilay fanahy lahy. Ankehitriny, raha misy zavatra iray hafa eo, dia misy fanimbana iray any ho any. Ankehitriny, ary tamin'izay fotoana izay dia iray izy roa ireo.

251 Ary noho izany dia ndao àry isika haka tantara an-tsehatra kely iray fotsiny alohan'ny hamaranantsika. Indro tonga . . . Indro, i Adama fa mandray an'i Eva amin'ny sandriny dia lasa izy ireo. Tiako fotsiny ity tantara ity. Ary lasa izy ireo, fantatrareo. Dia hoy i Eva hoe, "Oh, malala, ny tianao ho lazaina ve dia hoe ianao no nanao?"

"Eny, izaho no nanome anarana an'io."

"Fa inona no iantsoanao an'io?"

"Io no antsoina hoe soavaly. Ah-hah."

"Inona io?"

"Io no ombivavy. Ah-hah."

"Ianao ve no nanome anarana an'io?"

"Hia. Ah-hah."

252 "Inona no iantsoanao an'io ery io, ireo anankiroa izay mipetraka ery miaraka amin'ny lohany miaraka ireo?"

"Ireo no sarivazo."

253 "Oh, hitako. Hitako." Dia nanohy tahaka an'izany. "Ary inona ity eto ity?"

"Izaho dia miantso an'io hoe, *izao*, ary ity eto ity."

254 Ary, "Oh, hitako. Ah-hah. Mahafinaritra izany." Dia mierona ny liona iray. "Inona no iantsoanao an'io?"

"Io no liona."

"Inona *ity*?"

"Ny tigra."

255 Ary, oh, tahaka ny. . . "Oh, hitako." Tahaka an'ireo zanatsaka, fantatrareo, ary mimeomeo manodidina.

256 Noho izany, afaka kelikely, dia mijery manodidina izy. Hoy izy hoe, "Malala, jereo iry, midina ny masoandro. Fotoana handehanana any am-piangonana izao."

Fantatrareo, misy zavatra iray mikasika ny hoe rehefa milentika ny masoandro, te-hanompo ianareo. Raha tsy mandeha any am-piangonana ianareo amin'io hariva io, dia te-hiditra ao amin'ny efitra iray ianareo, mamaky ny Baiboly. Firy no tia manao an'izany, mitokana irery? Hitanareo? Ao amin'ny olona fotsiny ny hanao an'izany. Tokony hataonareo izany.

"Fotoana handehanana any am-piangonana."

257 Ankehitriny, tsy nilaza mihitsy izy ireo hoe, "Ankehitriny, andraso iray minitra ankehitriny, ankehitriny, Jones dia mikambana amin'ny Assemblées, ary isika mikambana amin'ny. . . " Tsia, tsy zavatra tahaka izany ilay izy tamin'izany, noho izany dia nandeha fotsiny izy ireo. Tsy nanana fiangonana iray izy ireo, seza tsara iray hipetrahana tahaka an'izany. Nandeha teo ambanin'ilay katedraly hazo goavana be iray izy ireo, ary nandohalika.

258 Ary nihantona tao anatin'ireo kirihitra tany io Hazavana boribory io. Hitanareo? Afaka mandre Feo iray aho miteny ary manao hoe, "Nampifaly ny tenany ve ny Zanako teny ambonin'ny tany, androany, izay nomen'ny Tompo Andriamanitrao anao?"

259 "Eny, Tompo, nampifaly ny tenanay izahay androany." "Sa tsy izany, malala?"

260 "Eny. Eny, malala, nampifaly isika." "Tompo, azo antoka fa mankasitraka Anao izahay. Ankehitriny dia hampandry ny tenako hatory aho." Hitanareo? Dia manatsotra ny sandriny goavana izy, ary mandry izy, teo amin'ny sandriny, ary mampandry an'ilay tigra sy mampandry an'ilay liona izy, sy ny sisa mba hatory; tena feno filaminana.

261 Noho izany dia nidina Andriamanitra ary Izy dia nitondra, oh, andian'Anjely, Gabriela, ny Famoronany avy any An-danitra. Noho izany dia nidina izy ireo ary nitsaitsaika moramora tao amin'ny efitra fatoriana, hitanareo, nijery manodidina. Hoy i Gabriela hoe, "Avia eto, Ray. Avia eto. Jereo eto. Io izy. Indro, indro ny Zanakao mandry eto."

262 Firy ato no mba nandeha teo amin'ny sisim-pandriana, ny sasany aminareo reny, ianareo sy i dada miaraka, ka nijery an'ilay zazalahy kely, ilay zazavavy kely, ka mifampahatsiahy fotsiny hoe, "Tsy—tsy mitovy aminao ve izy, eto amin'*ity* sy eto amin'*itsy*?" Efa mba nanao an'izany ve ianareo? Nahoana, matetika aho dia mandeha ka milaza amin'i Meda, milaza

mikasika an'i Joseph. Hilaza izy hoe, "Bill, manana handrina avo tahaka anao izy."

263 "Hia. Saingy, Meda, manana maso goavana tahaka anao izy." Nahoana? Izy dia ampahan'ny voka-. . . Izy dia vokatra avy amin'ny—avy amin'ny firaisantsika.

264 Ankehitriny, ary nilaza ny Ray, afaka milaza an'izany mikasika an'ity. Hoy Izy, "Fantatrao. . . " Dia hoy i Gabriela hoe, "Fantatrao, mitovy Aminao izy." Tahaka an'izany no itovian'Andriamanitra; jereo ny tenanareo. Tahaka an'izany no itovian'Andriamanitra. Mitovy aminareo Izy. Ianareo no Solofony. Firy no mahafantatra an'izany? Hitanareo?

265 Diniho ankehitriny. Inona no endrik'aina ambany indrindra ananantsika? Sahona. Inona no endrik'aina ambony indrindra? Olombelona. Izany tokoa. Ary inona no endrika ambony indrindra? Mitohy avy amin'ilay ambany indrindra fotsiny ilay izy, mitohy miakatra, avy amin'ny endrika sahona iray mankany amin'*ity* sy mankany amin'*itsy*, ary mankany amin'ny vorona, mandra-paha, sy ny sisa, ao amin'ny endrik'aina ambony kokoa, mandra-pahatongany eo amin'ny endrika ambony indrindra izay azony ahatongavana, avy eo dia tao amin'ny endrik'Andriamanitra ilay izy. Eo ianareo izao. Ary ny vehivavy dia tsy natao tamin'ny endrik'Andriamanitra, fa tamin'ny endrik'olona. Hitanareo?

Ankehitriny, ankehitriny, teo izy ireo. Dia mijery azy ireo Andriamanitra, nanao hoe, "Eny, izy ireo dia—tena maha-te-ho tia izy ireo."

266 Inona izany, rahalahy? Tsy tokony ho faty mihitsy izy ireo. Izany dia ilay kalsioma voalohany eran'ny tànana fotsiny, ilay potasy voalohany, sy ny sisa izay nanomboka tahaka an'izany. Tsy mahafinaritra ve izany? Saingy tonga ny fahotana ka nanimba an'ilay sary. Ankehitriny, Andriamanitra ve. . . Inona no navelan'Andriamanitra hataony? Nahoana Izy no namela azy ho tahaka an'izany araka ny noresahantsika vao teo? Navelany izy mba Ahafahany manaporofo fa Mpamonjy iray Izy. Nataony izany. Namela ny aretina hitranga Izy, mba Ahafahany manaporofo fa Mpanasitrana iray Izy. Namela ny fahafatesana hitranga Izy, mba hanaporofo fa Izy no Fiainana. Hitanareo? Namela ny zavatra ratsy rehetra hitranga Izy, mba hanaporofo fa tsara Izy, izany Izy. Isika dia. . .

267 Miresaka ny amin'ny fihirana ny tantaram-panavotana ianareo! Nahoana, rahalahy, rehefa tonga Jesosy, ity—ity Fiangonana ity dia hitsangana eo am-paran'ity tany ity any ka hihira an'ireo tantaram-panavotana, rehefa hanondrika ny lohany ireo Anjely, tsy mahafantatra an'izay resahantsika. Eny, tsy very mihitsy izy ireo. Tsy fantatr'izy ireo izay nandalovantsika. Isika dia mahafantatra hoe inona no dikan'ny very sy hita. Oh, afaka miantsoantso ny Fiderany isika! Tsy

Mpamonjy iray Izy ho azy ireo. Tsy nila famonjena iray mihitsy izy ireo. Tsy Mpanasitrana iray Izy ho azy ireo. Tsia. Voninahitra! [Mitehaka ny tànany miaraka indimy Rahalahy Branham—Mpand.] Izy tsy—Izy tsy Fiainana ho azy ireo. Tsia tokoa. Tsy maty tao anatin'ny fahotana sy ny heloka mihitsy izy ireo. Isika no maty, ary natao velona isika. Eo isika izao. Inona no ho lazaintsika, miaraka amin'ny satroboninahitsika miala, "Oh, ianao no Rev. *Ranona-sy-ranona*"? Tsia, tsia, tsia, tsia, tsia. Ho Azy ny voninahitra rehetra! Izay ilay izy. Eo ianareo izao. Amin'izay fotoana izay isika dia hiteny an'ilay tantara hoe ahoana no nandresentsika. Hahazo tsaratsara kokoa an'izany isika atsy ho atsy.

268 Tamin'izay fotoana izay, tamin'izay fotoana izay tany, tamin'izay fotoana izay dia inona no nitranga? Nilaza fotsiny ve Andriamanitra hoe, "Eny, mety handrava fotsiny mihitsy ny Potasiko sy ny kalsiomako rehetra ihany koa Aho. Potika izy rehetra"? Tsia, tsia. Fantany fa tsy maintsy ho tahaka an'izany ilay izy.

Ankehitriny, ankehitriny, raha nanao ahy arak'izay maha-izy ahy ny Fanahy Masina, ka mihinana sakafo aho ary mamelona ny vatako, ary mitombo mankany amin'izay maha-izy ahy ankehitriny. Ankehitriny, kanefa, natao tao amin'ny endrika aho. Ny sary rehetra izay hitan'Andriamanitra, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia miha-lehibe, lasa mivaingana. Hitanareo? Nivoaka avy tao amin'ny vehivavy izany, araka ny Nolazainy fa ho izany ilay izy; ny manaraka, dia mivoaka avy amin'Andriamanitra izany. Tamin'izany fotoana izany ilay izy dia tonga, tamin'ny alàlan'ny vehivavy; amin'ity fotoana ity izany dia tonga, tamin'ny alàlan'ny Lehilahy. Hitanareo? Tonga tamin'izany fotoana izany, tamin'ny alàlan'ny filàna ara-nofo iray; tonga ilay izy amin'ity fotoana ity tamin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra voambara. Hitanareo?

269 Misy ve, ankehitriny, zavatra iray afaka handratra ahy? Tsia, tompoko. Tsy misy na inona na inona afaka handratra antsika. Hoy i Paoly hoe, "Na ireo zavatra ankehitriny aza, ireo zavatra ho avy, aretina, fahafatesana; tsy misy na inona na inona afaka mampisaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy." Tsy misy zavatra iray afaka hampisaraka antsika.

270 Araka ny nitenenako tantara kely iray. Eo amin'ny volo dimy eo sisa dia ho sola aho, tanteraka. Ary nibango an'ireo vitsy ireo aho teto indray andro lasa, hoy ny vadiko hoe, "Billy, efa saiky sola ianao."

Hoy aho hoe, "Saingy tsy nahavery ny anankiray tamin'izy ireo aho."

Hoy izy hoe, "Aiza no misy azy ireo?"

271 Hoy aho hoe, "Taiza izy ireo talohan'ny nananako azy ireo?" Hitanareo? "Tany amin'izay nisy azy ireo mihitsy talohan'ny nananako azy ireo."

Ankehitriny, nisy fotoana indray mandeha, zato taona lasa izay, tsy teo mihitsy ireto volo ireto, saingy efa tao anatin'ny vovoka izy ireo teto. Marina ve izany? Avy eo teo amin'ny dimampolo taona lasa teo izay, dia nanomboka niseho teo amin'ny lohako izy ireo. Avy taiza izy ireo? Avy tao amin'ny vovoka. Ary ankehitriny dia miverina mankany amin'izay nisy azy izy ireo. Marina ve izany? Tsy teo izy ireo, avy eo dia nisy, ary ankehitriny dia tsy eo izy ireo. Inona izany? Inona no nanao azy ireo amin'izay maha-izy azy ireo? Andriamanitra! Io Izy. Nandoko sary iray Izy, nanao hoe, "Tahaka an'izao no Ilako azy."

272 "O ry Fahafatesana, aiza ny fanindronanao? Ry fasana, aiza ny fandresenao?" Mety handevina ahy ianareo indray andro any avy eto. Tsy fantatro. Fa, rahalahy, tsy ho faty aho. Hoteneniko aminareo izany. Tsia, tompoko. Oh!

> Hitsangana isika! Haleloia! Hitsangana isika!
> Amin'io marainan'ny fitsanganana io, rehefa tapaka ireo fefin'ny fahafatesana,
> Hitsangana isika! Haleloia! Hitsangana isika!

Tsy misy na inona na inona afaka hanakana ahy tsy hitsangana. Tsy misy devoly ampy ao amin'ny helo rehetra izay afaka hanakana ahy tsy hitsangana. Tsy misy na inona na inona ampy na aiza na aiza hanakana ahy tsy hitsangana. Manana ny teny fikasan'Andriamanitra aho. Manana ny Fanahy Masina aho. Manana ny Zoe aho, Fiainan'Andriamanitra Mandrakizay, mijanona ato anatiny ato. Ity vatana antitra ity dia avy eto, fa nafoy ahy avy tao amin'ny tany Andriamanitra. Ary raha Izy Izay nafoy ahy avy tao amin'ny tany . . .

273 Rehefa tonga taona aho, ankehitriny, isaky ny mandre lakolosim-piangonana iray aho, dia nisy Zavatra niteny tamiko, zazalahy bitika kely iray. Anjely iray no niteny avy tao amin'ny kirihitra iray, nanao hoe, "Aza misotro mihitsy ianao na mifoka. Manana asa iray hataonao Aho. Aza mandoto ny tenanao, na mandeha mihodinkodina miaraka amin'ny vehivavy sy ny sisa. Ianao, manana zavatra iray hataonao Aho rehefa lehibe ianao."

"Iza Ianao? Iza Ianao?"

274 "Hahafantatra betsaka mikasika an'izany ianao any aoriana." Afaka kelikely, indro tonga Izy. Nihantona teo amin'ilay fanaovana batisa Izy tany. Maneho ny Tenany Izy. Manambara ny Tenany Izy. Mamaly Izy. Mahita Azy mitsangana aho any, hatraiza hatraiza, eo amin'ny lafiny rehetra.

275 Ahoana no ahafahanareo, raha Izy no nanao ahy arak'izay maha-izy ahy, tsy nanana safidy iray mihitsy . . . ? Tsy nandeha tany mihitsy aho ka nanao hoe, "Ankehitriny, Charlie Branham,

manambadia ianao an'i Ella Harvey ka avohay avy ao amin'ny tany aho." Tsia, tompoko. Tsy nanana an'izany safidy izany mihitsy aho. Andriamanitra no nanao an'izany.

Ary raha Izy no nanao ahy arak'izay maha-izy ahy, tsy nisy safidy iray; tsy mihoatra noho izany ve, rehefa mandeha mikotrika ahy io Fanahy Masina io, ka milaza aho hoe, "Eny, Tompo, Ianao no Mpamorona ahy. Tiako Ianao, ary manaiky Anao ho Mpamonjiko aho!" Ahoana no hihazonanareo ahy ao anatin'ny vovoka? Tsy vitanareo fotsiny izany, rahalahy. Tsy vitanareo fotsiny izany.

276 Tsy namorona singa anankiray avy tamin'io kalsioma io mihitsy Andriamanitra, na potasy, na zavatra hafa, ka mba ho—ho simbaina foana. "Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, no hanatona Ahy." Fioo! Mahatsapa te-hikiakiaka aho; an-kitsim-po fa tena mahatsapa aho. "Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona Ahy, ary tsy hisy ho very ny anankiray amin'izy ireo, fa Izaho no hanangana azy indray amin'ny fitsanganana." Nandre Azy niantso aho, rehefa nanatona Azy. Ahoana no ahafahan'izy ireo hitazona ahy ao anatin'ny vovoky ny tany? Tsy misy mpandevina ampy eto amin'izao tontolo izao hikapoka ahy eo amin'ny tava miaraka amin'ny angady iray, ka mba hitazona ahy ao anatin'ny vovoky ny tany. Hitsangana aho indray andro any ary hijoro hitovy Aminy, voasasa tao amin'Ny Ràny, nateraky Ny Fanahiny! Haleloia! Alaivo ireo anaram-piangonana rehetra izay tianareo alaina; izaho haka an'i Jesosy. Amena!

277 Nanatona ahy ilay lehilahin'ny fiantohana. Wilmer Snyder, sakaizako tsara iray. Hoy izy hoe, "Billy, te-hivarotra fifanaraham-piantohana iray aminao aho."

278 Hoy aho hoe, "Efa manana an'izany aho." (Nijery manodidina ny vadiko, toa te-hilaza hoe, "Inona no andainganao, ry tovolahy?")

Hoy izy, "Manana fiantohana ve ianao?"

Hoy aho hoe, "Eny, tompoko."

Hoy izy, "Orinasa inona ilay izy? Inona ilay izy?"

279 Hoy aho hoe, "Antoka voatahy, ahy Jesosy, oh, fanandramana mialoha ny voninahitra Masina toy ny inona! Mpandova famonjena, novidian'Andriamanitra, nateraky Ny Fanahiny, voasasa tao amin'Ny Ràny."

280 Hoy izy hoe, "Tsara izany, Billy, fa tsy hametraka anao ao amin'ilay tokontanim-pasana izany."

281 Hoy aho hoe, "Hamoaka ahy ao izany." Haleloia! Tsy manahy an'izay hidirana ao aho; ilay izy dia ny fivoahana.

282 Noho izany, manana fiantohana aho izay miteny amiko hoe, "Izaho no hanangana. Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no Ahy." Tsy ahoako izay nataon'ny raiko, izay nataon'ny mamako, na

zavatra inona ilay izy. "Izay nomen'ny Ray Ahy no hanatona Ahy, ary tsy misy olona afaka manatona raha tsy Ny Raiko no nitarika azy." Haleloia! Nahoana Izy no nitarika azy ireo? "Efa Fantatro mialoha izy ireo talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Rehefa namono an'ilay Zanak'ondry Aho, dia namono azy niaraka Taminy Aho." Amena. "Izaho efa nifidy mialoha an'ilay Fiangonana." Iza no manana ny fididianana mialoha? Ilay Fiangonana. Ahoana no idiranareo ao amin'ilay Fiangonana? "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray." Fantany, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, fa ho eo isika. "Ary ireo izay Fantany mialoha, no Nantsoiny. Ireo izay Nantsoiny, no Nohamarininy. Ireo izay Nohamarininy, no efa Nomeny voninahitra."

283 Ao amin'ireo Bokin'Andriamanitra, dia efa Nolazainy fa hihaona amiko any Izy. Tsy misy devoly rehetra avy ao amin'ny helo afaka hihazona azy ireo na aiza na aiza any ankafa ka hanakana azy ireo tsy ho tonga any mihitsy, satria Andriamanitra no efa niteny an'izany, dia milamina hatreo izany. Raha . . . Zato miliara taona talohan'ny nanaovana an'izao tontolo izao mihitsy, dia efa niara-nihira ireo kintan'ny maraina ary nihiakam-pifaliana ireo zanak'Andriamanitra, talohan'ny nisian'ny fanorenana iray an'izao tontolo izao. Hitanareo? Talohan'ny nisian'ny fano- . . . Ary faly ireo Anjely sy ny sisa, nihiakiaka mikasika an'izany, talohan'ny nisian'ny fanorenana iray an'izao tontolo izao. Ahoana no hihazonan'ny devoly ahy ao anatin'ny vovoky ny tany? Tsy afaka manao an'izany fotsiny izy. Marina ny anareo.

284 Ndao isika hijery, ankehitriny. Ity oran'ny demokraty izay ananako, eto ity. Amin'ny iraika ambin'ny folo latsaka roapolo minitra izao. Izany hoe vao amin'ny folo latsaka roapolo minitra fotsiny. Marina ve izany, Rahalahy Wood? Marina izany, amin'ny folo latsaka roapolo minitra. Faly ve ny olona rehetra?

> Oh, mahatsapa toy ny hoe manao dia aho,
> Mahatsapa toy ny hoe manao dia aho;
> Mamiratra sy tsara ny Tranoko any An-danitra,
> Ka mahatsapa toy ny hoe manao dia aho.
>
> Oh, mahatsapa toy ny hoe manao dia aho,
> Mahatsapa toy ny hoe manao dia aho;
> Mamiratra sy tsara ny Tranoko any An-danitra,
> Ka mahatsapa toy ny hoe manao dia aho.

285 Tianareo ve ireny hira fahiny tahaka an'izany ireny? Nisy fahiny anankiray taloha izay nahazatra antsika ny nihira azy, zavatra iray mikasika ny, "Nahita ahy ny fahasoavana sy famindrampo. Namiratra teo ilay Kintan'ny Maraina." Inona ilay izy, Ranabavy Gertie? Ndao isika hijery. Ahoana . . . Inona ilay izy, Rahalahy Neville? Hitanareo, zavatra iray hoe, "Nahita ahy ny fahasoavana sy famindrampo. Teo ilay Kintan'ny Maraina sy

Mamiratra no naneho Ny . . . ? . . . nanodidina ahy." Ah-hah. Hia. "Teo amin'ilay lakroa." Omeo anay ny naotin'izany, ranabavy, hoe, *Akaikin'Ilay Lakroa*. Manatòna eto, Rahalahy Neville. Oh, tiako izy ireny. Firy no tia an'ireny hira voatsindrimandry fahiny ireny? Afaka manao ny boogie-woogie tsambikina-ambony-sy-ambaninareo rehetra izay tianareo alaina ianareo. Omeo ahy ity, "Teo no nahitan'ny fahasoavana sy famindrampo ahy." Izay ilay izy. Eny àry, moramora ankehitriny.

Jesosy, hazòny eo akaikin'ilay lakroa aho,
Eo no misy loharano iray sarobidy,
Malalaka ho an'ny rehetra, onim-panasitranana iray,
Mikoriana avy eo amin'ny tendrombohitr'i Kalvary.

Ao amin'ilay lakroa, ao amin'ilay lakroa,
No voninahitro hatrany;
Mandra-pahitan'ny fanahiko ampakarina
Fitsaharana any ankoatr'ilay renirano.

286 [Manomboka misamonomonona ny *Eo Akaikin'Ilay Lakroa* Rahalahy Branham—Mpand.] Oh, tsara tarehy toy ny ahoana! Eritrereto izany! Ahoana moa raha tsy nisy Mpamonjy? Ahoana moa raha tsy nanana an'ity Teny ity isika? Ahoana moa raha tsy niantso anareo Izy? Ahoana moa raha tsy nahafantatra anareo mialoha Izy, fa tany ivelany tany amin'ny sisa amin'izao tontolo izao tany ianareo izao hariva izao? Tianareo ve Izy? Oh, oadray! Aza adino ireo fotoana amin'ny maraina, ankehitriny, amin'ny sivy sy sasany.

Ao amin'ilay lakroa, ao amin'ilay lakroa,
No voninahitro hatrany;
Mandra-pahitan'ny fanahiko ampakarina
Fitsaharana any ankoatry . . .

287 Ankehitriny dia omeo anay ny naoty eo amin'ny *Efitra Ao Amin'Ilay Loharano*. Ity hira tranainy tsara ity, "Misy efitra ao amin'ilay Loharano." Firy no mahafantatra an'izany? "Efitra, efitra, eny, misy efitra, efitra ao amin'ilay Loharano." Rehefa manao azy ianareo ankehitriny, dia atsory tena moramora fotsiny ny tànana, amin'ny eo akaikinareo, ka raiso ny tànan'io rahalahy io. Fantatrareo, misy efitra ankehitriny ho an'ireo Metodista rehetra. Misy efitra ho an'ireo Batista. Misy efitra ho an'ny Pentekosta. Misy efitra ho antsika rehetra ankehitriny, ao amin'ilay Loharano. Firy no mahafantatra an'ilay hira fahiny? Oh, azo antoka fa mahafantatra ianareo. Ny sasany aminareo tamin'ny andro fahiny ankehitriny, dia ity no hira tsara iray, fahiny an'i Kentucky ankehitriny.

Efitra, efitra, (mifandraisa tànana), eny, misy efitra,
Misy efitra ho anao ao amin'ilay Loharano;

Efitra, efitra, eny, misy efitra,
Misy efitra ho anao ao amin'ilay Loharano.

Oh, efitra, efitra, misy efitra betsaka,
Misy efitra ho anao ao amin'ilay Loharano;
Oh, efitra, efitra, eny, misy efitra,
Misy efitra ho anao ao amin'ilay Loharano.

288 Ankehitriny, manana fahagagana kely iray ho anareo aho. Ireo toriteny farany indrindra rehetra, ary ireo boky, sy ny sisa, dia hamidy eo amin'ilay ilany farany an'ny fiangonana, amin'ny herinandro manaraka, ao amin'ireo fivoriana; ireo horonam-peo sy ny sisa, ary ny rehetra, dia ao amin'ny endrika lahatsoratra tsara tarehy. Hisy latabatra iray ao ambadika aoriana ao, ao amin'ny iray amin'ireo efitra. Ary ilay lahatsoratra, ireo toriteny farany indrindra, sy soratra tsara tarehy sasantsasany izay nivoaka voalohany, ao amin'ny boky vaovao, fanontana vaovao, dia hipetraka eo daholo, ao amin'ny—ny faran'ny tranobe, amin'io Alarobia hariva manaraka io.

Ary izahay dia manantena fo—fotoana tsara iray ao amin'ny Tompo. Tongava, mivavaka, ankehitriny. Ankehitriny, antsoy ny mararinareo sy ny ory, anoraty taratasy iray izy ireo. Ento miditra eto izy ireo. Isika fotsiny no. . . Andriamanitra dia hihetsika mahery fotsiny. Ary fantatsika fa Hataony izany ankehitriny.

289 Ary ankehitriny dia nandeha tany amin'ny olona rehetra izay fantatro aho, izay nanana zavatra kely. Raha misy zavatra izay tsy mahitsy ankehitriny, dia tsarovinareo, efa niteny taminareo hatry ny ela aho, fa hanitsy an'izany isika. Ary fantatro fa mahafantatra ianareo hoe misy fanahy iray hafa noho izay efa nisy eto. Hitanareo? Hitanareo? Hitanareo? Marina izany. Ankehitriny, aza avela hiala intsony izany. Mandidy anareo eo anatrehan'i Jesosy Kristy aho, aza avela hiala izany. Mijanòna eto mihitsy miaraka amin'izany, hitanareo, hazòny hifitsaka tsara mihitsy ny zavatra rehetra dia mandrosoa avy hatrany. Mpirahalahy ianareo. Tsy ny rahalahinareo na ny anabavinareo mihitsy no manao zavatra ratsy; ilay izy dia io fanahin'ny devoly io no miditra eo. Hitanareo, mihodinkodina izy. Ary manàna fitserana an'ilay rahalahy na ilay anabavy, ka fantaro fa i Satana no miditra eo anelanelana. Raha manana fihetseham-po iray ianareo mikasika an'izany, dia avohay hiala aminareo haingana mihitsy izany, hitanareo, satria hikiky anareo izany. Eny, hikiky izany. Noho izany, dia alaviro izany. Tsarovy fotsiny.

Misy efitra, efitra, efitra betsaka,

Misy efitra ho an'ireo Metodista, efitra ho an'ireo Batista, efitra ho an'ny Presbyterana. Misy efitra ho an'ny rehetra.

Efitra, efitra, eny, misy efitra,
Misy efitra ho anao ao amin'ilay Loharano.

290 Firy no mahatsiaro an'ilay hira fampiravantsika fahiny, tamin'izany fotoana izany?

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;
Hanome fifaliana sy fiononana ho anao Izany,
Raiso Izany na aiza na aiza alehanao.

Maniry aho ny ahafahanao hijanona miaraka aminay, Rahalahy Jeffreys, ianao sy Ranabavy Jeffreys, ary ireo zazalahy eo ireo, ary izy rehetra ireo.

Ary amin'izay fotoana izay dia amin'ny Anaran'i Jesosy no iondrehana,
Miankohoka eo an-Tongony; (Oh, oadray!)
Hosatrohantsika Mpanjakan'ny mpanjaka any An-danitra Izy,
Rehefa mifarana ny diantsika.

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Raiso Izany ho Ampinga iray androany;
Oh, rehefa manakaiky ny fakam-panahy,
Bitsiho am-bavaka io Anarana Masina io.

Oh, tiako izany. Ary ianareo? Io Anarana mahagaga an'i Jesosy io! Ankehitriny, ndao isika hitsangana izao ankehitriny izao, raha mbola mihira isika ankehitriny. Eny àry.

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;
Izany dia . . .
[Miresaka amin-dRahalahy Neville i Rahalahy Branham—Mpand.]

O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
Anarana sarobidy (O Anarana sarobidy), O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

291 Ity dia fahasamihafana kely ankehitriny. Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny, ary, tena moramora, ndao isika hanangana tànana anankiray. Manaova hoe:

Amin'ny Anaran'i Jesosy no iondrehana,
Miankohoka eo an-Tongony,
Hosatrohantsika Mpanjakan'ny mpanjaka any An-danitra Izy,
Rehefa mifarana ny diantsika.

Anarana sarobidy, O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
Eny, Anarana sarobidy, O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

292 Miaraka amin'ny lohantsika miondrika hatrany, milaza isika . . . [Manomboka misamonomonona ny *Raiso Eo Aminao Ny Anaran'I Jesosy* Rahalahy Branham—Mpand.]

Nahoana Isika No Tsy Anaram-piangonana? MAG58-0927
(Why Are We Not A Denomination?)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Sabotsy hariva, 27 Septambra 1958, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2017 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org